# NY FANAMBIN' NY FIANGONANA

**Mpanoratra :** ANDRIAMITANDRINA
RANDRIAMANANTENA
Voahangiharinivo Vololona

FIANGONANA MANDRESY AMIN'NY ADY ATAO

AMIN'NY FIHANAKY NY TSIMOK'ARETINA VIH / SIDA

# NY FANAMBIN' NY FIANGONANA

**"IZA MOA NO MAHARESY**
**IZAO TONTOLO IZAO,**
**AFA-TSY IZAY MINO**
**FA I JESOA NO ILAY**
**ZANAK' ANDRIAMANITRA ?"**

*(IJaona 5 : 5)*

**Fonony :** Sary Agape Centro Ecumenico Prali (TO)
TORINO - ITALIA

World Council of Churches
150, route de Ferney, P.O. Box 2100
1211 Geneva 2

Website : http://www.wcc.coe.org

*Avy amin' ny Baiboly Protestanta no nakana ireo teny avy amin' ny Soratra Masina.*

Natonta fanindroany
Antananarivo, Aprily 2006

# TENY FANOLORANA

Isaorana Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy Tompo ary ny Fanahy Masina noho ny asany ao amin' ny Fiangonana ka ahazoana manolotra izao asa soratra izao, ho fitaovana mahomby ho an' ny Fiangonana Kristiana rehetra eto Madagasikara. Koa atolotra an' Andriamanitra ny Dera sy ny Laza ary ny Voninahitra !

Isaorana ihany koa ny Filankevitra Ekiomenika ny Fiangonana Erantany/EHAIA noho ny tolokevitra sy ny fanampiana nataony ka nahatontosana izao raki-tsoratra izao. Atolotra ny Filankevitra Ekiomenika ny Fiangonana eran-tany ny fisaorana !

Boky atolotra ho an' ireo rehetra mikely aina amin' ny ady, manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ity, ho an' ireo tompon' andraikitra rehetra na amin' ny fikambanana na amin' ny Fiangonana ka miteny tahaka an' i Estera hoe : hataoko ahoana no fijery ny loza hanjo ny fireneko !" (Est. 8 : 6).

Boky atolotra ihany koa ho an' izay rehetra miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA !

Ity indray no fanontana faharoa. Maro no liana tamin' ny namakiana ny boky edisiona voalohany. Koa atolotra am-panetretena ho tari-dalana. Enga anie Andriamanitra hanampy izay rehetra mampiasa ity fitaovana ity ka hahatonga azy ho Mpandresy tahaka an' i Jesoa Kristy, eny mihoatra lavitra noho ny mpandresy aza ! (I Kor. 15 : 57).

***ANDRIAMITANDRINA RANDRIAMANANTENA***
***Voahangiharinivo Vololona,***
***Mpitandrina***

## NY FANAMBIN' NY FIANGONANA

Ny fanambin' ny Fiangonana amin' ny ady manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA[1] no anarana ampitondraina izao boky izao. Aretimifindra tsy mbola nahitana fanafana hatramin' izao ny SIDA. Tsy vitan' ny mpiasan' ny fahasalamana fotsiny, na ny olona tsirairay ihany izany ady izany fa ilaina indrindra ny fiaraha-mientan' ny rehetra, anisan' izany koa ny Fiangonana. Mila miatrika ady amin' ny fiparitahan' ny tsimok' aretina VIH/SIDA ny Fiangonana.

Efa taona maro izao no nirotsahan' ny Fiangonana amin' ny ady, be ny asa vita raha ny teo anivon' ny Filankevitra Ekiomenika ny Fiangonana Eran-tany/EHAIA no lazaina, indrindra ny amin' ny tahirin-tsoratra. Kanefa mbola maro koa ireo asa miandry noho ny firongatry ny aretina.

Fanamby lehibe ho an' ny Fiangonana ny fametrahana ny hoe : FIANGONANA MANDRESY AMIN' NY ADY ATAO AMIN' NY FIPARITAHAN' NY TSIMOK' ARETINA VIH/SIDA. Miaraka amin' ny teny izay nofidiana hoe : iza moa no maharesy izao tontolo izao, afa-tsy izay mino fa i Jesoa no Ilay Zanak' Andriamanitra ? (I Jao. 5 : 5).

Ka eo amin' ny ady atao amin' ny SIDA, dia mahavita azy ny Fiangonana araka ny tarigetra napetraky ny WCC/EHAIA[2].

Ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara dia efa nirotsaka ho amin' ny ady ihany koa. Ilaina indray ankehitriny ny hiarahana mametraka fanamby lehibe eo amin' izany Fiangonana izany.

---

(1) VIH/SIDA : Virus de l'Immunodficience Humaine/Syndrome d'Immunodficience Acquise na HIV/AIDS.

(2) WCC/EHAIA : World Council of Churches/Ecumenical HIV/AIDS/Initiative in Africa (Filan-kevitra Ekiomenika ny Fiangonana Eran-tany). Ny tarigetra dia Rendre lEglise plus comptente dans la lutte contre la propagation du virus VIH/SIDA. Fiangonana mahavita azy amin' ny ady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.





Ny fanambin' ny Fiangonana aroso amin' ity boky ity dia ny ahazoan' ny Fiangonana mandinika indray ny tenany ny amin' izay maha-Fiangonana azy, ny finoana izay iainany ka asehony amin' ny asa ataony, amin' ny fampianarany ny Tenin' Andriamanitra sy amin' ny fijoroany ho vavolombelona.

Ny finoana sy ny fahatokiana an' Andriamanitra Rain' i Jesoa Kristy Tompo no zava-dehibe indrindra amin' ny Fiangonana Kristiana. Mitarika ny olona ao aminy hanana izany finoana sy fahatokiana izany izy.

Amin' ny alalan' ny fampianarana sy ny fitoriana ny Tenin' Andriamanitra ary ny fanampiana mivantana no ahazoan' ny Fiangonana miatrika ny ady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Ny teny fanentanana ataon' ny Fiangonana miady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA izay miainga avy amin' ny Soratra Masina dia mampiseho fa ny Fiangonana dia mino an' i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy. Hita indrindra amin' ny ataony ny finoany. Koa miasa vokatry ny finoana an' i Jesoa Kristy sy amin' ny finoana ary ho amin' ny finoana ny Fiangonana. Mino ny Fiangonana fa handresy noho ny herin' ny Tompo Jesoa Kristy ao Aminy izy, ka ny soatoavin' ny finoana no hanabeazany ny vahoaka.

Ny tanjona amin' izao boky izao dia ny ahazoana manolotra ireo hevitra na fotokevitra vitsivitsy sy tari-dalna ho fampiharana mba ho fitaovana eo ampelatanan' ny Fiangonana amin' izao andro ankehitriny izao ao amin' ny toe-java-misy ny amin' ny fiparitahan' ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Ho voavaly amin' izany ny karazana fanambin' ny Fiangonana.

Ny votoatin' ny boky sy ny rafitry ny boky dia niankina indrindra tamin' ireo boky samihafa navoakan' ny Filankevitra Ekiomenika ny Fiangonana Eran-tany/EHAIA. Misy dikanteny maro voaray ao amin' ny votoatinny boky ity. Hatramin' izao dia mbola vitsy ny boky amin' ny teny malagasy ho an' ny Fiangonana Kristiana miresaka ny amin' ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA, izany no antony nampitondrana ny anaran' izao boky izao ho ny fanambin' ny fiangonana.

Misy ireo fanontaniana mila valiny : Maninona no avelan' Andriamanitra hisy ny tsimok' aretina VIH/SIDA ? Inona no ataon' Andriamanitra amin' izao

areti-mifindra sy mandringana izao ? Inona no finoana tian' Andriamanitra hananan' ny olona ao amin' ny Fiangonana ho fitaovana mahomby enti-mandresy ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ?

Ity boky ity dia tsy hihambo velively hahavaly ny fanontaniana fa hiezaka kosa hanolotra tari-dalna ho amin' ny fandinihana ny tenin' Andriamanitra amin' ny toe-java-misy amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA, miainga amin' ireo fotokevitra natsangana avy amin' ny Soratra Masina. Ny drafitra arahana amin' ity boky ity dia nalaina sy nadika tao amin' ny boky navoakan' ny COE(1). Saingy nampifandraisina kosa tamin' ny toe-java-mano-didina sy ny zava-misy eto Madagasikara(2). Boky amin' ny teny malagasy mba ho azon' ny Fiangonana Malagasy hampiasaina na dia eo aza ireo boky maro efa vita amin' ny teny hafa.

Misy fizarana roa lehibe ity boky ity ka ny fizarana voalohany dia anolo-rana ireo hevitra fototra samihafa naroson' ny Filankevitra Ekiomenika ny Fiangonana Eran-tany(3) ho entina hanampiana ny Fiangonana amin' ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA araka ny hita ao amin' ny boky.

Misy toko dimy ny fizarana voalohany ka ny toko voalohany ny foto-kevitra ao amin' ny Soratra Masina, ny toko faharoa ny fotokevitra teolojika, ny toko fahatelo ny etika azo atao manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA, ny toko fahefatra ny zon' olombelona, ny toko fahadimy ny fana-raha-maso sy ny fandraisana an-tnana pastoraly.

Ny fizarana faharoa kosa dia tari-dalana ho fampiharana izay mizara enina. Ny toko voalohany ny teny fanentanana sy ny teny filamatra, ny toko faharoa ny fandinihana ny Soratra Masina, ny toko fahatelo ny marika irai-sam-pirenena ny fampianarana ny amin' ny rib mena, ny toko fahefatra ny fomba fanaovana toriteny, ny toko fahadimy ny vavaka, ny toko fahenina ny didy folo amin' izay andrasana amin' ny Fiangonana.

(1) COE, Face au SIDA LA REPONSE DE LEGLISE, Laction des Eglises Document dtude et Dclaration sur le VIH/SIDA du COE 1998 Genve Suisse.
(2) Inculturation et contextualisation.
(3) COE (Conseil Oecumnique des Eglises).

# FIZARANA VOALOHANY

## IREO LOHAHEVITRA SAMIHAFA

Ireo lohahevitra samihafa no natao lohatenin' ity fizarana voalohany ity satria hitanisana ireo lohahevitra samihafa natolotry ny Komity ny Filankevitra Ekiomenika ny Fiangonana Eran-tany/EHAIA ho teny na valiteny entin' ny Fiangonana miasa hanohitra ka handresy ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA eran-tany.

Misy lohahevitra dimy ity fizarana voalohany ity : ny amin' ny Soratra Masina, ny Teolojia, ny Etika, ny Zon' olombelona, ny Fanaraha-maso sy ny Fandraisana an-tnana ireo olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Ny Fiangonana dia miorina eo amin' ny Tenin' Andriamanitra, koa izay fotokevitra ao amin' ny Soratra Masina azo raisina mifandraika amin' ny toe-java-misy manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA no ezahintsi-ka aroso eto.





## NY FOTOKEVITRA AO AMIN' NY SORATRA MASINA

Ampifamatorana amin' ny resaka medikaly sy ny zava-misy eo amin' ny fiaraha-monina ireo fotokevitra samihafa ao amin' ny Soratra Masina avoitra eto. Mila dinihina sy halalinina mba hazava tsara izany. Ny boky rehetra ao amin' ny Baiboly (ny 66 amin' ny 66) no azo akana perikopa hovakiana ka ampifandraisina amin' ny zava-misy sy ny toe-java-manodidina amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Ny fomba famakiana sy fandinihana ary fandalinana indray ny teny ao amin' ny Baiboly no fanamby lehibe ataon' ny Fiangonana eto, ka ampisongadinana ireo fotokevitra ara-tSoratra Masina izay ilna fampianarana indray.

Maro ny hevitra fototra azo sintonina avy ao amin' ny Soratra Masina, saingy fotokevitra dimy ihany no tanisaintsika eto, izay iaingana amin' izao fanamby lehibe ataon' ny fiangonana izao, dia :

- ny maha-fiombonan' ny mpino ny Fiangonana,
- ny ota sy ny famelan-keloka ao amin' ny fiainan' ny Fiangonana,
- ny fiainam-baovao noho ny fiovana sy ny fanovana,
- ny aretina sy ny fahasalamana
- ny fifankatiavana sy ny fiaraha-monina.

Ilaina indray ny hampahatsiahivina ny Fiangonana izay maha-izy azy araka ny Soratra Masina raha hanao fanamby lehibe izy, manoloana ny toe-java-misy amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

### 1.1.1 - Ny maha-Fiangonana Kristiana ny Fiangonana dia ny Fiombonan' ny mpino ao aminy :

Fiombonan' ny Mpino an' Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina ny FIANGONANA, izany hoe ny fikambanan' ireo olona rehetra nantsoin' Andriamanitra tamin' ny anarany. Atao hoe EKLESIA ihany koa ny Fiangonana.

### 1.1.1.1 - Ny teny ny amin' ny fiombonana

Famakiana indray ny Teny avy ao amin' ny Baiboly isintonana ny hevitra sy ampahatsiahivana indray amin' ny Fiangonana fa ny fiombonana no antom-pisiany. Mitady hatrany izay ho fampiraisana sy fampiombonana no asa vaindohan-draharahan' ny Fiangonana araka ny Soratra Masina.

Misy sary asehon' ny Soratra Masina ny amin' ny fiombonan' ny mpino :

- ¥ Ny Eze. 37 : 18-28 dia mampiseho ny endriky ny fiombonana. Sary omen' ny Tompo ny **Tapa-kazo iray ihany** izy ka ho tonga iray eny antanko (and. 19). Fiombonan' ny olon' Andriamanitra no aseho eto. Hiray Mpiandry izy rehetra amin' izany fiombonana izany (and. 24)" hanao fanekem-pihavanana ho azy Aho, hoy ny Tompo (and. 26). Izaho ho Andriamaniny ary izy ho oloko (and. 27).
- ¥ Atao hoe **Ondrin' i Kristy ny Fiangonana** (Lio. 12 : 32) ka andiany iray ihany. Mahalala ny feon' ny Mpiandry ny ondry. Ny Mpiandry ondry mahalala ny azy. Ny andian' ondry miaraka fahanana no endriky ny Fiangonana. Ny feon' ny Mpiandry ihany no henoin' ny ondry. Toy izany indrindra ny Fiangonana izay mahalala ny feon' i Jesoa Kristy, miaraka fahanana amin' ny Tenin' Andriamanitra, mihaino hatrany an' i Jesoa Kristy Mpiandry.
- ¥ Atao hoe **sampan-boaloboka** ka mila miray amin' ny fotony dia i Jesoa Kristy ny Fiangonana (Jao. 15 : 1-8). Tsy afaka manao na inona na inona raha tafasaraka amin' ny fototra ny sampana. Mitondra voa izay rehetra miray amin' ny foto-boaloboka. Toy izany indrindra ny Fiangonana izay miray hatrany amin' i Jesoa Kristy. Raha miaraka amin' i Jesoa Kristy ny Fiangonana dia mamoa. Telo ihany ny voa izay ho lazaina sy hohalalinina eto dia ny fiainana, famonjena ary fitiavana.
- ¥ Tsy mizarazara fa **miray sy miombona ny Fiangonana**. (I Kor. 1 : 10-37). Tsy mifampiandany fa **miray aina ny Fiangonana**. (I Kor. 3 : 1-4). **Tenan' i Kristy ny Fiangonana** (I Kor. 12 : 27-30). Kristy Jesoa no Lohan' ny Fiangonana (Efe. 4 : 4-6 ; 5 : 23). Jesoa Kristy IRAY, noho izany dia Fiangonana IRAY. Hamafisina indrindra izany fiombonana izany amin' ny fijoroana vavolombelon' ny Fiangonana amin' izay ataony sy teneniny.



- ¥ Jesoa Kristy no nanorina ny Fiangonana (Mat. 16 : 18). Eo ambony vatolampy no nanorenana ny Fiangonana dia ny Tenin' Andriamanitra indrindra izany. Ny Fiangonana dia miorina eo amin' ny **Tenin' Andriamanitra**, kanefa miaina ihany koa amin' ny rafitra araky ny foto-pinoan' ny Fiangonana tsirairay avy.

Misy asan' Andriamanitra indrindra ao **amin' ny fiombonana sy ny firaisan' ny Fiangonana**. Nivavaka i Jesoa Kristy ho an' ny firaisan' ny mpino (Jao. 17 : 20-26). Ny Fiangonana koa **hivavaka ho an' ny fiombonany**.

Azo lazaina fa mbola mitoetra ho idealy ihany izay lazain' ny Soratra Masina voatanisa tery aloha, raha mijery ny fiainan' ny Fiangonana ny amin' ny fiombonan' ny mpino isika.

Ahitana fijerena tavan' olona sy fanavakavahana ary fanilikilihana izay tsy mitovy amin' ny tena ny zava-misy manodidina ny fiombonan' ny mpino.

Ny Tenin' ny Soratra Masina sy ny fiombonan' ny mpino anefa dia mitarika antsika hanao ezaka mba hamerenana indray izay maha-Fiangonana Kristiana ny Fiangonana, amin' ny fikatsahana ny fiombonan' ny mpino ao aminy ka ho tanteraka ireo sary izay nataon' i Jesoa Kristy ireo.

Ny Synodan' ny Eglizy Katolika Romana dia nametraka lohahevitra ny amin' ny FIANGONANA ANKOHONANA. Fotokevitra lehibe ny amin' ny Eglizy ho toy ny toerana iray izay misy ny fiombonana sy ny firaisana noho ny fihavanana(1) indrindra izany.

Ny fiombonana, hoy isika, dia mbola tsy mifanaraka amin' ny zava-misy fa mbola misy ny fanilikilihana, izay azo lazaina ny amin' izany ny paragrafy manaraka.

### 1.1.1.2 - Ny teny enti-miady amin' ny fanilikilihana.

Mampisongadina ny amin' ny fanamafisana ny fiombonana ny firaisana ao amin' ny Fiangonana, ka tsy manome toerana ny fanilikilihana sy ny fanavakavahana rehefa vakiana sy dinihana indray ny teny ao amin' ny Baiboly.

(1) In Eglise-FamIlle : Le deuxime Synode national, qui sest tenu Tananarive du 19 u 23 Aot 1998, avait pour thme lEglise Famille de Dieu rassemble par lEucharistie. Il a rappel que la famille est une communaut vivante, une Eglise en miniature p. 1 Ecclesia in Africa (EIA) n¡ 92.

Ny **Eze. 36 : 16-30** dia ahitana an' i Jehovah mandray fa tsy manilikilika na dia misy ota sy loto ary fitondrantena ratsy aza teo amin' ny olona. Tezitra ny Tompo noho ny nataon' ny zanak' Israely nandoto ny tany. Na eo aza izany dia nampiasa ny famindrampony ny Tompo. Ny Tompo manamasina ny anarany izay nolotoin' ny Zanak' Israely (and. 22). Amin' ny alalan' ny fanadiovana indray amin' ny famafazana rano madio ny andraisan' ny Tompo ny olony indray (and. 25). Amin' ny fanomezana fo vaovao (and. 26), ny fanomezana ny Fanahin' Andriamanitra (and. 27), ny famponenana amin' ny tany indray (and. 28), ny famonjena (and. 27). Ny fifampiankinan' ny famonjena ny Israely sy ny fahamasinany no asehon' ny tsy fanilikilihana ataon' ny Tompo.

Ny **Jer. 31 : 31-34** no ahitana an' Andriamanitra tsy manilikilika na dia nivadika tamin' ny fanekena aza ny olona. Ny handraisan' ny Tompo ny olony ho vadiny : "Izaho no vadiny, hoy Jehovah" (and. 32). Andriamanitra manao fanekena amin' ny taranak' Israely no manamafy indrindra izany tsi-fanilikilihana izany (and. 33-34).

Ny azo hamaritana ny tsy fanilikilihana ry dia ny "aza asiana fanavakavahana eo amin' ny mpino" (Jak. 2:1-13), satria tsy misy hahasaraka antsika amin' ny fitiavan' Andriamanitra izay ao amin' i Jesoa Kristy (Rom. 8 : 35-40). Izao tontolo izao no tian' Andriamanitra loatra (Jao. 3 : 16), fa tsy ny ampahany akory.

Maro ireo trangan-javatra izay iainantsika ao amin' ny fiaraha-monina ahitana ny fanilikilihana indrindra fa ao amin' ny fiainan' ny fiangonana.

Raha ireo no teny avy amin' ny Soratra Masina, misy ireo teny hodinihina izay nadika malalaka mitondra ny lohateny hoe :

"Ireo soso-kevitra fito aroso enti-miady amin' ny fanilikilihana" :

¥Aoka hatsahatra amin' ny resaka SIDA ny hoe "izahay" sy "rizareo" rehefa mifanatrika satria misy SIDA ao amin' ny fiangonana.

¥Aoka haorina ny fitaizana sy fanabeazana mifototra sy miainga amin' ny traikefa iainan' ny olona, fa tsy amin' izay irinareo akory.

¥Aoka hamporisihina fatratra ny fikarohana teolojika sy etika amin' ny ady atao amin' ny VIH/SIDA.

¥Aoka horaisina tsara ireo olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Mety hitondra fanampiana sarobidy ho antsika izy ireo.



¥Aoka hampaherezina fatratra ireo Fiangonana na fiombonana izay tsy manilikilika.

¥Aoka hopotehina ny fahanginana, aoka hisoka-bava amin' izay !

¥"Ary ankehitriny, lazao mazava sy tsotra ny amin' io aretina io" (1)

Tsy mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra ny fanilikilihana, misy endriny maro no isehoany. Azo lazaina ho ota mihitsy ny fanaovana ny fanilikilihana sy ny fanavakavahana. Ahoana no lazain' ny Soratra Masina ny amin' ny ota ?

### 1.1.2 - Ny ota sy ny famelan-keloka :

Milaza ny amin' ny ota tokoa ny teny ao amin' ny Soratra Masina. Mitory ny famelan-keloka ihany koa anefa Izy. Samy ao amin' ny fiainan' ny Fiangonana avokoa na ny ota na ny famelan-keloka. Indraindray toa ampifandraisina amin' ny aretina ny ota, indraindray toa tsy hita ny akon' ny famelan-keloka. Hiezaka isika handinika ireo trangan-javatra ireo amin' ny fandinihana indray ny Teny ao amin' ny Soratra Masina.

#### 1.1.2.1 - Ny aretina sy ny ota

Misy fiheverana indraindray toa ampifandraisana ny aretina sy ny ota. Misy fanontaniana mila valiny toy ny hoe : aretina vokatry ny ota ve ny SIDA ? Aretin' ny mpanota ve ny aretina SIDA ?

Araka an' i Jesoa Kristy dia tsy misy ifandraisany amin' ny ota natao ny aretina, fa hanehoana ny voninahitr' Andriamanitra kosa (Jao. 9).

Naka ny toeran' ny mpanota i Jesoa Kristy na dia tsy nanana ota aza. Ny tsy fahafahana handresy ny fakam-panahy moa no mitarika indrindra ho amin' ny ota. Jesoa Kristy tsy nanota satria nandresy ny fakam-panahy (Matio 4).

(1) Sept propositions pour lutter contre la stigmatisation in PATERSON Gillian, Eglise, SIDA et Stigmatisation Document de travail 002.
¥ Cessez de considérer le Sida comme une question que nous et eux sont face face : le Sida existe dans lEglise.
¥ Fondez l'éducation sur les expériences vécues des gens, et non pas sur ce que vous souhaiteriez.
¥ Encouragez le travail de réflexion théologique et éthique sur le VIH/SIDA.
¥ Faites bon accueil aux personnes vivants avec le VIH/SIDA : elles peuvent vous apporter une aide précieuxe.
¥ Edifiez des communautés accueillantes, qui ne stigmatisent pas.
¥ Brisez la conspiration du silence.
¥ Et maintenant, parlez-leur ouvertement de cette maladie…"

### 1.1.2.1.1. - Ny ota

Izay rehetra tsy mifanaraka amin' ny lalna no atao hoe : ota raha teo amin' ny laln' i Mosesy. Ota avokoa izay rehetra tsy mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra takarina ao amin' ny Soratra Masina.

Ny otan' ilay vehivavy azo nijangajanga (Jao. 8 : 1-11) no nentina teo amin' i Jesoa Kristy. Misy fanontaniana toy ny hoe : Moa ve ny mpijangajanga vehivavy ihany no nanota ? Iza ary aiza ilay niaraka nijangajanga taminy ? Ahoana ny amin' io olona iray izay lehilahy niaraka taminy nijangajanga io, raha handinika sy handalina io tranga io isika ? Ota ny fijangajangana araka ny laln' i Mosesy. Hotoraham-bato izay tratra amin' izany ota izany. Saingy nitsapa ny hevitr' i Jesoa Kristy izy ireo ka nitondra ilay vehivavy irery teo Aminy.

Ny fitsiriritana no fototry ny ota araka ny Jak. 1 : 15. Mila fibebahana, fieken-keloka ny ota natao. Antsoin' ny Soratra Masina ho fijangajangana avokoa ka ota sy hadisoana ny firaisana ara-nofo ivelan' ny fanambadiana sy atao ankoatr' izay nikendren' Andriamanitra azy. Tao amin' ny fandaminan' Andriamanitra dia lehilahy iray sy vehivavy iray ihany no ao amin' ny fanambadiana. Amin' ny fifankatiavana no anaovana ny firaisana ara-nofo ka ahazoana ny fitahiana rehetra (Gen. 2 : 24-25). Azo resena tokoa ny fakampanahy (I Kor. 10 : 13).

"Ny fahafatesana no tambin' ny ota" (Rom. 6 : 23). Ny aretina no indraindray ampifandraisana amin' ny ota, andeha hojerentsika indray izay lazain' ny Soratra Masina ny amin' ny aretina.

### 1.1.2.1.2. - Ny aretina

Raha ny fanaovana teolojia miankina amin' ny Testamenta Taloha dia toa ampifandraisina ny aretina sy ny ota. Misy hevitra raiki-tapisaka fa ny aretina dia vokatr' izay natao tsy nety na fahotana. Marina hatrany ve izany ?

Mitarika fanilikilihana avy hatrany eo amin' ny Fiangonana ny fampifandraisana ny aretina sy ny ota.

Raha ny aretina SIDA no lazaina dia azo lazaina fa fomba telo no mety ahazoana ny tsimok' aretina. Ny firaisana ara-nofo tsy voaaro (98%). Ny fitaovana tsy voadio ka mety hisy famindrana r (1%). Avy amin' ny nonodreny raha mitondra ny tsimok' aretina ilay reny mampinono (1%). Mety hitondra tsimok' aretina VIH/SIDA ny olona iray noho ny tsy fahampian' ny fahadiovana teo amin' ny fitaovana nampiasaina tsy voadio tsara. Noho izany dia tsy nisy ota nataony mihitsy amin' izany, raha nahazo ny tsimok' aretina VIH/SIDA ilay olona[1]. **Noho izany tsy afaka hilaza isika fa mpanota avokoa ny marary mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA**.

Ny aretina vitsivitsy nentina teo amin' i Jesoa Kristy dia nahazoana ny fanasitranana tsy misy fepetra. Nisy tamin' ireny aretina ireny nanehoan' i Jesoa Kristy ny famelan-keloka. Moa midika fisiana fahotana ve izany ? Ny paragrafy manaraka no iresahana ny famelan-keloka.

Misy anefa aretin' ny mpanompon' Andriamanitra ao amin' ny Soratra Masina izay tsy nahitana ny fanasitranana mihitsy. Ny Apostoly Paoly nanao ny aretiny ho toy ny tsilo ao amin' ny tena.

Toa endriky ny fitiavan' Andriamanitra hiantso ny aretina izay hataony amin' ny mpanompony, mba hanatona Azy sy hino Azy bebe kokoa hatrany izany.

Tsy ny aretina ry no zava-dehibe fa ny fanatonana an' Andriamanitra. Moa mbola misy famelan-keloka azo antenaina ihany ve ?

### 1.1.2.2. - Ny famelan-keloka

Raha mamaky sy mandinika indray ny Soratra Masina isika dia hitantsika fa manana anjara toerana lehibe tokoa ny famelan-keloka. **Mamindra fo mandrakizay Andriamanitra**[2]. **Mpamela heloka i Jesoa Kristy**[3]. Tsy hita taratra ny Andriamanitra Mpanafay na Mpiampanga na Mpanameloka. Satria Tenan' i Kristy ny Fiangonana, noho izany ny Fiangonana dia Fiangonana mitondra hatrany an' Andriamanitra Rain' ny famindram-po sy Jesoa Kristy Mpamela heloka.

Fanomezana avy amin' Andriamanitra ny famelan-keloka. Atolony maimaim-poana ho an' izay manatona Azy izany. Ilaina indrindra ny handraisana ny famelan-keloka atolotr' Andriamanitra amin' ny fahatokiana sy ny finoana Azy.

(1) In COE, informer et sinformer sur le SIDA, Manuel lusage des Pasteurs et Enseignants 1996 Genve, Suisse.
(2) Sal. 107 ; Efes. 2: 4
(3) Jao. 8 : 11 ; Efes. 1 : 7

Aorian' ny fahatsiarovan-tena fa nanao ny diso ka manao fifonana ary mangataka mba hokosehan' Andriamanitra ireny tsy mety ireny, no ahazoana ny famelan-keloka. Ka aorin' Andriamanitra indray ny fanavaozana amin' ny asany mahagaga. Fibebahana ihany koa no iantsoana izany.

Fiainana vaovao no iainan' ny olona voavela heloka ary lazaina hoe sambatra mihitsy izy amin' izany (Sal. 32).

Famelan-keloka no niafaran' ny fitondrana ilay vehivavy nijangajanga teo amin' i Jesoa Kristy (Jao. 8). Marihina fa tsy hita soritra eto na ny fifonana na ny fibebahana nataon' ilay vehivavy (and. 11). Saingy nanafatra kosa i Jesoa Kristy taorian' ny famelan-keloka ny amin' ny tsy hanotana intsony amin' izao sisa izao (and. 11).

Ny finoana no ahazoana ny famelan-keloka (Mat. 9 : 2-5). Jesoa nahita ny finoan' ireo, dia nanao hoe : matokia anaka, voavela ny helokao.

Ny Sakramentan' ny batisa na ny batemy no mariky ny famelan-keloka (Asa. 2 : 37-38). Manafaka amin' ny asan' ny maizina ny famelan-keloka (Kol. 1 : 9-14).

Ny Sakramentan' ny Eokaristia na ny Fanasan' ny Tompo no ahatsiarovana an' i Jesoa Kristy. Ny Tenany no natolony ho famonjena sy fanavotana ka ahazoana ny fiainana. Ny ran' i Jesoa Kristy no mahafa-keloka (Heb. 9 : 20-22).

Nampianatra vavaka : Rainay izay any an-danitra i Jesoa Kristy. Misy fangatahana ny famelan-keloka amin' izany vavaka izany. Azo antoka ny famelan-keloka ho an' izay mamela heloka (Mat. 18 : 35).

Samy lazaina sy ambara ao amin' ny Fiangonana ny teny roa : ota sy famelan-keloka, saingy ny **famelan-keloka** no tompon' ny teny farany. Noho izany, ny famelan-keloka no tokony hanana ny toerany lehibe indrindra ao amin' ny fiainan' ny Fiangonana.

Jesoa Kristy mamela heloka manoloana ny aretina dia manambara ny amin' ny **fanasitranana amin' ny lafiny rehetra amin' ny maha-olona**. Mba tsy hisian' ny fanamelohan-tena na ny fanamelohan' ny hafa. Satria i Jesoa Kristy namela heloka dia mamela heloka hatrany koa ny Fiangonana Tenan' i Kristy ety an-tany.



Satria i Jesoa Kristy nanafatra ny amin' izao sisa izao aza manota intsony, fa miain amin' ny fiainam-baovao. Izany ihany koa no teny fampaherezana ataon' ny Fiangonana mba ahazoan' ny mpino mizotra ho amin' ny sitrapon' Andriamanitra hatrany.

Indraindray toa tsy hita ny famelan-keloka, satria toa mbola tsaroana ihany ny tsy nety natao, na nampahatsiahivina ka tsy adino. Hita ihany koa ny fihafahafana eo amin' ny olona izay efa narian' ny fiaraha-monina ka narenin' Andriamanitra indray ny fiainany. Mila FITIAVANA lehibe ny ahazoana mandray azy ireny indray, ka hanekena fa voavela heloka izy ireny.

Ny famelan-keloka atolotr' Andriamanitra tsy noraisina tamin' ny finoana dia tsy nitondra fiovana teo amin' ny fiainan' ny olona iray.

Noho ny fitiavan' Andriamanitra dia tonga olom-baovao ny mpanota amin' ny alaln' ny famindram-pon' Andriamanitra sy ny famelan-keloka atolony. Ny famelan-keloka kosa dia noho ny famindrampo sy ny fitiavana. Fiainana, famonjena, fitiavana no voaray sy azon' ny voavela heloka.

### 1.1.3 - Ny fiainam-baovao avy amin' ny fiovana sy ny fanovana :

Ny famakiana sy ny fandinihana indray ny Teny ao amin' ny Soratra Masina no ahazoantsika manakatra fa Andriamanitra miasa hanavao sy hanova Ilay Andriamanitra Ray Mpamindra fo. Asam-pitiavan' Andriamanitra ny fiainam-baovao. (Jao. 14 : 26 ; Asa. 2 : 4 ; Rom. 15 : 13).

#### 1.1.3.1. - Asan' Andriamanitra

Andriamanitra miasa hanova ho amin' ny fiovam-po dia asan' ny Fanahy Masin' Andriamanitra. Mandrak' ankehitriny dia miasa hanova fon' olona maro i Jesoa Kristy. I Saoly niova fo ka tonga Paoly Apostoly (Asa. 9 : 11). Andriamanitra miasa no manova fa ny olona mpino kosa no manaiky handray ny fanovana tian' Andriamanitra atao.

Raha misy olona ao amin' i Kristy dia olom-baovao izy (II Kor. 4 : 16). Itoeran' Andriamanitra sy Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina ny olom-baovao na nahazo ny fiainam-baovao. Ny vokatry ny Fanahy dia Fitiavana

(Gal. 5 : 22-24). Ny olom-baovao dia miaina am-pitiavana, Fitiavana tahaka ilay Fitiavan' Andriamanitra ***AGAPE***. Manao sy manaraka ny sitrapon' Andriamaitra ny olona nahazo ny fiainam-baovao na ny olom-baovao (II Kor. 5 : 16-19).

Misy tanjona telo ny fiovana sy ny fanovana dia ny asan' Andriamanitra famerenana sy ny fanarenana indray ny maha-olona ary ny fifandraisana sy ny firaisana amin' Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy Fiainana ary ny Fanahy Masina Mpitari-dalna.

Misy efatra ny zava-kendrena ankapobeny amin' ny famakiana sy fandinihana indray ny Soratra Masina ny amin' ny fiainam-baovao : ny fijerena ny akon' ny fiovana teo amin' ny fiainantsika, ny fandinihana indray ny amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH, ny aretina SIDA ary ny fiovana na fanovana mifanaraka amin' ny toe-java-misy, ny amin' ny fotokevitra ao amin' ny Soratra Masina ny amin' ny maha-zava-dehibe ny fiovana sy ny fanovana mba ahazoana mizara marina araka ny sitrapon' Andriamanitra ny fiainana, ny famonjena ary ny fitiavana, ny amin' ny famporisihana sy fampaherezana ny amin' ny ezaka fanovana sy fiovana rehetra ho mpitondra fiainana, famonjena ary fitiavana.

Misy anjaran' ny olona ao amin' ny fanovana sy ny fiovana.

#### 1.1.3.2. - Anjaran' ny olona

Raha mijery ny fiovana sy ny fanovana isika, ahoana ny ho akony ao amin' ny fiombonan' ny mpino ?

Ny fandinihana ny amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA, ny amin' ny fiovana takian' izany sy ny fahazoana ny teny avy ao amin' ny Baiboly dia fitondrana indray ny fiainana amin' ny fanamafisana ny filna ny fiovana sy ny fanovana.

Fiovana eo amin' ny saina sy ny fitondrantena. Fanovana eo amin' ny fomba fijery ho tahaka ny fomba fijerin' Andriamanitra izay masom-pitiavana.

Ny Soratra Masina ihany koa dia manana izay azony ambara ankoatry ny fiainam-baovao ny amin' ny aretina sy ny fahasalamana.



### 1.1.4. - Ny aretina sy ny fahasalamana :

Miresaka aretina tokoa ny Soratra Masina ao amin' ny Baiboly. Maro ireo aretina voatanisa. Nisy ny marary izay voatantara ao amin' ny Soratra Masina. Teo ny asan' Andriamanitra nanoloana ny aretina. Fa teo indrindra izay nataon' i Jesoa Kristy, izay nanolotra fanasitranana tsy misy fepetra. Fanasitranana nahakasika ny olona manontolo : ny tena, ny saina ary indrindra ny fanahy eo amin' ny fanoloran' i Jesoa Kristy ny famelan-keloka.

#### 1.1.4.1. - Ny aretina sy ny fanasitranana.

Ny aretina sy ny fahasalamana dia samy ambaran' ny Soratra Masina avokoa. Noho ny fisian' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia hijery ny aretina amin' ny ankapobeny sy ny aretina amin' ny mahalahy sy ny mahavavy isika.

##### 1.1.4.1.1. - Ny aretina amin' ny ankapobeny.

Anisan' ny asa notanterahan' i Jesoa Kristy tety an-tany ny manasitrana ny marary (Mat. 9 : 12). Ny jamba, ny malemy, samy nahita famonjena sy fiainana ary fitiavana avokoa raha teo amin' i Jesoa Kristy araka ny Filazantsara.

Miandany amin' ny marary i Jesoa Kristy (Mat. 25 : 35). Manafaka amin' ny aretina i Jesoa Kristy (Mar. 16 : 15-18 ; Mar. 10 : 21-22).

Mamonjy ny very i Jesoa Kristy (Lio. 19 : 10). Raha raisina fa fanasitranana no noraisin' i Zakaiosy izay efa very tamin' ny fakana zavatr' olona tamin' ny fanambakana. Voavonjy i Zakaiosy izany hoe nositranina ka sitrana. Hanome ny antsasaky ny fananany ho an' ny malahelo i Zakaiosy. Hanonitra avy efatra heny ny zavatr' olona nalainy tamin' ny fanambakana izy (and. 8).

Na misy aretina na tsy misy dia tsy miova Andriamanitra Fitiavana. Tsy ny aretina no zava-dehibe amin' Andriamanitra fa ny finoana sy ny fahatokiana Azy. Ny tanjona rahateo amin' Andriamanitra dia tsy ny fanasitranana fa ny finoana sy ny fahatokiana Azy. Satria misy aretina tsy ahazoana fanasitranana, ohatra ny tsilo tao amin' ny Apostoly Paoly.

### 1.1.4.1.2. - Ny aretina amin' ny mahalahy sy mahavavy

Tsy hita miavaka loatra na misy fitenenana mivantana ny amin' ny mahalahy sy mahavavy sy ny aretina azo avy amin' izany ao amin' ny Soratra Masina. Ny Mar. 5 : 25-34 dia ahitana vehivavy iray nandeha r nandritry ny 12 taona. Nisy fahasitranana azony noho ny teniny ao amin' ny and. 28 sy 29. Tsy fantatra izao na aretina azo avy amin' ny firaisana, fa aretina amin' ny maha-vehivavy aloha. Misy ny aretina azo avy amin' ny firaisana ara-nofo, kanefa raisina ho toy ny aretina rehetra ny aretina sesoaly(1). Heverina ho toy ny aretina rehetra ihany ny aretina amin' ny mahalahy sy ny mahavavy. Ao amin' ny tena ny mahalahy sy mahavavy tamin' ny nanamboaran' Andriamanitra ny tena. Jereo Teolojia amin' ny mahalahy sy mahavavy (2.1.1.) Aseho ho tsara, be voninahitra ny mahalahy sy mahavavy ao amin' ny Soratra Masina (I Kor. 12 : 24-26).

Na ny olona miara-miaina amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA(2) aza, dia tian' Andriamanitra ho vonjena ihany, rehefa mino sy matoky Azy. Ny kendrena eo amin' ny aretina, araka ny fotokevitra ankapobeny ao amin' ny Soratra Masina ry dia ny ahazoana mitodika amin' Andriamanitra indray.

Marefo ny marary. Misy olona marefo mora andairan' ny aretina noho ny toerana misy azy. Ny faharefoana dia toetra iray ao amin' izay nahariana ny olona.

### 1.1.4.2. - Ny faharefoana(3)

Miresaka ny faharefoana ny Soratra Masina. Hita indrindra izany faharefoana izany teo amin' i Jesoa Kristy tao Getsemane raha nivavaka Izy (Lio. 22 : 39-46). Jesoa Kristy marefo. Teo ihany koa i Petera izay nandà intelo an' i Jesoa teo amin' ny fotoana sarotra. Petera marefo.

Ilaina indrindra ny firesahana ny amin' ny faharefoana noho ny maha-olona ny olona. Toa milaza ny lafiny malemy amin' ny maha-olona anefa izany, kanefa izay no tsy maintsy aseho eto anehoana fa noho io faharefoana io dia mety hampaharatra anaty ny olona, na hahazo ny tsimok' aretina mihitsy aza izy.

(1) Maladie sexuelle.
(2) PVVIH Personne Vivant avec le Virus VIH/SIDA.
(3) Vulnrabilit.



Misy tanjona roa ny antony iresahana ny fahalemena na ny faharefoana eto :

- mba ho azon' ny olona rehetra fa ny aretina SIDA dia tahaka ny fanehoana ny fanapotipotehana izao tontolo izao ;
- mba ho azo fantarina ireo endrika samihafa isehoan' ny faharefoana izay mahatonga antsika olombelona handray ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Ny zava-kendrena amin' ny ankapobeny :

- mba ahazoantsika manontany tena ny amin' ny faharefoantsika ;
- mba ho azontsika tsara ny fifandraisana misy eo amin' ny faharefoana sy ny aretina SIDA ;
- mba ho afaka mandinika ny Soratra Masina isika ny amin' ny faharefoana, sy ny fanantenana ary ny fanasitranana ;
- mba hahatonga ny Fiangonana ho mpitari-dalana ny amin' ny fanovana ny zava-misy eo amin' izay rehetra misy faharefoana ;
- mba ahazoan' ny Fiangonana miasa amin' ny zava-misy ao amin' ny faharefoana.

Ny fotokevitra ara-tSoratra Masina dia mampiseho ny amin' ny faharefoana, ny amin' ny fanantenana, ny amin' ny fanasitranana. Ilaina indrindra ny fiatrehana ny faharefoana.

Ny Fiangonana no toerana iray sy fitaovana ho amin' ny fiovana ny amin' ny toe-java-misy ny amin' ny faharefoana satria ny Fiangonana mahatsapa sy mahita ny faharefoana no afaka mitondra ny fitsaboana sy ny fisorohana.

### 1.1.4.3. - Ny fitsaboana sy ny fisorohana(1) :

Ny famakiana indray ny Soratra Masina no ahitantsika fa manan-kolazaina ny amin' ny fitsaboana sy ny fisorohana izy. Ohatra amin' izany ny fanoharana izay nataon' i Jesoa Kristy ny amin' Ilay Samaritana tsara fanahy (Lio. 10 : 25-37).

(1) Soins et prventions.

Zava-dehibe tokoa ny fitsaboana sy ny fisorohana. Misy tanjona roa :

- mba ho azo tsara ny fifandraisana misy eo amin' ny fitsaboana sy ny fisorohana, ka hanekena ny fanamby lehibe. Ho Fiangonana mpitondra fanasitranana amin' ny olona manontolo, amin' ny atao sy ny asany ary indrindra eo amin' ny fiainam-pinoany anie izy !
- mba ahazoana mandinika indray ilay anjara asa mahery ny amin' ny faha-onena-na amin' ny fitsaboana sy ny fisorohana, ka ny maha-onena dia aseho sy hita amin' ny asa atao am-pitiavana.

Ny zava-kendrena ankapobeny amin' ny fitsaboana sy ny fisorohana dia :

- ny fijerena ny amin' ny fisorohana sy ny amin' ny fitsaboana ao amin' ny fiangonana misy ahy ;
- izay ambaran' ny Soratra Masina ny amin' ny fitsaboana sy ny fiso-rohana ;
- ny Fiangonana fitaovana ho amin' ny fitsaboana sy ny fisorohana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

#### 1.1.4.3.1. - Ny fitsaboana

Ny famakiana sy ny fandinihana indray ny Soratra Masina no ahitana indrindra fa asan' ny Fiangonana ny fitsaboana.

Ny fanoharana nataon' i Jesoa Kristy ny amin' Ilay Samaritana tsara fanahy no sary entina eto anehoana indray ny amin' ny fitsaboana. Ny fisian' ny maratra dia mitarika fanatonana. Fandraisana an-tnana ilay olona mila fitsaboana. Misy fandava-tena. Misy fiombonana amin' izay mahazo ka **manao ho an' ny tenany ihany koa ny fahavoazana**, izany hoe **onena**. Ny fandaniana sy ny fampiasana ny fanafody tamin' ilay mila fitsaboana. Ny fiantohana na ohatrinona na ohatrinona. Ny fitsaboana atolotra dia feno sy tanteraka. Mahasahana ny olona manontolo : saina, tena ary fanahy indrindra ny fitsaboana izay atolotra.

Ny fototry ny fitsaboana dia FITIAVANA. Fitiava-namana. Fitiava-namana manome tsy miandry valiny : Ny fitsaboana no anirahan' i Jesoa Kristy ny Fiangonana indray ka hanaovany hoe : mandehana ianao ka mba manaova toy izany koa ! (Lio. 10 : 37).



Ny Sal. 103 dia mampiseho fa Jehovah manasitrana ny aretina rehetra, kanefa ilaina tokoa ny fisorohana.

#### 1.1.4.3.2. - Ny fisorohana

Ny azon' ny Fiangonana atao dia ny mandray ny olona rehetra ao amin' ny fotoam-bavaka. Ny fitsaboana eto dia mahakasika indrindra ny fanahy sy ny sain' ny olona, ka mampahery azy ireo hizotra ho amin' ny alalan' ny fisorohana ny aretina.

Ny asan' ny Fiangonana amin' ny alalan' ny fampianarana sy ny fitoriana ny Tenin' Andriamanitra dia natao ho tari-dlana ho fisorohana avokoa amin' ny tsy hanotana fa ny hahafantatra ny sitrapon' Andriamanitra.

Ho fisorohana no nanaovan' Andriamanitra sy nanomezany ny didy sy ny lalna harahina.

Tena asa lehiben' ny Fiangonana tokoa ny fitarihana ny olona hisoroka ny aretina amin' ny alalan' ny fampitandremana azy ireo amin' ny fanarahana ny Teny avy ao amin' ny Soratra Masina mba tsy ahazoana ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Misy teny fanentanana sy filamatra izay aroso amin' ity boky ity izay maneho fa natao ho fisorohana mba hiovana amin' ny fitondrantena ny Teny avy ao amin' ny Soratra Masina(1).

Izay azon' ny Fiangonana atolotra amin' ny fitsaboana sy ny fisorohana dia tsy maintsy ataony amin' ny fandalana ny fiaraha-monina amin' ny fifanka-tiavana.

### 1.1.5. - Ny fifankatiavana sy ny fiaraha-monina :

Anisan' ny hafatra makadiry avy ao amin' ny Soratra Masina ny fifankatia-vana sy ny fiaraha-monina mirindra. Namafisin' i Jesoa Kristy indrindra izany raha nanao ny toriteny malaza teo an-tendrombohitra Izy (Mat. 5, 6, 7). Sambatra ny mpampihavana fa izy no hatao hoe Zanak' Andriamanitra" (Mat. 5 : 9) sy Aoka hazava eo imason' ny olona ny fahazavanareo (Mat. 5 : 16); Ataovy izay hihavananao amin' ny rahalahinao (Mat. 5 : 24).

(1) Jereo Fizarana faha-2 toko 1 p. 74 - 75.

Ireo zavatra roa loha ireo dia ny fifankatiavana sy ny fiaraha-monina no katsahana sy iainana ao anatin' ny Fiangonana sady antom-pisian' ny mpino kristiana ihany koa.

Ny antony ahazoana manatanteraka ny fifankatiavana sy ny fiaraha-monina dia satria tsy mizarazara ny Fiangonana (I Kor. 1 : 10-37) sy tsy mifampiandany (I Kor. 3 : 1-4).

#### 1.1.5.1. - Ny fifankatiavana

Ny fifankatiavana ao amin' ny Fiangonana no maha-Fiangonana ny Fiangonana (I Pet. 3 : 8-9). Ny ahazoana manatanteraka izany dia ny Fitiavan' Andriamanitra ambony noho ny zavatra rehetra no apetraka ao amin' ny fiainan' ny Fiangonana (Mat. 10 : 37). Ny Eglizy fianakaviambe iray, tenin' ny Synoda Katolika, dia mahafehy tokoa ny fifankatiavana sy ny fiaraha-monina.

Ny fanomezam-pahasoavana tsara indrindra dia ny fikatsahana ny fifankatiavana sy ny fiaraha-monina mirindra (I Kot. 12 : 1-13). Ny Sal. 133 dia mampiseho ny maha-zava-dehibe ny fifankatiavan' ny mpirahalahy sy ny fitahiam-panahy rehetra azo noho izany fifankatiavana izany.

Ny fanoharana nataon' i Jesoa Kristy ny amin' ny foto-boaloboka sy ny sampany dia mbola manamafy izany firaisana sy fiombonana izany (Jao. 15). Eo amin' ny mpino sy Jesoa Kristy aloha, avy eo amin' ny samy mpino.

Ny fankalazana ny Fitiavana ao amin' ny I Kor. 13 no endriky ny fifankatiavana ***AGAPE*** sy fiaraha-monina andrasana amin' ny mpino kristiana.

#### 1.1.5.2. - Ny fiaraha-monina

Ny Soratra Masina dia mampiseho fa fitahiana no azo rehefa misy ny fiaraha-monina mirindra (Sal. 133).

Asehon' ny Fiangonana indrindra amin' ny fandraisana izay rehetra manatona azy izany fifankatiavana izany. Fiaraha-monina tsy manilikilika ny fiaraha-monina mirindra ao amin' ny Fiangonana.

Ny fanatsarana ny fifandraisana ao amin' ny Fiangonana mifototra amin' ny fifankatiavana no ahazoana ny fiaraha-monina mirindra ao aminy.



### FEHINTENY

Ny famakiana sy ny fandinihana indray ny Tenin' Andriamanitra ao amin' ny Baiboly no hafatra lehibe tiana hampitaina teto amin' ity toko voalohany ity ka anasana ny mpino. Ny fandinihana ny Soratra Masina miankina amin' ireo fotokevitra lehibe ireo, dia nampahatsiahy tamintsika indray ny maha-Fiangonana ny Fiangonana, ny fiombonana, ny famelan-keloka dia mihoatra lavitra noho ny fahotana, ny fiainambaovao avy amin' ny fanovana sy ny fiovana ary ny maha-zava-dehibe ny fifankatiavana sy ny fiaraha-monina mirindra.

Fanamby lehibe ry no ijoroan' ny Fiangonana mamaky sy mandinika indray ny Tenin' Andriamanitra amin' ny fampianarana ny tenin' Andriamanitra izay ataony, amin' ny toriteny sy amin' ny asa fijoroana ho vavolombelona tanterahany.

Miainga avy amin' ny hafatra lehibe avoakan' ny Soratra Masina no hanaovana indray ny teolojia takian' ny zava-misy manodidina ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Ilaina indray ny hanaovan' ny Fiangonana Teolojia amin' izao toe-java-misy eto Madagasikara izao. Teolojia mifandraika amin' ny zava-misy manodidina. Teolojia mifanaraka amin' ny Kolon-tsaina sy toetsaina maha-malagasy .

## NY FOTOKEVITRA TEOLOJIKA

Ny fanambin' ny fiangonana manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia miankina indrindra **amin' ny famakiana sy fandinihana indray ny Teny ao amin' ny Baiboly**. Ka ampifandraisina amin' ny Soratra Masina ny toe-java-manodidin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

**Ny fomba entina manao teolojia indray** amin' ny zava-misy manodidina ny amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA no aroso amin' ity toko faharoa ity. Maro ireo fotokevitra teolojika, fa izay anorenana **izao famolavolana teolojia izao** dia ireto telo ireto. Ny FAMONJENA, FIAINANA, FITIAVANA izay fotokevitra lehibe sy hafatra ankapobeny ao amin' ny Soratra Masina. Miainga na maka ireo solomaso telo ireo isika raha hanao teolojia na fandinihana Soratra Masina na hitoriteny indray manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Hasim-poto-kevitra teolojika dimy no hanaovana andrana famakafakana eto, izay niainga avy amin' ny fandinihana ny fotokevitra ao amin' ny Soratra Masina : ny teolojian' ny fahariana, ny teolojian' ny famelan-keloka, ny teolojian' ny fanantenana, ny teolojian' ny onena na ny fangorahana, ny teolojian' ny Fiangonana.

### 1.2.1 - Ny teolojian' ny fahariana :

Maro no azo lazaina raha hiresaka ny amin' ny teolojian' ny fahariana isika fa izay anompanana ny fikarohana eto ao amin' ny toe-java-misy amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia izay ampianarin' ny Soratra Masina ny amin' ny mahalahy sy ny mahavavy sy ny fifandraisana eo amin' ny lahy sy ny vavy, ny fifandraisan' ny olona samy olona ary izay maha-olona ao amin' ny fifandraisana no ezahantsika atao amin' ny teolojian' ny fahariana.



#### 1.2.1.1. - Ny mahalahy sy ny mahavavy.

Misy antony sy tanjona avokoa ny fikasan' Andriamanitra tao amin' ny fahariana. Ezahana takarina izay teolojia azo atao ny amin' ny mahalahy sy ny mahavavy ka ahitana indray ny zava-kendren' Andriamanitra mba handraisan' ny Fiangonana ihany koa ho an' ny tenany ny zava-kendreny ny amin' ny fanaovana teolojia amin' ny mahalahy sy mahavavy.

##### 1.2.1.1.1. - Ny zava-kendren' Andriamanitra.

Andriamanitra nahary no namorona ny mahalahy sy ny mahavavy. Manana zava-kendrena Izy amin' izany : ny fitohizan' ny taranaka amin' ny alalan' ny firaisana ara-nofon' ny lahy sy ny vavy mpivady ao anatin' ny fanambadiana tamin' ny tsodrano izay nataony ao amin' ny Gen. 1 : 26-28. Firaisana feno sy tanteraka ara-tsaina, ara-batana, ara-panahy, no lazain' ny teny amin' izany.

Ny fahatsaran' ny fahariana dia hita indrindra eo amin' ny fifandraisan' ny mahalahy sy ny mahavavy : fifandraisana fitiavana, fitohizan' ny taranaka (Gen. 1 : 31 - 2 : 1-3). Ao anatin' ny fandaharana sy ny fandaminan' Andriamanitra ny fanambadiana no ahazoana ny fianakaviana. Efa vitan' Andriamanitra mialoha ny fahalavoana na ny fahotana ny tsodrano ahazoana taranaka.

Ny Fiangonana miresaka ny mahalahy sy ny mahavavy(1) amin' ny fiteny sy teny izay ifanarahana sy ifankahazoana no Fiangonana manao fanamby lehibe tokoa amin' ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Ny Genesisy 2 dia mampiseho ny fifehezan-tena na ny fahononan-tena ary ny fanajana ny vady.

Zava-dehibe tokoa ny fifandraisana ao amin' ny Soratra Masina izay mampiseho ny maha-Andriamanitra an' Andriamanitra dia Izy ao amin' ny fifandraisana : ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Kanefa mitady ny olona hifandray aminy ihany koa Andriamanitra. Tian' Andriamanitra hifandray Aminy ny olona. Tian' Andriamanitra hifandray ny olona, satria **natao sy noharian' Andriamanitra mba hifandray sy hanana fifandraisana ny olona**.

(1) Sexualit.

Ny mahalahy sy ny mahavavy amin' izay nikendren' Andriamanitra azy dia hafa indrindra amin' ny firaisana ara-nofo(1). Ny Fitiavana ihany koa tsy mira amin' ny firaisana ara-nofo, misy ny Fitiavana na tsy misy firaisana ara-nofo aza.

**TSARA ny mahalahy sy mahavavy**. Izany no zava-kendren' Andriamanitra tamin' ny fahariana, koa inona no andrasana amin' ny Fiangonana ?

### 1.2.1.1.2. - Ny zava-kendren' ny Fiangonana.

Ny fanaovana indray ny teolojia ny mahalahy sy ny mahavavy no nahitana indray ny fahatsaran' izany araka ny sitrapon' Andriamanitra ary mbola ahatakarana indray ny fitiavan' Andriamanitra ny olona nohariany. Ary koa ny amin' ny ahazoana indray manatsara ny fifandraisana eo amin' ny samy olombelona indrindra eo amin' ny lehilahy sy ny vehivavy.

Ny fikarohana andrasana amin' ny Fiangonana dia ny amin' ny ahazoana mamolavola teolojia indray amin' ny mahalahy sy ny mahavavy. Teolojia maneho fiderana an' Andriamanitra noho ny nanasiany karazana roa teo amin' ny olombelona dia ny lahy sy ny vavy. Teolojia manoro indray ny amin' ny zavakendren' Andriamanitra ny amin' ny nanaovany ny lahy sy ny vavy. Teolojia mitarika ny olona hanaraka indray ny sitrapon' Andriamanitra amin' ny fitondrantena eo amin' ny mahalahy sy ny mahavavy. Teolojia mamerina indray ny fifandraisana mirindra sy mitovy eo amin' ny lahy sy ny vavy.

Jesoa Kristy nanana holazaina ny amin' ny fitiavana sy ny firaisana ara-nofo (Mat. 19). Ny Fiangonana manao fanamby no mampahafantatra indray fa **tsara ny mahalahy sy ny mahavavy** ka horesahana indray ny momba izany.

Ny fifandraisana amim-pitiavana ***AGAPE*** eo amin' ny olona samy olona, eo amin' ny lehilahy sy ny vehivavy no zava-dehibe amin' Andriamanitra, io no mampisy antony ny fiainana.

### 1.2.1.2. - Ny fifandraisana tao amin' ny fahariana

Io fifandraisana io no mampisy ny fiainana (Jao. 10 : 10). Tonga Jesoa Kristy hitondra fifandraisana indray eo amin' Andriamanitra sy ny olona.

(1) Rapport sexuel.



Eo amin' ny olona samy olona ihany koa. Tonga Izy mba hitondra fiainana. Io fifandraisana io no fiainana. Fotokevitra lehibe iray ao amin' ny Soratra Masina ny fifandraisana (Jao. 15 ; Sal. 90 : 17). Ka amin' ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia hamafisina indray ny **fifandraisana amin' Andriamanitra sy ny olona ary amin' ny olona samy olona**.

Ny fifandraisana tsy lavorary no miteraka ny olana indrindra eo amin' ny fiaraha-miaina. Ny 70% ny olana misy dia vokatry ny tsy fahalavorarian' ny fifandraisana. Zava-dehibe ny fihainoana amin' ny fifandraisana(1).

Jesoa Kristy sy ny fahariana. Nasehon' ny Apostoly Paoly fa tao amin' i Jesoa Kristy no nahariana antsika(2). Raha atao hoe fanomezana ny fiainana ny fahariana dia inoantsika fa mandrak' ankehitriny dia ao amin' ny fifandraisana amin' ny fahariana tokoa i Jesoa Kristy izay nisiam-piainana sy anton' ny ahavelomantsika ankehitriny. Teo amin' ny fifandraisana indray dia namerina indray ny fifandraisana teo amin' Andriamanitra sy ny olona tamin' ny nanolorany ny tenany teo amin' ny hazo fijaliana i Jesoa Kristy. Teo amin' ny olona samy olona ihany koa tamin' ny nitiavany ny olona ka nanolorany ny ainy. T sy misy manana fitiavana lehibe noho izao dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany (Jao. 15 : 13).

**Izay ataon' ny Fiangonana sy ny mpitondra fivavahana mba hahatsara sy hitazonana io fifandraisana eo amin' Andriamanitra sy eo amin' ny olona samy olona io no fanamby lehibe**. Izay ny teolojian' ny fahariana sy ny fiainana ho enti-miady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Ny fifandraisana no mahaolona ny olona. Ny fifandraisana araka an' i Kristy no maha-Kristiana ny olona iray. Ary ny fiainana izany no lafiny azo tsapain-tnana maha- endrik' Andriamanitra indray ny olombelona. Na simban' ny fahotana aza ny Fifandraisana, dia efa naverin' ny Tompo Jesoa Kristy teo amin' ny hazo fijaliana indray izany. Ka ny Fanahy Masina no mampiorina izany ho araka ny sitrapon' Andriamanitra…"(3).

Ho amin' ny fanatsarana ny fifandraisana dia ilaina indrindra ny famelankeloka.

(1) In Fifandraisana sy Fiangonana ANDRIAMAMPIANINA Zaka pejy faha-13 op. cit.
(2) Efesiana 1 : 5.
(3) In Fifandraisana sy ny Fiangonana Pasteur Zaka Andriamampianina p. 13.

### 1.2.2. - Ny teolojian' ny famelan-keloka :

Ny Soratra Masina dia mampiseho fa ny famelan-keloka dia fanomezan' Andriamanitra maimaim-poana (Efes. 1 : 7 ; 2 : 8). Ny marary teo amin' i Jesoa Kristy dia nanononany famelan-keloka (Jao. 5). Moa nisy fahotana ve ny amin' izany ? Koa mizara roa ny fandinihana tiana atao eto dia ny amin' ny fahotana sy ny famelan-keloka.

#### 1.2.2.1. - Ny teolojian' ny fahotana :

Ilaina ny hamaritana ny fahotana ho ny tsy fanarahana ny sitrapon' Andriamanitra na ny tsy finoana an' Andriamanitra sy Jesoa Kristy sy ny Teniny ary ny Asany mihitsy. Ny Soratra Masina dia mamaritra ny fahotana ho ny fandikana sy fandavana ny sitrapon' Andriamanitra.

##### 1.2.2.1.1. - Ny fitanisana ny fahotana :

Ambara sy lazaina fa nanao ny fahotana ireo olona izay mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Fahotana avokoa ve ny fahazoana ny tsimok' aretina ? Ny fahotana dia fandikana ny sitrapon' Andriamanitra momba ny fifandraisan' ny lahy sy ny vavy : ny fijangajangana ihany no tiana lazaina amin' izany. Efa hitantsika fa tsy lalana tokana ihany toy ny fijangajangana no ahazoana ny tsimok' aretina fa misy fomba roa hafa ifindrany[1]. **Noho izany tsy maika isika hilaza fa vokatry ny fahotana fijangajangana irery ihany ny fahazoana ny tsimok' aretina VIH/SIDA**.

Tsy maintsy lazaina anefa fa ny tena ahazoana betsaka indrindra ny tsimok' aretina VIH/SIDA, amin' ny 98% ny tranga, dia ny fijangajangana, amin' ny firaisana ara-nofo tsy ao amin' ny fandaminan' Andriamanitra. Voafaoka amin' izany ny amin' ny homosexualit, ny fananana vady maro…

**Tsy afaka hiteny koa isika hoe famaizana avy amin' Andriamanitra ny fitondrana ny tsimok' aretina VIH/SIDA**. Misy ireo vehivavy izay maro an' isa tokoa no mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA izay tsy fanahy iniany fa vokatry ny fitondra-tenan' ny vadiny no nahazoany izany tsimok' aretina izany na dia nijanona ho mahatoky hatrany amin' ny vadiny aza ireny vehivavy ireny.

(1) In COE Le SIDA sinformer , informer, COE 1996 Genve Suisse.



Misy ihany koa ny fanolanana izay atao amin' ny zazavavikely na ny vehivavy izay varavarana midanadana iparitahan' ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Ny herisetra izay mampihanaka tokoa ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Tsy maintsy tanisaina anefa ireo fahotana toa tsy hita mazava avy hatrany, anefa dia hita ao amin' ny fiainan' ny Fiangonana. Misy telo izy ireo ka ilaina indray ny handrafetana teolojia vaovao mba ahazoana manao fanamby amin' izao ady amin' ny SIDA izao.

- ¥ Toy ny fanaovana ny rafitra ho zava-dehibe noho ny maha-olona[1]. Ireo olona ao amin' ny Foiben' ny Fiangonana izay manana ny fahefana no mifikitra mafy amin' ny rafitra. Ekena fa ilaina ny rafitra ho fandaminana, anefa raha toa ka atao ambony lavitra noho ny maha-olona sy ny fampivelarana azy araka ny Soratra Masina dia tena fahotana tokoa. **Ny fanamby lehibe ataon' ny Fiangonana dia miezaka mampifanaraka ny Tenin' ny Soratra Masina amin' ny rafitry ny Fiangonana nataon' olombelona araka ny sitrapon' Andriamanitra**. Satria rehefa tsy atao zava-dehibe ny maha-olona noho ny rafitra dia mahatsiaro ho maratra anaty ny olona, diso fanantenana ka tonga resy. Etsy andaniny kosa ireo olona ao amin' ny rafitra dia manararaotra ny fahefany ka mihevitra ny hafa ho fitaovana ihany ampiasaina ho amin' ny tombontsoany. Toy ny fanararaotana ny vehivavy sy ireo rehetra marefo amin' ny lafiny rehetra.
- ¥ Toy ny fanilikilihana sy ny fanavakavahana[2]. Raha jerena ny zavamisy ao amin' ny Fiangonana dia hita fa misy ny fizaha-tavanolona. R y rahalahiko, aoka tsy hasiana fizaha-tavan' olona ny finoanareo ny Tompontsika (Jak. 2 : 1). Ka ilna fandinihan-tenan' ny olona ao amin' ny Fiangonana indray izany fa tena fahotana tokoa. Satria ny fanilikilihana dia mahatonga ireo olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA hihevitra ny tenany ho tsinontsinona intsony ka hamoy fo ary hanao fihetsika tsy voahevitra toy ny famaliana faty ka manao amin' ny fomba rehetra hanaparitahana ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

(1) Structural sin church than humanity.
(2) Stigmatisation.

¥ Toy ny tsi-fitenenana[1] ao amin' ny Fiangonana na dia misy herisetra sy fanolanana aza. Maro ny zavatra afenina ao amin' ny fiainan' ny Fiangonana na dia efa misy aza ny mitondra faisana noho ny tsy mety ataon' ny hafa. Tazonina tsy ambara ny tena zava-nisy ka manome vahana ireo manao ny tsy mety. Ny tantaran' i Tamara voaolana tao an-tranony ihany no mampiseho fa ilaina ny miteny (II Sam. 13 : 1-22)[2].

Ny fisian' ireo endrim-pahotana telo ireo dia mampihanaka haingana ny tsimok' aretina VIH/SIDA, satria fanomezana bahana ny mpanolana raha tsy toriana izy ireo fa mangina manoloana ny tsy mety ataony. Izy ireny anefa manao herisetra. Izy ireny angamba manana ny tsimok' aretina. Ireny mpanao herisetra ireny tsy manao fiarovana raha manery ny vehivavy hanao firaisana aminy.

Mbola maro ireo fahotana azo tanisaina, anefa noho ny famindrampon' Andriamanitra sy ny famelan-kelok' i Jesoa Kristy dia azo ialana ny fahotana.

### 1.2.2.1.2. - Ny fialna amin' ny fahotana.

Tsy ny fitanisana ny fahotana na ny fiampangana na ny fanerena ny olona hibebaka no voalohany fa ny filazana ny fitiavan' Andriamanitra azy[3]. Ny famaizana dia fomban' Andriamanitra ihany, kanefa dia mbola am-pitiavana ihany sy mbola tafiditra ao amin' ny Fitiavany ihany izany famaizana izany. (Gen. 30 ; Eks; 1-12 ; Lev. 13.15 ; Oha. 13.24).

Ny fanekena ny fahotana dia vokatry ny fahitana ny fitiavan' Andriamanitra ka hahatsiarovana ny tena ho mpanota tsy mendrika. (I Jao. 1.8-10).

Koa ny fanaovana ny teolojian' ny fahotana dia mampiseho amintsika indray **ny fitiavan' Andriamanitra tsy te-hametraka ny olona eo amin' ny fahotana fa mba handray azy ho tonga olona voavela heloka kosa**. Tsy izay mamoafady ihany no fahotana fa izay endrika rehetra tsy mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra. Tsy ny mpijangajangana ihany no mpanota, fa izay rehetra manao tsinotsinona ny maha-olona ihany koa.

(1) Silence.
(2) Jereo fandinihana Soratra Masina : ny Fitiavana.
(3) Sharing love (Jao. 3 : 16).



Misy lafiny vitsivitsy ny fialana amin' ny fahotana amin' ny alalan' ny fifonana, vavaka fangatahana mba havela ny heloka, amin' ny fibebahana na ny fanenenana ny amin' ny ratsy izay natao, amin' ny ezaka hiova ho tsara ka tsy hanota intsony amin' izao sisa izao, amin' ny fialana amin' ny toetra ratsy…

Ny Jaona 8 dia nampiseho fa ireo olona rehetra nandeha nitondra niampanga ilay vehivavy ho mpanota mpijangajanga, dia nahatsiaro ihany koa fa nanao fahotana ka lasa nandeha tsikelikely, rehefa nolazain' i Jesoa Kristy hoe : izay tsy nanota taminareo no aoka hitora-bato azy voalohany (and. 7). Noho izany dia misy tokoa ny sokajin' olona ao amin' ny fiaraha-monina manota.

Ny fialan' ny vehivavy tamin' ny fahotana dia tamin' ny alalan' ny famelan-keloka natolotr' i Jesoa Kristy azy : marihina fa tsy hita taratra eto ny fifonana sy ny fibebahana nataon-dravehivavy (Jao. 8 : 11).

Azo lazaina ihany koa fa mpanota avokoa ny rehetra (Rom. 8), saingy efa nohamarinina tamin' ny finoana an' i Jesoa Kristy. Tonga i Jesoa Kristy tsy avy hiantso ny marina fa ny mpanota[1]. Ny Fiangonana izay mamolavola Teolojian' ny fahotana dia Fiangonana mandini-tena ka manao ny tenany ho manana fahotana. Misokatra ho an' ny olona rehetra ny Fiangonana, eny ho an' ny manana fahotana ihany koa. Ny Fiangonana dia sekolin' ny mpanota. Mbola misy ny famelan-keloka azo antoka manoloana ny fahotana ao amin' Ilay Mahatoky dia Jesoa Kristy.

### 1.2.2.2. - Ny teolojian' ny famelan-keloka :

Tsy maintsy lazaina fa **asan' Andriamanitra ny famelan-keloka sy ny famindrampo maharitra mandrakizay** izay teny farany fa tsy ny fahotana akory na ny fifonana na ny fibebahana. Llana mitondra sy mitarika ho amin' ny famelan-keloka ihany ny fifonana sy ny fibebahana noho ny asan' ny Fanahy Masina.

Jesoa Kristy mamela heloka fa tsy manameloka no hita ao amin' ny Jao. 8. Sary omen' i Jesoa Kristy eto ny maha-Mpamela heloka Azy. Jesoa Kristy mandray ireo izay heverin' ny olona ao amin' ny fiaraha-monina fa mpanota.

(1) Lioka 5 : 32.

Ny famindrampon' Andriamanitra sy ny famelan-keloka ao amin' i Jesoa Kristy no Teny Soa Mahafaly, Teny famonjena, Teny fampanantenana, ny Filazantsara. Izay no iainana aorian' ny famelan-keloka noraisina.

Nilaza Fitiavana Andriamanitra sy Jesoa Kristy ka nibebaka ny olona ary niova. Asan' Andriamanitra Fitiavana ny mampiova ny olona. Saoly niova ho Paoly (Asa. 9) noho ny fitiavan' i Jesoa Kristy azy.

Ny fitiavana no mitarika ho amin' ny famelan-keloka. Noho ny Fitiavan' Andriamanitra[1] no nampaharetany ny famindrampony amintsika izany hoe ny famelany ny helotsika.

Noho izany, ny Fiangonana Tenan' i Kristy ety an-tany dia tsy mpanameloka fa mamela heloka. **Ny Fiangonana mamolavola Teolojian' ny famelan-keloka no Fiangonana manao fanamby satria famindram-po sy famelan-keloka no mampisy antony ny fiainana**. Ao amin' ny fampianaran' ny Fiangonana no ilazany indray fa zava-dehibe ny famelan-keloka fa indrindra ny fifamelan-keloka.

Mandrava ny sakana rehetra ny famelan-keloka (Jao. 8). Nanana izay tao an-tsainy ny olona raha tonga teo amin' i Jesoa Kristy nitondra ilay vehivavy, anefa noho ny filazana ny amin' ny fahotana sy ny tsy fahotana dia lasa tsikelikely izy ireo. Ny famelan-keloka no natolotr' ireo olona ireo sahady an-dravehivavy. Ilay fanamelohana tary am-boalohany dia niova ho famelan-keloka satria tsy nisy sahy nitora-bato, noho izany tsy nisy ota. Fa ny famelan-keloka azon-dravehivavy avy amin' i Jesoa Kristy koa dia nanala ny sakana rehetra ka nahazoan' ilay vehivavy miaina indray, tsy hanota intsony amin' izao sisa izao.

Ny Fitiavan' Andriamanitra indrindra no toriana amin' izany Fiangonana Mpamela heloka izany. Fitiavan' Andriamanitra ny mpanota[2]. Tian' Andriamanitra hiova ny olona ka handray ny famelan-keloka avy Aminy.

Ny famelan-keloka dia fahasitranana ara-panahy atolotr' Andriamanitra izay rehetra mino sy matoky Azy. Fandraisana ihany koa ny olona izay niova ny famelan-keloka ka hanadinoana ny lasa. Tahaka an' Andriamanitra efa nandevona ny fahotana tahaka ny zavona, toy izany ihany koa ny Fiangonana manadino ny lasa fa miezaka mahatratra ny eo aloha dia ilay Famonjena sy Fitiavana[3].

(1) Jer. 31 : 3
(2) Isa. 44 : 22 ; Jao. 3 : 16
(3) Isa. 44 : 22.



Ny famelan-keloka no anasana indray ny Fiangonana manao fanamby handresy ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA mba hanaovany dingana lehibe ka handrafitra indray ny teolojian' ny famelan-keloka izay mifanaraka amin' ny toe-java-misy ny tontolon' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Fa tsy ny teolojian' ny famelan-keloka ihany, fa ny amin' ny teolojian' ny fanantenana ihany koa.

### 1.2.3. - Ny teolojian' ny fanantenana :



Ny fanantenana eto dia ilay hery entin' ny Fiangonana handresena ny endriky ny fahakiviana rehetra. Noho izany, dia **teny mamy feno fampaherezana no tenin' ny Fiangonana manao fanamby fa manana ny finoana izy ka mandresy**. Manoloana ny aretina no ilna ny famelomana indray ny fanantenana amin' ny marary. Manoloana ny fahafatesana no ampahatsiahivana indray ny fanantenana ny fiainana mandrakizay, izay nampanantenain' i Jesoa Kristy amin' izay rehetra mino sy matoky Azy.

Eo amin' ny aretina SIDA, dia mbola misy ny fanantenana, na dia tsy mbola nahita fanafana momba ny aretina aza ny olombelona mpikaroka. Fanantenana an' i Jesoa Kristy izay efa nanome ny teny fikasany sy ny teny fampanantenany. Fanantenana an' Andriamanitra Ilay Alfa niandohana sy Omega iafarana, satria **Andriamanitra no Tompon' ny teny farany**, fa tsy ny aretina SIDA akory[1].

(1) Isa. 48 : 12.

Zavatra roa loha no tiana ho singanina eto dia ny amin' ny fahararianana, ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty ary ny teolojian' ny fanantenana.

### 1.2.3.1. - Ny teolojian' ny fahararianana sy ny fahafatesana, ary ny fitsanganana amin' ny maty.

Nanana ny fihetsiny tokoa i Jesoa Kristy teo anoloan' ny aretina sy ny fahafatesana, araka ny Soratra Masina. **Izay nataon' i Jesoa Kristy sy noteneniny manoloana ny aretina sy ny fahafatesana no tsy maintsy ataon' ny Fiangonana ihany koa**, satria Tenan' i Kristy Jesoa ny Fiangonana sy iraka hanatanteraka ny sitrapony.

#### 1.2.3.1.1. - Ny fahararianana.

Manoloana ny aretina dia manana ny fihetsiny tokoa ny Fiangonana. Tsy ny fahasitranana no tanjona, fa ny finoana sy ny fahatokiana ary ny fiverenana indray amin' Andriamanitra.

Tsy ho sitrana ny aretina SIDA fa ny finoana amin' ny fitsanganan' ny tena amin' ny maty sy ny fanantenana ny fiainana mandrakizay kosa dia velona ho fiainana ao anaty. Na dia manana finoana aza ny olona dia mety harary ka hiharan' ny fahafatesana ihany. Ny tantaran' i Joba dia maneho indrindra izany(1). Joba dia lehilahy tsy nanan-tsiny indrindra teo anatrehan' Andriamanitra kanefa dia niharan' ny aretina sy ny fahafatesana eo amin' ny ankohonany. Ny aretina dia mety mahazo ny olona na dia mino sy matoky an' Andriamanitra aza izy.

Anisan' ny asa iray notanterahan' i Jesoa Kristy tamin' ny famonjena izay nataony ny fanasitranana. Fanasitranana tsy misy fepetra mialoha. Fanasitranana nahasahana ny olona manontolo satria nanolotra ny famelankeloka Izy (Mar. 5 : 21-34).

Ny vokatry ny fahatokiana an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy dia ny fampitomboana ny Finoana, ny Fanantenana, ny Fitiavana. Na izany aza dia miatrika ny fahafatesana ihany koa ny mino sy matoky an' Andriamanitra.

(1) Job. 1 : 21 ; 2 : 10.



#### 1.2.3.1.2. - Ny fahafatesana.

Fahafatesana no iafaran' ny fiainana eto an-tany. Ny olona mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia mahalala ihany koa fa voafetra ny androny ety an-tany ka ho faty izy ireny. Ilaina indray ny amolavolana teolojia ho fampianarana ny olona ao amin' ny Fiangonana eo amin' ny toe-java-misy amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ny amin' ny fahafatesana.

- Anefa teo anoloan' ny taolana maina dia nasain' i Jehovah naminany i Ezekiela fa mbola misy ny fanantenana ho velona eo amin' ny fahafatesana (Eze. 37 : 1-13).
- Mbola misy izay azo hanarenana indray ny tany sy ny tanna indrindra i Madagasikara raha mijery ny asa ao amin' ny Ezra. 1 : 1-11(1).
- Jesoa Kristy nampanantena tamin' ny zanakavavin' i Jairo fa Aza matahotra, minoa fotsiny ihany (Mar. 5 : 21-43) teo anoloan' ny fahafatesana.

Manoloana ny fahafatesana, Jesoa Kristy manambara ny Tenany ho fananganana ny maty ka izay rehetra mino azy, na dia maty aza dia ho velona indray. Hoy Jesoa Kristy : Izaho no fananganana ny maty sy fiainana" (Jao. 11 : 25). Tsy ny fahafatesana no tompon' ny teny farany fa Jesoa Kristy Tompon' ny fiainantsika nandresy ny fahafatesana ka nitsangana tamin' ny maty.

#### 1.2.3.1.3. - Ny fitsanganana amin' ny maty.

Taorian' ny fitsanganany tamin' ny maty, Jesoa Kristy mampahatsiahy fa manana ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany Izy (Mat. 28 : 8).

Ny fananganana an' i Lazarosy no nanambarany fa : Izaho no fananganana ny maty sy ny fiainana : izay mino Ahy, na dia maty aza dia ho velona indray. (Jao. 11 : 25).

Ny zanakavavin' i Jairo izay nanehoany ny heriny sy ny fahefany.

Na dia maty ihany aza ny tena mety lo noho ny aretina SIDA, raha manana finoana dia tsy ho very fa hanana ny fiainana mandrakizay (Jao. 3 : 16). Izany indrindra no mbola hananantsika fanantenana. Ny fanambarany ny tenany fa hitsangana Izy amin' ny andro fahatelo dia mitory sy manambara fa tsy ny

(1) In Africa Praying COE 2004 MUSA DUBE Genve Suisse.

fahafatesana akory no tompon' ny teny farany fa ny fiainana. Jesoa Kristy no nitsangana tamin' ny maty izay fototry ny fanantenantsika[1].

### 1.2.3.2. - Ny teolojian' ny fanantenana azo volavolaina.

Amin' izay tsy misy anantenana intsony no mbola hanantenana an' Andriamanitra hatrany (Job. 1-2 ; 2 : 9-13).

Abrahama nanantena an' Andriamanitra hatrany na dia antitra aza izy ny amin' ny mbola ahazoana taranaka amin' ny teny fikasana (Heb. 11 : 8-10).

Ny fanantenana hoavy mirindra, hihiratra indray ny hazavana, fiainana tsara, fiainana mandrakizay ao amin' i Jesoa Kristy no atolotry ny Fiangonana mpitondra fanantenana ho an' ny mpino kristiana.

Jesoa Kristy Fanantenantsika noho ny fanambaran' ny Tenany[2], ka ho Fiangonana mamelona ny fanantenan' ireo kivy noho ny nahazoana ny tsimok' aretina no fihetsiky ny Fiangonana manao fanamby amin' ny ady atao amin' ny SIDA.

Ho Fiangonana manoro ny lalm-pamonjena ho an' ny vahoaka no andrasana indrindra amin' ny Fiangonana.

Ny jery atao amin' ny Fiangonan' ny Fanantenana dia ny Asa ahatonga ny Fiangonana handray andraikitra. Ho fitaovana iray hitondra fanasitranana amin' ny alalan' ny fanantenana ny Fiangonana.

Satria Fiangonana mahatoky an' Andriamanitra ny Fiangonana dia tsy mpitondra fanantenana fotsiny ihany fa Fitiavana indrindra ihany koa ka onena sy mangoraka.

### 1.2.4. - Ny teolojian' ny onena" [3] :

Na ao amin' ny Testamenta Taloha na ao amin' ny Testamenta Vaovao dia samy ahitana ny faha-onena-na avokoa. Joba dia onena ao amin' ny tantarany (Joba 1-2 ; 9-13 ; 3 : 37 ; 38-42).

(1) I Kor. 15 : 14, 17, 19, 26.
(2) I Tim. 1 : 1.
(3) Na ny Teolojian' ny fangorahana noho ny fitiavana (Compassion).



#### 1.2.4.1. - Jesoa Kristy onena.

I Jesoa Kristy koa dia onena (Mat. 11 ; Jao. 9 ; Mat. 10 : 20). Ilay Samaritana tsara fanahy dia onena teny an-dalm-be ho any Jeriko raha nahita ilay naratra teny amoron-dalana.

Ny teolojian' ny onena izay ho volavolain' ny Fiangonana indray no hametrahana azy amin' ny toerany. Ny Fiangonana maka tahaka an' i Jesoa Kristy onena no **Fiangonana tonga toerana hitsaboana sy hanampiana amin' ny lafiny rehetra**[1].

Amin' izay fotoana izay, ny Mpitondra fivavahana dia olon' ny fitsaboana fa Jesoa Kristy no manasitrana. Fiangonana manahaka an' i Jesoa Kristy. Mahakasika ny fiainam-piangonana ny tontolo misy eo amin' ny fiparitahan' ny tsimok' aretina VIH/SIDA (Mat. 11 ; Jao. 9 ; Mat. 10 : 20), ka tsy misy fihafahafana.

Fanehoam-pitiavana ny maha-onena sy mangoraka, satria fandraisana ho an' ny tena ny zava-manjo ny hafa na ny namana. Fizarana fiainana ny maha-onena satria tsy mijanona eo amin' ny fihetseham-po fotsiny ihany fa miroso amin' izay fanampiana hita maso sy azo tsapain-tnana. Fanampiana famonjena ny maha-onena satria mitsabo na ohatrinona na ohatrinona (Lio. 10 : 25-37). Ilay Samaritana tsara fanahy onena nanao hoe na ohatrinona na ohatrinona (and. 35) no endriky ny Fiangonana mangoraka sy onena. Ho tonga **Fiangonana Samaritana tsara fanahy**.

#### 1.2.4.2. - Fiangonana onena.

Fiangonana onena. Fiangonana tsara fanahy. Fiangonana mangoraka. Fiangonana teren' ny Fitiavana. Fiangonana manampy sy manolotra fitsaboana.

Fiangonana mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA tahaka an' i Jesoa Kristy izay nitondra ny aretintsika. Fiangonana tsy mihafahafa amin' ny olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Koa izany indrindra no ilna indray ny hanaovan' ny Fiangonana teolojian' ny fangorahana indray manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA, ka hijoroany amin' ny maha-Fiangonana azy.

(1) Church space for healing and compassion.

### 1.2.5. - Ny teolojian' ny Fiangonana :

Ny Apostoly Paoly no nanome sary ny amin' ny fifandraisan' ny Fiangonana sy i Jesoa Kristy. Ka nanehoany fa Lohan' ny Fiangonana i Jesoa Kristy, sady tia ny Fiangonana Izy. Tenan' i Kristy ny Fiangonana ka manaiky an' i Jesoa Kristy(1).

#### 1.2.5.1. - Kristy Jesoa no Lohan' ny Fiangonana.

Kristy no Lohan' ny Fiangonana koa maka tahaka Azy ny Fiangonana. Izay nataony sy noteneniny ary notoriany no arahany ihany koa. Kristy Jesoa no manana ny fahefana ao amin' ny Fiangonana.

Ny Teniny no arahana ao amin' ny fiainan' ny Fiangonana. Ny sitrapony no tanterahana. Teo amin' izay rehetra nanatona azy, Jesoa Kristy dia tsy nand fa namaha olana.

Ilaina indray ny mampirindra ny amin' ny nanorenan' i Jesoa Kristy ny Fiangonana sy ny fitarihana azy ety an-tany. Izay ny fanaovana indray ny teolojian' ny Fiangonana manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Ny kendrena amin' izany dia ny ezaka ataon' ny Fiangonana hanahaka izay rehetra nataon' i Jesoa Kristy izay Lohany. Ohatra Fiangonana mamela heloka, Fiangonana mandray mpanota, Fiangonana manasitrana tsy misy fepetra ary manolotra fahasitranana amin' ny olona manontolo ara-tsaina, ara-panahy fa indrindra ny ara-batana, Fiangonana tsy manavakavaka, tsy manilikilika satria mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

#### 1.2.5.2. - Fiangonana Tenan' i Kristy ety an-tany.

Ny fiombonana sy ny firaisana ao dia tsy misy fanavakavahana sy fanilikilihana (Kol. 1 : 18). Ny firaisan' ny mpino dia hita sy aseho amin' ny fiaraha-miasa ao amin' ny Fiangonana. Ny firaisan' ny mpino amin' i Kristy Lohan' ny Fiangonana dia amin' ny alalan' ny finoana Azy tokoa. Ny tenan' ny olombelona no haringan' ny VIH/SIDA. Koa tsy afaka ny hialangalana amin' ny ady handresena ny VIH/SIDA ny Fiangonana. Voakasika(2) ka mahatsiaro fa manana andraikitra amin' ny ady atao amin' ny SIDA izy tahaka

(1) Efes. 5 : 23-33.
(2) Affect.



ny olona miaina miaraka amin' ny VIH(1). **Ilaina indrindra ny mahavoakasika ny Fiangonana sy maha-tompon' andraikitra azy**(2) eo amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Ny fanaovana ny teolojian' ny Fiangonana indray manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia mametraka ireto fanamby ireto :

- Aoka ho Fiangonana Mpaminany ny Fiangonana Mpitarika !(3)
- Aoka hiatrika ny zava-misy eo amin' ny fiaraha-monina ny Fiangonana !(4)
- Aoka ho tsara indrindra ry Fiangonana o !(5)

Ny fizarana ny famonjena amin' ny alalan' ny fanampiana amin' ny lafiny rehetra ny olona manontolo sy ny olona rehetra no ezaka tratrarin' ny Fiangonana amin' ny maha-Tenan' i Kristy ety an-tany azy. Ny fizarana ny fiainana ataon' ny Fiangonana ka mamelona fa tsy mamono ary manao izay fomba rehetra mba ahavelona indray amin' ny finoana na dia ho fatin' ny aretina SIDA ihany aza ny tena. Ny marina amin' ny finoana no ho velona (Rom. 1 : 17). Ny fizarana ny fitiavana ka tsy mizaha tavan' olona tahaka an' Andriamanitra ny Fiangonana ka :

¥ Fiangonana Tenan' i Kristy ao amin' ny rafitra no ilna indrindra ny hanaovana ny fikarohana teolojika indray mba ahazoana miverina indray amin' izay antony nanorenan' i Jesoa Kristy azy.

¥ Fiangonana tsy mangina fa miteny no ilna indray ny fanaovana famolavolana teolojia, ka hananana fahasahiana hilaza ireo endri-pamoretana sy fanagejana misy ka hanajana indray ny Fiangonana amin' ny toerana misy azy.

¥ Fiangonana tsy manavakavaka sy tsy mizaha tavan' olona ary tsy manilikilika no ilna hanaovana teolojia indray ahazoany mahita amin' ny fitaratra fa misy ny fahotana tokony hialana raha hanao fanamby mba handresy amin' ny finoana izy.

¥ Fiangonana mizara no Fiangonana manao fanamby ka tsy mamihina ho azy irery ny Fiainana, ny Famonjena, ny Fitiavana.

(1) Infect.
(2) La sensibilité de lEglise et sa responsabilité.
(3) Be prophetic church leaders !
(4) Deal of the social events !
(5) Be excellent o Church !

## FEHINTENY

Ny fanaovana famolavolana teolojia indray ao amin' ny Fiangonana amin' ny tontolon' ny fiparitahan' ny tsimok' aretina VIH/SIDA no takian' ny toetr' andro ankehitriny ka hanasana indray ny Fiangonana. Teolojia ny amin' ny fifandraisana tao amin' ny fahariana, teolojian' ny famelan-keloka, telojian' ny fanantenana, teolojian' ny Fiangonana.

Ezaka fampifanarahana ny zava-misy, ny tontolo manodidina amin' ny fotokevitra ara-tSoratra Masina sy ny fotokevitra teolojika no andrasana indray amin' ny Fiangonana amin' izao fotoana izao.

Marihinay etoana anefa fa tena mbola ilaina ny handalinana kokoa ireny karazana teolojia voatanisa teo ireny mba hafonja, hanana ventin-kevitra kokoa. Misy ihany koa hevitra hafa ilna fandalinana teolojia ankoatry ny voatanisanay teo.

Na dia eo aza ny Soratra Masina sy ny teolojia dia ilaina ihany koa ny fandrindrana ny fiaraha-monina amin' ny alalan' ny fanaovana etika indray manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.





## NY ETIKA AZO ATAO MANOLOANA NY FIHANAKY NY TSIMOK' ARETINA VIH/SIDA

Ahoana no tokony ho fitondrantenan' ny Kristiana mpino sy ny Fiangonana manoloana ireo olona ao amin' ny Fiangonana na ivelany mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA ? Ireo olona mifanerasera amin' ny mararin' ny SIDA ? Moa ve afaka mandray fepetra ho azy manokana ny Fiangonana mba hanakana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ? Ahoana avy no hitantanan' ny Fiangonana ireo fitaovana sy olona ao aminy amin' ny fitsaboana, amin' ny fisorohana, sy amin' ny fikarohana fototra ? Inona no hataon' ny Fiangonana hanovany ireo fomba amam-panao manafaingana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ? Miainga amin' ny fototra ara-tSoratra Masina manao ahoana ny Fiangonana sy ny Kristiana mba hahazoany mandray fanapahan-kevitra amin' ireo sehatra voatanisa rehetra teo ireo ?

Ny famolavolana Etika indray no fanamby lehibe ataon' ny Fiangonana miatrika ny zava-misy ny amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

### 1.3.1. - Ny toetra mampiavaka ny Etika Kristiana[1] :

Izay manentana ny Kristiana ny amin' ny hahazoana mamolavola Etika dia ny fanehoana ny Fitiavan' i Kristy amin' ny namana, ny Famonjena, ny Fiainana izay fiasana ho amin' ny fampihavanana, ny fitadiavana mba hohajaina ny rariny sy ny hitsiny. Ireo voatanisa ireo no baiko raisina ka hamolavolana Etika Kristiana, izay ilna fandinihana Soratra Masina indray sy vavaka ary famakafakana teolojika. Anefa ambonin' izany rehetra izany, ny fahaiza-manavaka amin' ny alalan' ny fitarihan' ny asan' ny Fanahy Masina.

Ilaina indrindra ny fahaiza-manavaka mba hahazoana mampifanaraka ireo fotokevitra ao amin' ny Soratra Masina. Satria Andriamanitra nahary ny olombelona rehetra sy tia azy rehetra. Noho izany, ny Kristiana antsoina mba hijery ny olona indray amin' ny maha sarobidy azy eo anatrehan' Andriamanitra.

(1) In COE, Face au SIDA Laction des Eglises p. 53 ss.

Satria Kristy maty hampihavana ny rehetra amin' Andriamanitra. Noho izany ny Kristiana dia antsoina hiasa ho amin' ny fampihavanana marina izay fanajana ny rariny sy ny hitsiny amin' izay voan' ny tsindry hazolena.

Satria isika samy momba ny tenantsika avy naorina tamin' ny asan' ny Fanahy Masina ho tena iray. Noho izany, ny Kristiana dia antsoina hanana fiainana feno fandraisana andraikitra eo amin' ny fiombonan' ny mpino.

Tena zava-dehibe tokoa ny fiarahana mieritreritra sy mandinika eo amin' ny Kristiana sy ny Fiangonana ny amin' izay ho Etikan' ny Fiangonana manao fanamby fa handresy amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Ilaina ny Etika mba hampirindrana ny fiaraha-monina. Sehatra roa indrindra no iasana raha hanao Etika manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ny Fiangonana Kristiana.

1¡ - ny fametrahana ny tanjona izay mifantoka bebe kokoa amin' ny vokatry ny asa sy ny fihetsiky ny olombelona. Tafiditra ao anatin' izany ny fanazavana momba ny fampiasana ny fiarovana amin' ny fihanaky ny VIH/SIDA noho ny antony samihafa(1).

2¡ - ny fametrahana ny adidy takiana noho ny tanjona tiana ho tratrarina ka hamaritana ny andraikitra raisina noho ny toerana misy ny Fiangonana sy izay maha-Fiangonana ny Fiangonana.

Tsy maintsy mifameno anefa ireo sehatra roa ireo fa tsy samy mandeha ho azy irery akory.

Ho fanampin' ireo fametrahana tanjona sy adidy ireo dia misy fotokevitra apetraka ihany koa.

### 1.3.2. - Ireo fotokevitra folo entina amin' ny fanaovana Etika :

Mba hahazoana manao Etika dia ilaina indrindra ny mametraka fotokevitra izay ifanarahana sy ekena.

#### 1.3.2.1. - Ny fanajana ny maha-olona.

Ny fanajana ny maha-olona dia tena zava-dehibe tokoa satria fampirindrana ny fiaraha-monina amin' ny fitondrantena eo aminny fanaovana ny

(1) Ohatra ny Didy folo Eks. 20 :1-17 ;Deot. 5 :6-21 ; Lio. 6 : 31.



Etika.

Noho izany dia ilaina indrindra ny fikatsahana sy fandalinana ny :

- ¥ **Fitoviana sy fiombonana amin' ny maha-olombelona mba hisorohana** ny fiviliana sy fanavakavahana ka hanaovana zava-dehibe ny fanajana ny lanjan' ny maha-olombelona amin' ny fanatanterahana ny adidy amin' ny fandraisan' andraikitra.
- ¥ **Firaisankina fiombonana** amin' ny olona miasa sy mahatsiaro tena ary manolotena eo amin' ny tsiambaratelo na ny tenenina na ny tsy lazaina.

#### 1.3.2.2. - Ny fanaovan-tsoa mivantana.

Mba hirindran' ny fiaraha-monina dia miantefa mivantana amin' ny olona mila fanampiana ny tsara atao. Ohatra Ilay Samaritana tsara fanahy izay namehy ny fery sy nanisy fanafody ka nitondra ilay naratra ho any amin' ny toeram-pitsaboana. Fa tsy ho an' ny olona mila fanampiana ihany fa amin' ny ankapobeny ihany koa ny fanaovan-tsoa.

#### 1.3.2.3. - Ny fanaovan-tsoa amin' ny ankapobeny.

Ny fitondrantena tsara dia mitondra vokatsoa hatrany amin' ny mpiara-belona. Tsy voakendry mivantana ny anaovan-tsoa amin' izany. Koa zava-dehibe indrindra ny famolavolana Etika hahazoan' ny olona mitondra tena tsara mba hisian' ny vokatsoa eo amin' ny fiaraha-monina.

#### 1.3.2.4. - Ny fandalana ny rariny sy ny hitsiny.

Ny fandalana ny rariny sy ny hitsiny dia vokatry ny fifikirana amin' ny fahamarinana. Ny fitondrantena tsara no ahazoana mandala ny rariny sy ny hitsiny. Ilaina tokoa ny fanaovana famolavolana Etika mba hahatonga ny olona hifikitra amin' ny fahamarinana.

#### 1.3.2.5. - Ny fifandraisana mirindra.

Amin' ny fanaovana Etika amin' ny ady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA, ireto trangan-javatra ireto no ilana fifandraisana mirindra sy fanajana ny hafa ary fitadiavana ny fiainana eo amin' ny fitondrantena :

- ny amin' izay misy fanavakavahana sy ny fanilikilihana ;

- amin' ny fitadiavana ny rariny sy ny hitsiny ;
- amin' ny fitanana ny tsiambaratelo ;
- amin' ny fitaizana ny amin' ny fananahana ;
- amin' ny fampiasana ny condom na ny fimailo (prservatifs) ;
- amin' ny amin' ny fidorohana ny zava-mahadomelina sy ny fampiasana ny fanindronana tsy voadio ;
- amin' ny fitiliana ny tsimok' aretina VIH/SIDA ;
- amin' ny fikarohana samihafa ho enti-mandresy amin' ny ady ;
- amin' ny fanampiana samihafa ;
- amin' ny fampandrosoana.

**1.3.2.6. - Ny fitanana ny tsiambaratelo.**

Ao amin' ny Baiboly no ahitana ny amin' ny fitanana ny tsiambaratelo dia ny fijoroana ho vavolombelona[(1)] sy ny fifampitokisana fitanana ny tsiambaratelo[(2)]. Ny fitsaboana ireo PVVIH no ilna indrindra ny fitanana ny tsiambaratelo, ny fikarakarana ara-tsosialy, ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy azy ireo.

**1.3.2.7. - Ireo fepetra samihafa** napetraka ho fisorohana ny fihanaky ny VIH/SIDA : ny fahononan-tena, ny fanajana ny vady, ny fampiasana ny condom ary ny fitiliana dia ilana famolavolana Etika tokoa avy amin' ny Fiangonana izay hanampy indrindra ny olona eo amin' izay tokony ho fitondrantenany.

**1.3.2.8. - Ny fitiliana ny tsimok' aretina VIH/SIDA.**

Lalana tokana ihany no ahazoana mamantatra fa mitondra ny tsimok' aretina ny olona dia amin' ny alalan' ny fitiliana. Tena tsy fantatra anarana ary tsy misy fomba ahafantarana azy[(3)] izay rehetra manao fitiliana any amin' ny toerana tokony hanaovana azy. Koa ilaina ny mampahery ny olona mba hanao ny fitiliana. Maimaim-poana ny fanaovana izany fitiliana ny tsimok' aretina VIH/SIDA izany.

**1.3.2.9. - Ny fikarohana** tsy maintsy hatao, ny amin' izay ahitana fanafana, ny amin' ny ahazoana manampy ny olona amin' ny fisorohana, ny fomba samihafa amin' ny fandraisana an-tnana. Ilna famolavolana Etika tokoa izany fikarohana izany izay hametrahana ny tanjona sy ny adidy takian' izany.

**1.3.2.10. - Ny fampandrosoana**. Eo amin' ny fitondrantenan' ny Fiangonana indrindra no ahitana ny fampandrosoana dia ny fandraisana izay manatona, ny fanomezana ny teny mamy mampahery, ny fanampiana, ny fizarana fitiavana. Fampandrosoana ny olona ho amin' ny finoana sy ny fahatokiana an' Andriamanitra indrindra no tanjona apetraka eto.

**1.3.3. - Fanamarihana :**

**1.3.3.1.** - Mila fotokevitra etika ihany koa ny etika pastoralin' ny fanahara-maso[(1)].

**1.3.3.2.**- Ny fahaiza-manavaka ny TSARA sy ny RATSY no ilna ny fanapaha-kevitra iraisana. Jerena miaraka amin' izany ihany koa **ny tsy maintsy atao sy ny tsy azo atao**.

**1.3.3.3.** - Ho an' ireo miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Ny fanambarana na ny filazana fa mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA ny olona iray dia manaitra. Mivarahontsana mahare izany filazana izany. Mitarika fahatairana mafy tokoa izay misy fiantraikany.

Eo indrindra no anamarihana fa ilaina indray ny famolavolana sy ny fanaovana Etika mba ahazoana manarina ny herin-tsaina hiatrika ny zava-misy.

Ka ny olona tratry ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia hifandray amin' ny manodidina azy.

Ka ny fahatairana noho ny filazana fa mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia hitarika fihainoana sy fanampiana avy amin' ny manodidina.

Ka ny fihetsika toy ny tsy fanekena ny toe-java-misy eo amin' ny tena satria mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia hanehoana indray fa zava-dehibe tokoa ny famelana hiteny sy hamoaka hevitra ny amin' ny anton' ny fihetsika tsy hanekena ny zava-misy.

Ka ny famoizam-po izay mety hiafara amin' ny fanarian-tena mihitsy dia hanaovan' ny manodidina dingana mety mba ahazoana mamelona indray ny

(1) Tmoignage
(2) Confidentialit.
(3) Anonyme.

(1) In COE, Face au SIDA, laction des Eglises p. 53 ss.

## FEHINTENY

Ny fisainana mahay manavaka[1] no mampiavaka ny etika kristiana. Eo koa ny safidy raisina izay mifanaraka amin' ny fotokevitra teolojika ka eken' ny Fiangonana ao amin' ny Soratra Masina. Ny fanajana ny hafa noho ny fahariana. Ny mitady ny fampihavanana amin' ny fanaovana ny fahamarinana, ny fanajana ny rariny sy ny hitsiny. Ny Kristiana no tompon' andraikitra ao amin' izay andraikitra horaisina sy tanjona tiana hahatongavana eo anivon' ny Fiangonana ny amin' ny olana samihafa apetraky ny fihanaky ny VIH/SIDA.

Noho izany :

1¡) **ny fifikirana amin' ny fahamarinana no etika voalohany atsangan' ny Fiangonana miady amin' ny fihanaky ny tsimok' VIH/SIDA.**

2¡) **ny fandraisan' andraikitry ny tsirairay sy ny rehetra ao amin' ny Fiangonana no etika faharoa.**

3¡) **ny valiteny mazava miainga avy amin' ny Filazantsara ataon' ny Fiangonana manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA**, ka hahatsiarovana mandrakariva fa ilaina hatrany ny Fiangonana. Io no fotokevitra lehibe indrindra raha hanao etika kristiana miady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ny Fiangonana.

Fitaizana mitohy sy maharitra tokoa izany, fitaizana atao am-pitia-vana ao anatin' ny fitsipi-pitondratena amin' ny fandraisana andraikitra, ka ahoana ny fisorohana ? Ahoana ny condom ? Ahoana ny fanajana ny vady ? Ahoana ny fahononan-tena ?

Ny fanajana ny hafa amin' ny fahamarinana, ny fanajana ny maha-olona, ny lalna natoraly eo amin' ny olona samy olona, izay antsoina hoe ZO dia hevitra iray lehibe ihany koa sintonina avy ao amin' ny Soratra Masina, rehefa mamaky indray ny Baiboly isika.

(1) Discernement.





## NY ZON' OLOMBELONA

Voajanahary ny Zon' olombelona. Ilaina indrindra ny ampahatsiahivina indray izany. Ny Teny ao amin' ny Baiboly dia maneho indrindra ny maha-olona. Koa ny Fiangonana indrindra no tompon' andraikitra voalohany ny amin' ny fahafantarana ny Zon' olombelona sy ny fiarovana ary ny fanajana azy, fa tsy ny mpahay lalna fotsiny ihany.

Ny fampiasana ny Zon' olombelona dia ahafahana miara-monina, miara-mifanampy, miara-mifanaja.

Zo mitovy ho an' ny rehetra na an-drenivohitra na ivelan' ny renivohitra no nomen' Andriamanitra ny tsirairay. Zo amin' ny maha-olona ka ijerena ny tsirairay ao anaty fiaraha-monina.

Zon' ny tsirairay ny mandray andraikitra amin' ny fitantanana ny Firenena. Zo ny olona ny miaina, ny iarovana ny ainy tsy ho vonoina ka ilaina ny fahafantarana ny Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon' olombelona" izay nankatoavina tamin' ny 10 Desambra 1948[1].

**(1)FANAMBARANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY ZON' OLOMBELONA**

HEVERINA fa ny fanekena ny hasin' ny maha-olombelona sy ny zony mitovy ary tsy azo tohin-tohinina dia anisan' ny fototry ny fahafahana, ny rariny ary ny fandriampahalemana eran-tany.

HEVERINA fa ny tsy fahafantarana sy ny fanaovana tsinontsinona ny zon' olombelona dia mita-rika amin' ny fihetsika feno habibiana mampikomy ny fieritreretan' ny mpiara-belona. Ny fametrahana tontolo vaovao hivelaran' ny olona afaka eo amin' ny filazana ny hevitra sy ny finoana, ary tsy voagejan' ny tahotra sy ny fahoriana ho heta-heta lehibe indrindra ho an' ny olombelona.

HEVERINA fa ilaina ny miaro ny zon' olombelona amin' ny fametrahana rafitra tan-dlana mba tsy hahavoa-tery sy hitarika azy hikomy sy hanohitra sy fampihorohoroana sy ny fampijaliana.

HEVERINA fa zava-dehibe ny famporisihana hatrany ny fifandraisana ara-pirahalahiana eo amin' ny firenena samihafa.

HEVERINA fa tao anatin' ny Dina dia nohamafisin' ny olon-drehetra ao amin' ny Firenena Mikambana indray ny finoany an' ireo zo fototry ny olombelona - hanajana ny hasina maha-olombelona, ny fitovian-jon' ny lehilahy sy ny vehivavy. Ny rehetra dia maneho ny fahavononany hiasa ho amin' ny fampandrosoana sosialy hanatsarana ny fari-piainana ao anatin' ny fahafahana bebe kokoa.

HEVERINA fa ny fanjakana mpikambana rehetra dia manaiky hanaja tanteraka ny zon' olombe-lona sy ny faha-fahana fototra, ka miara-miasa amin' ny Firenena Mikambana izy amin' izany.

HEVERINA fa ny fitoviam-pijery momba ireny zo sy fahafahana ireny dia zava-dehibe ho an' ny fanatanterahana feno izao fandraisana andraikitra amin' ny fampiharana izao fanambarana izao.

Ny Fivoriamben' ny Firenena Mikambana ary dia manambara fa ity Fanambarana iraisam-pirenena momba ny Zon' olombelona ity dia toy ny idealy iombonana ka ny firenen-drehetra sy ny vahoaka ao aminy no hiara-manatratra azy :

- Hahatonga ny olona tsirairay sy ny sampan-draharaha samihafa ao amin' ny fiaraha-monina hiezaka hampandroso ny asa enti-manaja ny zo sy ny fahafahan' olombelona amin' ny alalan' ny fampianarana sy ny fanabeazana ;

- Hiantoka koa ny hampanekana sy hampakatoavana izany amin' ny alalan' ny fepetra samihafa na nasionaly na iraisam-pirenena ho fampiharana hentitra ny Zon' olombelona na eo amin' ny vahoakan' ny Fanjakana efa mpikambana na eo amin' ny mponina any amin' ireo tany napetraka eo ambany fitantanan' izy ireny.

***Andininy voalohany :***

Nateraka ho afaka sy hitovy ny olombelona rehetra na eo amin' ny zo na eo amin' ny hasina. Samy manantsaina sy fieritreretana ka tokony hifampitondra am-pirahalahiana.

***Andininy faha-2 :***

Samy afaka hizaka ny zo sy ny fahafahana rehetra voalaza ato amin' ity Fanambarana ny Zon' olombelona ity ny tsirairay ; tsy hanavahana volon-koditra, firazanana, na vavy na lahy, firehan-kevitra, fivavahana, sy izay fiaviana na laharana sosialy misy azy.

Ambonin' izany, tsy tokony hahatonga fanavahana mihitsy izay sata politika zakan' ilay firenana nipoiran' ny olona na mahaleotena na zanatany na eo ambany fitantanan' ny Firenena Mikambana izany tany izany.

***Andininy faha-3 :***

Manana zo hiaina, ho afaka, hahazo fiarovana ny olona tsirairay.

***Andininy faha-4 :***

Tsy misy olombelona azo handevozina na hampanompoana. Rarana ny fanandevozana sy ny varotra andevo na inona na inona endrika isehoany.

***Andininy faha-5 :***

Tsy misy olombelona azo hampijaliana na saziana na hanaovana fitondrana feno hasiahana, tsy mifanaraka na mampihetry ny maha-olona.

***Andininy faha-6 :***

Manan-jo hitaky ny fankatoavana ny maha-olona azy araka ny voafaritry ny lalna ny tsirairay na aiza na aiza toerana halehany.

***Andininy faha-7 :***

Mitovy ny olon-drehetra eo anatrehan' ny lalna ary manan-jo arovan' izany lalna izany, indrindra manoloana izay mety ho fanavakavahana na fihantsiana manana endrika fanavakavahana ka mety hanitsakitsaka ity Fanambarana ity.

***Andininy faha-8 :***

Manan-jo hitory amin' ny Fitsarana misy ao amin' ny taniny ny olona tsirairay raha mahatsapa fa voahosy ny zo fototra nomen' ny lalna sy ny lalm-panorenana azy.

***Andininy faha-9 :***

Tsy misy olona azo samborina tsy amin' ny antony na tazonim-poana na atao sesitany tsy voaheloka.

***Andininy faha-10 :***

Manan-jo ny olombelona mba ho henoin' ny Fitsarana am-pahibemaso sy tsy ampiangarana ny heviny, ka ho fitsarana mahaleo tena sy tsy miangatra no hametra ny zony sy ny mahamarim-pototra na tsia ny fiampangana atao aminy.

***Andininy faha-11 :***

Izay olona voampanga dia heverina ho mbola tsy manan-tsiny mandra-pivoakan' izay didy manameloka azy. Izany didy izany dia havoakan' ny tribonaly nitsara am-pahibemaso ka nanome ny antoka rehetra fa afaka niaro tena ilay voampanga.



Tsy misy olona azo helohina noho ny asa na fanadinoana raha toa izany ka natao tamin' ny fotoana izay tsy mbola nahafantarana fa mahadiso ilay fihetsika na ilay asa araka ny lalna nasionaly na iraisam-pirenena.

Torak' izany koa, tsy misy azo saziana mihoatra noho izay sazy voalaza fa ampiharina ao amin' ny tany misy azy tamin' ny fotoana nanaovany ilay fahadisoana.

***Andininy faha-12 :***

Tsy misy olona azo hitsabahana ny fiainany manokana, ny fianakaviany, ny fonenany, ny taratasy ifandefasany na hitsahana ny voninahiny sy ny lazany. Zon' ny olona ny hoarovan' ny lalna eo anatrehan' ny fanitsakitsahana tsy ara-drariny sy tsy ara-dalna rehetra.

***Andininy faha-13 :***

Zon' ny olon-drehetra ny mivezivezy an-kalalahana ary mifidy izay toerana tiany hipetrahana ao anatin' ny fanjakana iray. Zon' ny olon-drehetra koa ny miala amin' ny tany iray, eny fa na dia ny taniny aza, ka miverina any amin' ny fireneny.

***Andininy faha-14 :***

Raha misy fanenjehana azy, dia zon' ny olona rehetra ny mitady fialokalofana any an-kafa ; io zo io kosa dia tsy azo hampiharina amin' ny raharahan-keloka tsotra na amin' ireo asa sy fihetsika mifanohitra amin' ny foto-pisainana sy zava-kendren' ny Firenena Mikambana.

***Andininy faha-15 :***

Manan-jo hizaka zom-pirenena ny isam-batan' olona.

Tsy misy olona azo verezin-jo tsy amin' ny rariny na rarna tsy hiova zom-pirenena.

***Andininy faha-16 :***

Rehefa tonga taona ny lehilahy sy ny vehivavy dia manan-jo hivady sy hanorina fianakaviana ka tsy mahasakana izany ny fihodirana na zom-pirenena na finoana. Mitovy zo eo anatrehan' ny fanambadiana, mandritra ny fanambadiana ary amin' ny faharavan' ny fanambadiana izy ireo.

Tsy misy mariazy azo raiketina raha tsy sitrapon' ireo hivady.

Ny fianakaviana no fototra ara-boajanahary iorenan' ny fiaraha-monina, ka manan-jo hoarovan' ny fiarahamonina sy ny fanjakana.

***Andininy faha-17 :***

Ny olon-drehetra dia manan-jo hanana fananana manokana na itambarana. Ary tsy misy olona azo alaina aminkery ny fananany.

***Andininy faha-18 :***

Malalaka amin' ny heviny sy amin' ny fivavahana hinoany ary manan-jo hihaino ny feon' ny fieritreretany ny olon-drehetra. Io zo io dia mamela azy malalaka hiova fivavahana na firehana samihafa. Ny olon-drehetra koa dia manan-jo haneho izany finoany na firehany izany am-pahibemaso na ho an' olom-bitsy ; amin' ny alalan' ny fampianarana na fanaovana fomba amam-panao…

***Andininy faha-19 :***

Ny olon-drehetra dia afaka manana ny heviny ka hilaza izany an-kalalahana. Tsy tokony hampitahorina amin' izay fomba fijeriny, ary afaka mikaroka, mandray, mampiely izay vaovao na hevitra hitany amin' ny alalan' ireo fitaovam-pifandraisana misy ; tsy hijerena sisin-tany.

***Andininy faha-20 :***

Ny olon-drehetra dia manan-jo malalaka hivory sy hanana fikambanana tsy manana endrika mpanakorontana. Tsy misy olona azo terena hiditra amina fikambanana anankiray.

***Andininy faha-21 :***

Manan-jo handray anjara amin' ny fitantanana raharaham-bahoaka ao amin' ny taniny ny olon-drehetra - mivantana amin' ny alalan' ny solontena nofidiny malalaka.

Manan-jo mitovy hiditra amin' ny raharaham-panjakana ao amin' ny taniny ny olon-drehetra.

Ny sitrapon' ny vahoaka no fototry ny fahefan' ny fitondram-panjakana. Amin' ny fifidianana no tokony hanehoany izany sitrapony izany, ka tokony ho marina sy hisy ara-potoana izany fifidianana izany. Handraisan' ny daholobe anjara sady miafina ny latsa-bato na ara-pomba mitovitovy amin' izany ka miantoka ny fahalalahan' ny fifidianana.

***Andininy faha-22 :***

Ny olon-drehetra amin' ny maha-mpikambana ao amin' ny fiaraha-monina azy dia manan-jo ho voaantoka ara-tsosialy. Fiantohana miankina amin' ny ezaka ataon' ny fireneny, ny fandaminana sy ny harena ao aminy ary ny fanampiana.

***Andininy faha-23 :***

Manan-jo hanana asa ny olon-drehetra, hifidy izay asa tiany, ka amim-pitoviana sy ara-drariny no hanaovana izany. Manan-jo ho arovana amin' ny tsy fananan' asa koa izy. Ny olon-drehetra dia manan-jo hahazo karama mitovy amin' ny asa mitovy, ka tsy asiana fanavakavahana izany.

Izay miasa dia manan-jo hahazo karama ara-drariny hahafahany mivelona sy mamelona ny ankohonany araka ny tokony ho izy. Fidiram-bola ampiana fiantohana ara-tsosialy raha misy izany.

***Andininy faha-24 :***

Manan-jo hiala sasatra sy hiala voly ny olon-drehetra. Tokony ho ferana ara-drariny ny fotoam-piasany ary handraisana karama ny fialan-tsasatra amin' izany.

***Andininy faha-25 :***

Manan-jo hanana fari-piainana antonony sy ampy ny tsirairay mba hiantoka ny fahasalamany sy izay rehetra mahasoa azy sy ny ankohonany : sakafo, fitafiana, fonenana, fitsaboana ary kojakoja sosialy ilaina rehetra. Manan-jo ihany koa hahazo fiahiana ara-tsosialy ny tsirairay raha sendra ny tsy fananan' asa, aretina, takaitra, fahanterana na antony hafa tsy niniany ka tsy hahafahany mivelona.

Manan-jo hahazo fanampiana sy fanaraha-maso manokana ny reny sy ny zaza. Ny ankizy rehetra, teraka tao anatin' ny mariazy na ivelany dia manan-jo mitovy amin' ny fiahiana ara-tsosialy.

***Andininy faha-26 :***

Manan-jo hahazo fanabeazana ny olon-drehetra. Tokony ho maimaim-poana izany, fara-fahara-tsiny any amin' ny fampianarana fototra. Tsy maintsy atao ny fampianarana ambaratonga voalohany. Ny fampianarana teknika sy fanofanana arak' asa kosa dia tokony ho azon' ny rehetra hidirana araka ny fahaizan' ny tsirairay. Ny fanabeazana dia tokony hikendry ny fivelaran' ny maha-olona ; hanamafy ny fanajana ny fahafahana sy zo fototra, hampanjaka ny fifandeferana sy ny fifankatiavana eo amin' ny olon-drehetra sy ny firenen-tsamihafa ; ary hikatsaka izay hampandrosoana ny asan' ny Firenena Mikambana ho amin' ny fitandroana ny fandriampahalemana. Ny ray aman-dreny ihany no voalohany manan-jo hifidy izay karazam-panabeazana omeny ny zanany.

***Andininy faha-27 :***

Ny olon-drehetra dia manan-jo handray anjara amin' ireo fihetsiketsehana ara-kolotsaina atao ao amin' ny faritra misy azy. Mahazo mankafy ny zava-kanto ary mandray anjara amin' ny fampivelarana ny siansa sy ireo tombontsoa aterak' izany.

Tokony ho arovana ny zon' ny mpamorona eo amin' ny lafiny rehetra : voka-pikarohana siantifika, haisoratra, zava-kanto…

***Andininy faha-28 :***

Manan-jo hivelatra ao anatina faritra mitandro ny zo sy ny fahafahana fototra voalaza ato anatin' ity fanambarana ity ny olon-drehetra, eo amin' ny lafiny sosialy sy iraisam-pirenena.



***Andininy faha-29 :***

Manana adidy amin' ny fiaraha-monina izay ahafahany mivelatra sy miaina ankalalahana ny tsirairay.

Ny lalna ihany no mametra ny fizakan' ny tsirairay ny zony sy ny fahafahany. Izany dia mba hitandroana ny fanajana ny zon' ny hafa, ny lalna ara-moraly, ny filaminam-bahoaka ary ny mahasoa ny olon-drehetra ao anatina fiaraha-monina demokratika.

Tsy azo ampiharina ireo zo sy fahafahana ireo raha mifanohitra amin' ny foto-pisainana sy foto-kevitry ny Firenena Mikambana.

***Andininy faha-30 :***

Ny zava-boalaza rehetra ato anatin' ity Fanambarana ity dia tsy azon' ny Fanjakana na vondron' olona na olon-tsotra hadika ho manome azy ireo fahefana hanao asa mikendry handrava ny zo sy ny fahafahana voatanisa etsy ambony.

Ny 10 desambra 1948 no nolaniana sy nampahafantarin' ny Fivoriamben' ny Firenena Mikambana sy Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon' olombelona.

Taorian' izany vaninandro manan-tantara izany dia nangataka tamin' ireo firenena mpikambana rehetra ny Fivoriambe mba hampiely ity Fanambarana iraisam-pirenena momba ny Zon' olombelona ity - Hizara sy hanao azy ho peta-drindrina, hahafahan' ny tsirairay mamaky sy mandalina ny ventin-kevitra voafono ao anatiny, indrindra any an-tsekoly sy ireo toeram-pampianarana hafa. Ka tsy hanavahana izay sata politika ijoroan' ny firenena ny fanaovana izany.

---

Ny fotokevitra dia ny fitsipika sy ny fepetra ifandraisan' ny samy olona sy ny ifandraisan' ny olona sy ny mpitondra Fanjakana. Misy fizarana telo ny fanambarana iraisam-pirenena momba ny Zon' olombelona :

Zo fananana" (1) na karazan-jo tsy azo sarahina amin' ny fiheverana amin' ny maha-olombelona. Ohatra Zo ho velona, hiteny, hivezivezy, hihinana, hisafidy, hanana ankohonana Fehezina amin' ny teny hoe : Zo sivily sy politika.

Zo trosa" (2) na Zo fototra amin' ny lafin' ny fahafahana mamelon-tena sy mihary ary mivoatra. Ohatra : Zo ho salama, hisotro rano madio, hanana asa maha-velona, hahazo fampianarana, hahazo handray anjara amin' ny kolon-tsaina, hahazo vaovao Ireo dia Zo takiana.

Zo fikambanana" (3) na Zo fototra hiray hina amin' ny hafa. Ohatra : Zo fototra hanangana fikambanana ho amin' ny fiaraha-miasa, fifanampiana, fiaraha-midinika, fifampifehezana, fiaraha-mikatsaka ny tombontsoa iombonana Zo entina mandresy lahatra ka anaovana fifanarahana ireo.

Mitontaly 30 ny isan' ny andininy ao anatin' ny fanambarana iraisam-pirenena momba ny Zon' olombelona. Fotokevitra dimy no halalinintsika eto amin' ity toko ity.

(1) Droits attributs.
(2) Droits crances.
(3) Droits de solidarit.

### 1.4.1. - Fanomezan' Andriamanitra ny Zon' olombelona.

Zo ho an' ny olombelona tsirairay ny miaina (Gen. 1, 2). Andriamanitra no nanome ZO ny tsirairay tamin' ny fahariana ka saro-piaro tamin' ny zo nomeny indrindra Izy, amin' ny fanajana sy ny fiarovana azy. (Gen. 1, 2).

Ao amin' ny Tenin' Andriamanitra no anorenana ny Zon' olombelona ka hahitana ny famaritana ny **Zo hiaina araka izay sitrak' Andriamanitra**.

Ny tsirairay sy ny fiaraha-monina, ny fiarahan' ny lahy sy ny vavy no sehatra hamaritantsika indray ny Zo. Koa ilaina indray ny ahafantaran' ny olona tsirairay ny zony.

**1.4.2. - Zo hatramin' ny fahariana** mba hiaina, hovonjena sy hotiavina. Zo hanana fiainana sady fiainana be dia be (Jao. 10 : 10). Ao amin' ny fanambarana iraisam-pirenena ny Zon' olombelona izay misy andininy 30 no ahitana ireo zo hiaina.

**1.4.3. - Zo fantarina sy hajaina ka arovana** (Gal. 5 : 22).

Ao amin' ny fanambarana iraisam-pirenena momba ny Zon' olombelona izay tsy maintsy ampahafantarina, no hanajana ihany koa ny Zon' olombelona.

Ny fandalna ny Zon' olombelona dia fanatanterahana indrindra ny sitrapon' Andriamanitra. Aseho indrindra amin' ny Fitiavana manolotra sy manome ary manampy izany fandalana ny Zo izany.

**1.4.4. - Zo mitovy eo amin' ny lahy sy ny vavy : MIRALENTA**(1)

Ny toetra fototra nahariana ny maha-samy hafa ny lahy sy ny vavy izay nanahary dia tsy azo ovana. Ohatra : vehivavy bevohoka, sy misy nono ka mampinono rehefa miteraka.

Misy ny toe-tsaina raiki-tampisaka amin' ny mahalahy sy mahavavy izay tsy marim-pototra, izay anjara asa napetraky ny fiaraha-monina ka miova ary azo ovana. Ohatra : Asa ho an' ny lahy sy asa ho an' ny vavy, zazavavy omanina ho amin' ny fanambadiana fa ny zazalahy kosa tsia, ny zazavavy tsy omena fianarana na fahalalana, ny zazalahy ampianarina…

Ny fananan' ny vehivavy na ny lehilahy fahefana eo amin' ny tenany dia :

- ny zony amin' ny maha-olona azy izany ;

(1) Miralenta ho an' ny fampandrosoana, Ministre de la Population Antananarivo, Janoary 2003.



- ny fiarovana ny fahasalamany ;
- ny fanajana ny safidiny amin' ny resaka fananahana (Gal. 4). Ao amin' i Jesoa Kristy dia tsy misy intsony na lahy na vavy fa iray ihany.

Izay nataon' i Jesoa Kristy no ataon' ny Fiangonana, ahoana ny vehivavy tsy mahazo alalana ny amin' ny endrim-panompoana samihafa toy ny fisoronana ?

**<u>Famaritana sy Fanamarinana amin' ny tenin' ny Soratra Masina ny zo mitovy eo amin' ny lahy sy ny vavy : Miralenta</u>.**

Andriamanitra Ray Mpahary dia manana fijery mitovy eo amin' ny lehilahy sy ny vehivavy. Nanana fikasana Andriamanitra teo amin' ny fahariana ny lehilahy sy ny vehivavy. Ny tanjona tamin' izany dia ny hanao olona tahaka ny endrik' Andriamanitra : lahy sy vavy no namoronany azy. Gen. 1 : 26-27.

Manana ny fofon' ain' Andriamanitra mahavelona ny olona izay nohariany. Ny vehivavy dia nalaina tao amin' ny lahy. Fa ny lahy sy vavy dia samy avy amin' ny Andriamanitra avokoa Gen. 2 : 7, 21-23.

Ny mahalahy sy ny mahavavy dia nanahary. Ny zavakendren' Andriamanitra amin' izany dia ny hisian' ny fifandraisana mitovy tsy misy fitongilanana tahaka ny fifandraisan' Andriamanitra sy tahaka ny fijerin' Andriamanitra eo amin' ny lahy sy ny vavy na dia samihafa aza.

Niara-nandray ny teny fampanantenana sy ny tsodrano avy amin' Andriamanitra Gen. 1 : 28 ny lahy sy ny vavy. Noho izany miara-manatanteraka izy roa. Mitovy ny iraka noraisin' ny lahy sy ny vavy dia ny hitohizan' ny taranaka mandimby ho fiainana. Fiainam-pitiavana indrindra ihany koa anefa satria miaraka amin' ny famonjena sy ny fitahian' Andriamanitra.

### 1.4.5. - Zo manafaka.

Manana zo ny olona afaka. Tsy afaka izay very zo na noverezin-jo. Endrika maro amin' ny antsipirian' ny fiainana no isehoan' ny fahafahana. Ohatra : ny fahafahana hifidy malalaka haneho ny heviny. Manana zo ny olona rehefa afaka misafidy ny fianarana na asa tiany hatao izy. Maneho ny maha-olona indrindra izany. Ny Zo anefa dia mitaky andraikitra araka ny Soratra Masina.

Manana Zo ilay vehivavy azo nijangajanga. Naverin' i Jesoa taminy izany zony izany rehefa avy navelany ny helony. Ny anjarany mba hiarovany sy hanajany ny Zony dia ny fanarahana ny tenin' i Jesoa Kristy hoe : amin' izao sisa izao aza manota intsony (Jao. 8 : 11). Koa ny andraikitra mipetraka amin' ilay vehivavy ankehitriny dia ny tsy hanotana intsony. Fandraisana andraikitra lehibe tokoa izany !

Ny hanarenana sy ny hamerenana ny Zo dia amin' ny alalan' ny fanarahana ny sitrapon' Andriamanitra irery ihany ao amin' ny Teniny.

Ny fahamarinan' Andriamanitra ao amin' ny Zo no manafaka, ka ny fanaovana ny fahamarinana no manafaka, fanehoana ny Filazantsaran' ny rariny sy ny hitsiny izay ao amin' i Jesoa Kristy. Fa raha ny Zanaka no manafaka anareo dia ho afaka tokoa ianareo (Jao. 8 : 36).

Ny fahafahana ho tanteraka raha arahana ny torolalan' ny Tenin' Andriamanitra ny amin' ny fifandraisan' ny maha-olona : manana sy mahantra ; lahy sy vavy ; mpampiasa sy mpiasa ; mpitondra sy entina,…

Ny Fiangonana no tsy maintsy loha-laharana ny amin' ny fanafahana ny olona noho ny zony. Ny Fiangonana no tsy maintsy mandala ny zo maha-olona satria asa fitoriana ny Filazantsara indrindra izany, ary ao anatin' ny iraka napetraka aminy rahateo. Antony nanorenan' i Jesosy Kristy ny Fiangonany ety an-tany ny hamonjena ny olona noho ny fanagejana mahazo azy, noho ny tsy fanajana ny Zony(1). Zo ny ho sitrana no naverin' i Jesoa tamin' ilay jamba.

Ny tsy fanajana ny Zon' olombelona dia antony iray mampiparitaka ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Ny fanilikilihana sy ny fanavakavahana dia endrika iray amin' ny tsy fanajana ny Zon' olombelona. Misy ny fiheveran' ny lehilahy sasany fa ny vehivavy dia tsy manan-jo mitovy aminy tahaka ny fihevitr' ireo olona nitondra ilay vehivavy nijangajanga teo amin' i Jesoa Kristy (Jao. 8). Eo amin' ny fifandraisan' ny lehilahy sy ny vehivavy no ahitana io fiheverana fa ny vehivavy dia toy ny zavatra na fitaovana ho fahafinaretana fotsiny ihany io.

Ny fampahafantarana ny Zo sy ny fanajana ary ny fiarovana azy anefa dia mitaky adidy sy fandraisana andraikitra. Mby aiza ny ezaky ny Fiangonana ny amin' ny fandalana ny Zon' olombelona ?

(1) Jereo ilay jamba nositranin' i Jesoa (Jao. 9).



## FEHINTENY

Manana anjara toerana lehibe ny fandalna ny Zon' olombelona amin' ny ady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Ny Fiangonana indrindra no antsoin' ny Tenin' Andriamanitra mba hanafaka amin' izany tsi-fanajana ny Zon' olombelona izany.

Satria ny fandavana ny Zon' olombelona dia mitarika ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA noho ny tsi-fitiava-namana.

Satria ny valiteny amin' ny ezaka handresena ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia ho an' ny rehetra ka tsy hanavahana. Fa tsy mba mizaha tavan' olona Andriamanitra. (Rom. 2 : 11) ;

Satria ny fanavakavahana sy ny fanilikilihana dia tsy mifanaraka amin' ny fandalana ny Zon' olombelona sy ny Tenin' Andriamanitra ; fa ny famerenana indray ny maha-olona no tanjon' ny Tenin' Andriamanitra ka hanajana indray ny Zony satria nohariana izy ka manana ny Zony hiaina araka izay nikendren' Andriamanitra azy.

Noho izany, na iza na iza dia manana ny zony, na ireo olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA aza, ka mila fandraisana antnana sy fanaraha-maso izy ireny.

## TOKO V

# NY FANARAHA-MASO SY NY FANDRAISANA AN-TANANA PASTORALY

Ireo sokajin' olona ao amin' ny fiaraha-monina mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA no voakasiky ny dinidinika amin' ity toko momba ny fanaraha-maso sy ny fandraisana an-tnana ity.

Mizara telo ny fanaraha-maso sy ny fandraisana an-tnana dia ny mialoha ny fitiliana sy aorian' ny fitiliana ary ny fanaraha-maso sy ny fandraisana an-tnana.

Ny voalohany dia ny fampaherezana sy famporisihana ary fandresen-dahatra ny olona handeha hanao fitiliana, lalana tokana hahafantarana ny fitondrana ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Ny faharoa dia ny fahazoana ny valin' ny fitiliana, raha negatifa, izany hoe tsy misy tsimok' aretina tamin' ny fitiliana voalohany, dia miandry fotoana kely indray araka ny tenin' ny mpitsabo. Averina ny fitiliana ka rehefa negatifa indray avy eo vao hamarinina fa tsy mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA ilay olona.

Raha positifa kosa, aorian' ny fitiliana dia ny fandraisana an-tnana no atao ka ilna ny fampaherezana sy ny fitanana ny tsiambaratelo.

Azo atao tsirairay ny fandraisana an-tnana na accompagnement pastoral na atao amin' ny groupe ihany koa, kanefa tsy maintsy jerena manokana ihany ny mahazo ny tsirairay.

Ny fampahafantarana sy ny fampianarana no zava-dehibe indrindra amin' ny fanaraha-maso sy ny fandraisana an-tnana pastoraly satria misy teny sorohina tsy azo atao.

Misy fiomanana ilaina eo amin' ny fanaraha-maso sy ny fandraisana an-tnana pastoraly[1].

Eo amin' ny fanomanana ny tanora ho amin' ny fanambadiana dia ilaina mialoha ny fitiliana, ho fisorohana ny zavatra hiseho amin' ny hoavy.

(1) COE Guide daccompagnement Pastoral op. cit.



### 1.5.1. - Ny fanampiana sy ny fikarakarana eo amin' ny fitaovana.

Ny olona mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia manana filna ara-panahy sy fanatrehana, fa tsy medikaly fotsiny ihany. Manontany ny amin' Andriamanitra sy ny Fanahy, ny amin' ny fiainana sy ny fahafatesana, ny amin' ny famaizana sy ny famelan-keloka, ny amin' ny mandrakizay sy ny ankehitriny, ny fifonana sy ny famonjena izy ireo. Manontany ny amin' ny fandraisana an-tnana pastoraly izy ireo mba hisian' ny fampaherezana sy ny fanekena ny toe-java-misy. Indraindray dia ny mpitondra fivavahana sy ny Fiangonana no atoniny, noho izy ireo mandia fotoam-pahasahiranana.

Ny fanambaran' ny COE tamin' ny 1987 manao hoe : Ao amin' ny zava-miafin' ny fiainana sy ny fahafatesana no ifanenantsika amin' Andriamanitra. Io fihaonana io no mitarika fahatokiana, fanantenana, fahatontonsana mifamaly no anentanana ny mpitondra fivavahana sy ny fiangonana handray sy hampahery ireny olona ireny.

Ny olana aterakin' ny aretina SIDA dia miantso antsika mba ho Fiangonana amin' ny asa sy amin' ny fahamarinana, ho tonga Fiombonana mitondra fahasitranana.

Ny SIDA dia olana mandriatra sy manimba lafim-piainana maro. Antsoina ny Fiangonana handriatra ny fo vatony, ka hibebaka hiovany amin' ny tsi-firaharahiana sy fihafahafana ary fihatakatahana manoloana ny aretina sy ny lesona moraly henjana[1].

Noho izany, ny Fiangonana dia hametraka ny fanamby mba hankalaza sy hanaja ary hiaro ny fiainana. Ary indrindra koa hiatrika ny fahafatesan' ny olona mitondra ny tsimok' aretina. Hitondra ny anjarany amin' ny Etika entina miatrika ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Hitondra fanohanana sy fampaherezana ara-panahy ho an' ireo rehetra izay ianjadian' ny vokatry ny aretina. Hamelona indray fanantenana amin' ny fitsapana mahamay entin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

**1.5.2. - Ny fampaherezana** amin' ny alalan' ny vavaka sy ny Tenin' Andriamanitra ary ny asan' ny Fanahy Masina no tanterahan' ny Fiangonana.

(1) in COE, 1987.

Misy litorjy natokana indrindra amin' izany[1] izay misy vavaka famangiana sy fampaherezana. Misy andinin-tSoratra Masina vakiana sy hazavaina amin' izany.

**1.5.3. - Ny fitsimbinana sy ny fiandaniana** amin' ireo olona miaina miaraka amin' ny VIH/SIDA. Ny fanehoam-pitiavana amin' ny teny sy ny fihetsika ka hananana fahasahiana milaza hoe : tiako ianao.

**1.5.4. - Ny torohevitra sy ny fandraisana an-tnana** ary ny fanarahamaso amin' ny lafiny rehetra. Mety ho voafaokan' ireto tolo-kevitra telo ireto izany fanaraha-maso sy ny fandraisana an-tnana izany dia ny fizarana ny fitiavana, ny fizarana ny famonjena, ny fizarana ny fiainana.

**1.5.4.1. - Ny fizarana FIAINANA[2]**

Fiainana arovana tsy ho tratry ny VIH/SIDA amin' ny alalan' ny fahononan-tena[3] na ny fitondrantena tsy mijangajanga sy ny fifampitokisana[4]. Miorina indrindra sy miara-dalana hatrany amin' ny FITIAVANA sy ny fahamarinana indrindra izany (I Kor. 13 : 6). Fitsimbinana ny fiainana amin' ny ezaka rehetra ho fisorohana tsy ho tratry ny aretina, satria zavatsoa avy amin' Andriamanitra ny fiainana. **Fiainana be dia be no omen' i Jesoa Kristy** (Jao. 10 : 10). **Izy rahateo no Fiainana** (Jao. 14 : 6).

Fiangonana mitondra an' i Jesoa Kristy Fiainana eo amin' izay rehetra raisina an-tnana sy araha-maso no Fiangonana manao fanamby ka handresy amin' ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

**1.5.4.2. - Ny fizarana FAMONJENA[5]**

Tsy toriteny moraly na fananarana be fahatany intsony no atao fa fitoriana ny Filazantsaran' ny famonjena ka aseho fa tian' Andriamanitra vonjena ny olona rehetra na iza na iza, eny fa na olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA (PVVIH) aza (Jao. 3 : 16). Mandrakizay ny famindrampon' Andriamanitra. Tsy avy hiantso ny marina fa ny mpanota mba hibebaka i Jesoa Kristy. **Fanomezana maimaim-poana, tsy misy sarany avy amin'**

(1) in AFRICA PRAYING edited by MUSA DUBE COE 2004.
(2) Sharing life na promotion de la vie"
(3) Abstinence
(4) Fidlité
(5) Sharing safe



**Andriamanitra ny famonjena**. Ny anaran' i Jesoa Kristy rahateo midika fa **Izy hamonjy ny vahoakany ho afaka amin' ny fahotana** (Mat. 1 : 21).

Fiangonana mitondra an' i Jesoa Kristy Mpamonjy eo amin' izay rehetra mila famonjena amin' ny lafiny rehetra na amin' ny saina na amin' ny fanahy, fa indrindra ny amin' ny tena no Fiangonana manao fanamby ka handresy amin' ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

**1.5.4.3. - Ny fizarana FITIAVANA[1]**

Amin' ny teny sy ny atao ary ny fihetsika no izarana Fitiavana. Mitaky fiovana tanteraka ao amin' ny Fiangonana sy eo amin' ny mpitondra Fiangonana ary eo amin' ny mpino indrindra izany.

Ny fahasahiana milaza hoe : T iako ianao dia fizarana fitiavana amin' ny alalan' ny teny. Andriamanitra dia Fitiavana ***AGAPE*** (I Jao. 4 : 8).

Jesoa Kristy tia ireo Azy teo amin' izao tontolo izao ary tia azy hatramin' ny farany (Jao. 13 : 1).

Fiangonana mizara Fitiavana dia Fiangonana mitondra sy mizara an' Andriamanitra eo amin' izay rehetra mangetaheta Fitiavana. Ilaina indrindra ny torohevitra satria misy ny vokatry ny SIDA eo amin' ny ankizy :

- fahaverezan' ny Ray aman-dreny sy izay maha-izy azy ireo : faharerahan-tsaina ; tsy fahampian-tsakafo ; tsy fahampian' ny fikarakarana ; tsy fisian' ny fitaizana ; tsy fisian' ny toeram-ponenana ; fitomboan' ny isan' ny ankizy eny an-dalambe ; miha-mitombo ny antony hampihanaka ny tsimok' aretina VIH/SIDA.
- ny vokatry ny SIDA eo amin ny fiaraha-monina : fahantrana mitombo ; tsy fahampian' ny olona hiasa amin' ny ankapobeny, sy asa miavaka[2].
- ny vokatry ny SIDA eo amin' ny tsirairay : fijaliana ; fahadisoam-panantenana ; fahakiviana ; tsy fahazoana mihetsika miasa.
- ny vokatry ny SIDA eo amin' ny fianakaviana : fahantrana ; fiovana eo amin' ny fianakaviana sy ny fiovan' ny andraikitra ; fahaverezan' asa ; fahavizanana ; tsy fahafahana mandray andraikitra ; tsy fahazoana fitsaboana ; tsy fahazoana antoka ny amin' ny ampitso ; faharerahan-tsaina ; fahapotehan' ny fianakaviana.

(1) Sharing love.
(2) Main d˘uvre en gnral et main d˘uvre qualifie.

## FEHINTENY

Tena asan' ny Fiangonana ny fanaraha-maso sy ny fandraisana an-tnana Pastoraly amin' ny alalan' ny fifandraisana fifanampiana[1]. Mahakasika indrindra ny fitsaboana amin' ny lafiny saina, fampaherezana mba hanaiky ny toe-java-misy izany ka tsy atao ambanin-javatra, miaraka amin' ny fihinanana fanafody.

Mahakasika ny fitsaboana ara-panahy ihany koa satria ambonin' izany ny fampaherezana amin' ny alalan' ny Tenin' Andriamanitra sy ny vavaka ary ny teny mamy atao am-pitiavana.

Izay no maha-Fiangonana ny Fiangonana, ny maha-toerana iray azy, ho fandraisana indray ny hery mba ho velona indray, hanantena indray, hotiavina indray ho an' ireo olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

(1) Relation daide.



## TENY FAMARANANA

Ny fizarana voalohany no nanehoana indray fa ny fandinihana indray ny Baiboly dia tena ilaina tokoa ato amin' ny toe-java-misy amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Ny fanaovana sy famolavolana Teolojia indray dia tsy maintsy tanterahan' ny Fiangonana ahazoany mitory sy mampianatra mifanaraka amin' izay ambaran' ny Soratra Masina.

Ny amin' ny Etika azo atao indray no anoroana ny amin' ny fitondrantena atao ka ametrahana tanjona ahazoana mandray andraikitra. Mba hampirindra kokoa ny fiaraha-monina ka hahazoan' ny rehetra fisitrahana.

Ny Zon' olombelona dia ahazoana miaina araka ny sitrapon' Andriamanitra ka ilaina fantarina sy hajaina ary arovana indray.

FINOANA no fitaovana entin' ny Fiangonana manao fanamby amin' ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Finoana mitondra fiovana sy fanovana eo amin' ny fomba fisainana sy fomba fijery. Finoana miteraka ASA izany hoe fandraisana andraikitra ka manao ny tenany ho Tompon' andraikitra eo amin' ny fitondrantena izay mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra. ASA ny fandraisana an-tnana ireo olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Amin' ny maha-Fiangonana ny Fiangonana dia miteny, misoka-bava ary misokatra amin' ny rehetra izy, izany hoe tsy mangina intsony[1]. Tanterahana indrindra izany amin' ny alalan' ny toriteny sy ny fampianarana ny Tenin' Andriamanitra ataon' ny Fiangonana. Tsy amin' ny teny ihany fa amin' ny asa indrindra ihany koa. Ny fijoroana ho vavolombelona amin' ny asa fanampiana sy fampaherezana ary fandraisana an-tnana.

**Ny adin' ny Fiangonana amin' ny SIDA dia ady amin' ny fanavakavahana sy ny fanilikilihana, ka ny fitaovana ampiasaina indrindra amin' izany dia ny Tenin' Andriamanitra**. Fitadiavana hatrany amin' ny fomba rehetra ny fiombonana sy ny firaisana, ka ny ho katsahan' ny Fiangonana amin' ny fitoriana dia ny FITIAVANA, FAMONJENA, FIAINANA ao amin' i Jesoa Kristy. FIAINANA, FAMONJENA,

(1) Briser silence.

FITIAVANA no teny telo hohalalinina sy hodinihin' ny tsirairay ao amin' ny Fiangonana mba hahazoany milaza fa TENAN' I KRISTY ety an-tany izy. Amin' ny ady atao, azo antoka ny fandresena satria mino ny Fiangonana.

Ny ady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia ady mitohy sy maharitra. Asa fitoriana ny Filazantsara mitohy sy maharitra, kanefa mazava ny tanjona ny ahazoan' ny olona rehetra na iza na iza, eny fa na dia ny PVVIH aza, mahare ny FITIAVAN' Andriamanitra azy ao amin' i Jesoa Kristy.

Satria misokatra ho amin' ny tany rehetra ny Tenin' Andriamanitra ka mahasahana ny lafim-piainana rehetra dia mpitondra izany Teny izany ny Fiangonana ka mahakasika azy avokoa ny lafim-piainana rehetra.

Ho fisorohana, ho fanasitranana, ho famonjena dia mitoetra sy tsy miova ny FITIAVAN' ANDRIAMANITRA satria ambonin' ny zavatra rehetra Izy.

Hanjary ho toerana hihainoana sy hitsaboana ary hiainana ny fiombonana tokoa ve ny Fiangonana miady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ?




***Fihaonana tany BUTARE RWANDA 2003.***
***Filan-kevitra Ekiomenika Fiangonana Eran-tany.***

FIZARANA faharoa

# TARI-DALANA HO FAMPIHARANA

Araka ny antontan' isa tamin' ny taona 2004, ny fanadihadihana natao dia mampiseho fa iva dia iva ny fiovan-toetra teo amin' ny olona nanaovana ny fanadihadihana, na dia maro aza ny mahalala ny amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Ny adidin' ny Fiangonana ry dia ny fitaizana maharitra amin' ny alalan' ny Tenin' Andriamanitra. Misy teny fanentanana sy fandinihana Soratra Masina ary toriteny ity tari-dlana ity ho fampiharana amin' ny fitaizana maharitra sy mitohy izay ataon' ny Fiangonana manao fanamby amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ka handresy satria mino an' i Jesosy Kristy.

Amin' ity fizarana faharoa ity no anolorana ireo tari-dalna samihafa, ho fampiharana ireo loha-hevitra naroso tamin' ny fizarana voalohany dia ny foto-kevitry ny Soratra Masina, ny fotokevitra Teolojika, ny Etika, ny Zon' olombelona ary ny Fandraisana an-tnana Pastoraly.

Misy toko enina ity fizarana faharoa ity : ny toko voalohany ny teny fanentanana sy ny teny filamatra, ny toko faharoa ny fandinihana ny Soratra Masina araka ny fotokevitra hita tamin' ny foto-kevitry ny Soratra Masina tamin' ny fizarana voalohany, ny toko fahatelo ny marika iraisam-pirenena ny amin' ny fampianarana ny amin' ny rib mena sy ny hafa ihany koa, ny toko fahefatra ny fanaovana toriteny eo amin' ny zava-misy amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA, ny toko fahadimy ny vavaka azo atao, ny toko fahenina ny didy folo nosintonina tamin' ny fikarohana natao sy izay andrasana indray amin' ny Fiangonana.



## TOKO I

### NY TENY FANENTANANA SY TENY FILAMATRA

Ilaina indrindra ny manangana teny ho faneva mba ho fanentanana sy filamatra amin' ny Fiangonana manao fanamby amin' ny handresena ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Teny fanentanana sy teny filamatra noraisina avy ao amin' ny Baiboly no aroso mialoha eto(1).

#### 2.1.1. - Ny teny fanentanana

Miankina amin' ny fotokevitra na tsoa-kevitra avy amin' ny Soratra Masina no ahazoana ny teny fanentanana(2). Tsy ny andinin-tSoratra Masina avy hatrany no raisina fa ny tsoa-kevitra avy ao aminy. Ohatra amin' ny tsoa-kevitra azo atolotra ny manao hoe :

-" Fiangonana mamela heloka sy mampahery fa tsy manameloka sy manilikilika (Kol. 3 : 13).
-" Fiainam-baovao miaraka amin' i Kristy, lavitry ny SIDA (II Kor. 5 : 17).
- Fahadiovam-pitondratena, fanomanana ny hoavy (Heb. 13 : 4).
- Hajaiko fa sarobidy ny tokantranoko (Ton. 8 : 17).
- Saintsaino ny hoavy fa ny SIDA tsy mba miangavy (Efes. 5 : 15).
-T sy soa ny manan-droa ! (Ton. 6 : 9).
- Ny SIDA mampijaly fa i JESOA mampifaly (Isa. 1 : 18).
- Ny olona mandroso manalavitra ny SIDA (Lio. 12 : 15).
- Ny fiarovantena no fanolokoloana ny fiainana.
-T anora hendry mandresy ny SIDA (III Jao. 4).
-" Hevitra soa tsara fantarina, raha lavo ianao, ny Tompo anie hanarina" (Hos. 6 : 1).
- Aza mijangajanga satria **S**arotra **I**lana ka **D**ia **A**ndosiro (Eks. 20 : 14)
-" Fa fahafatesana no tambin' ny ota ; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra ao amin' i Jesoa Kristy" koa **S**aino **I**hany ny **D**idin' **A**ndriamanitra, **S**ao **I**anao **D**ia **A**levina eo (Rom. 6 : 23).

(1) Izay vokatry ny fiaraha-miasa tamin' ny mpianatra Kolejy Teolojika Ivato Mey 2004 izay isaorana azy ireo.
(2) Slogan biblique.

Azo atao ihany koa ny manolotra teny mivantana avy ao amin' ny Baiboly ho teny filamatra.

### 2.1.2. - Ny teny filamatra

Miainga amin' ny Soratra Masina ny antsipiriany amin' ny fampianaran' ny Fiangonana. Koa fitanisana ireo andinin-tSoratra Masina indrindra no atao eto, izay mifanaraka sy miankina amin' ireo fepetra samihafa enti-miady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Teny entina hanampy amin' ny fisorohana, ny fiarovana, ny fifampitokisan' ny mpivady, amin' ny fahononan-tena, amin' ny fiombonana, amin' ny fandraisana an-tanana ireto teny filamatra aroso ireto.

#### 2.1.2.1. - FISOROHANA(1)

¥' Aoka hotahiana ny loharanonao, ary mifalia amin' ny vadin' ny fahatanoranao (Ohab. 5 : 18).

¥' Mifalia ry zatovo ka mandehana any amin' izay sitraky ny fonao… nefa aoka ho fantatrao fa ho entin' Andriamanitra hotsaraina ianao amin' izany rehetra izany (Mpit. 11 : 9).

¥ Ny lehilahy tanora fanahy, anaro hahonon-tena (Tit. 2 : 6).

¥ Ity no lalna ka andehano (Isa. 30 : 21).

¥' Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan' ny nofo ianareo (Gal. 5 : 16).

¥' Raha mihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrao ianao ka mitandrina hanaraka ny didiny rehetra ho tonga aminao sy ho azonao izao fitahiana rehetra izao (Deot. 28 : 1-8).

¥ Aza mijangajanga (Eks. 20 : 14).

¥' Zaro amin' ny lalna tokony halehany ny zaza ka na antitra aza izy tsy hiala amin' izany (Oha. 22 : 6).

¥T andremo ny didiko, ka araho izany : Izaho no Jehovah (Lev. 22 : 31).

(1) Prvention.



¥ Ankalahalao ny ratsy, tiavo ny tsara (Amo. 5 : 15).

#### 2.1.2.2. - FIAROVANA(1)

¥' Inona no iarovan' ny zatovo ny laln-kalehany tsy ho voaloto ? Ny fitandremana araka ny Teninao (Sal. 119 : 9).

¥' Ary aza mandry amin' ny vadin' ny namanao, handoto ny tenanao aminy (Lev. 18 : 20).

¥ Vavaka : Arovy ny mpanomponao (Sal. 19 : 13).

¥' Ary aza miombona ota amin' ny sasany, tehirizo madio ny tenanao" (I Tim. 5 : 22).

¥' Ka dia maneke an' Andriamanitra ianareo ; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy (Jak. 4 : 7).

¥' Tehirizo ny tenanareo ao amin' ny fitiavan' Andriamanitra miandry ny famindrampon' i Jesoa Kristy Tompontsika ho fiainana mandrakizay" (Joda 1 : 21).

¥' Fa ny fijangajangana sy ny fahalotoana rehetra dia aza avela hotononina eo aminareo akory aza, fa tsy mahamendrika ny olona masina izany (Efes. 5 : 3).

¥' Fa mandosira ny filan' ny tanora fanahy ; ary miezaha mitady fahamarinana, finoana, fitiavana, fihavanana amin' izay miantso ny Tompo amin' ny fo madio (II Tim. 2 : 22).

¥' Mandosira ny fijangajangana ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin' ny tenany (I Kor. 6 : 18).

¥' Izay mitandrina ny didy mitandrina ny ainy, fa izay tsy mihevitra ny alehany dia ho faty (Ohab. 19 : 16).

#### 2.1.2.3. - FIFAMPITOKISAN' NY MPIVADY(2)

¥' Ahy ny malalako, ary azy aho (Ton. Sol. 2 : 16).

¥ Aza misara-pandriana ianareo (I Kor. 7 : 5).

¥' Tsy tsara raha irery ralehilahy, hanaovako vady sahaza ho azy izy" (Gen. 2 : 18).

(1) Protection.
(2) Fidlit.

¥’ Aoka ho mahatoky hatramin’ ny fahafatesana ianao, dia homeko anao ny saroboninahitra fiainana (Apok. 2 : 10b).
¥’ Ianareo vehivavy maneke ianareo lehilahy tiava ny vadinareo izay tia ny vadiny dia tia ny tenany (Efes. 5 : 22-28).
¥’ Ny vady hendry kosa dia avy amin’ i Jehovah (Ohab. 19 : 14).
¥’ Koa dia tandremo ny fanahinareo, ary aoka tsy hisy hamitaka ny vadin’ ny fahatanorany (Mal. 2 : 15-16).
¥’ Ny Mpitandrina dia tsy maintsy manam-bady tokana Aoka ny diakona samy hanam-bady tokana sady hanapaka tsara ny zanany…” (I Tim. 3 : 2, 8-12).
¥’ Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin’ ny vadiny ; ary dia ho nofo iray ihany ireo (Gen. 2 : 24).
¥’ Koa vonoy ny momba ny tenanareo izay ety an-tany dia fijangajangana (Kol. 3 : 5).
¥’ Aoka hanan-kaja amin’ ny olona rehetra ny fanambadiana (Heb. 13 : 4).

### 2.1.2.4. - FAHONONAN-TENA(1)

¥ Anaro hahonon-tena ny lehilahy tanora fanahy (Tit. 2 : 6).
¥’ Tandremo tsara izay fandehanareo ka hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa aza manao adaladala fa aoka ho fantatrareo izay sitrapon’ ny Tompo aoka hofenoina ny fanahy (Efes. 5 : 15-18).
¥’ Fa ianao kosa mahonna tena amin’ ny zavatra rehetra (II Tim. 4 : 5).
¥’ Mahonna tena, miambena : fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany (I Pet. 5 : 8).
¥’ Samia tia ny vadiny tahaka ny tenany ianareo lehilahy rehetra, ary aoka kosa ny vavy hanaja ny lahy (Efes. 5 : 31-33).
¥ Koa hendre ka mahonna tena ho amin’ ny fivavahana (I Pet. 4 : 7).
¥’ Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao ; fa aoka ho tonga fianarana ho an’ ny mino ianao amin’ ny fiteny, amin’ ny fitondrantena, amin’ ny fitiavana, amin’ ny finoana, amin’ ny fahadiovana. (I Tim. 4 : 12).
¥’ Tsy fantatrareo va fa tempolin’ Andriamanitra ianareo, ary ny fanahin’

(1) Abstinence.



Andriamanitra mitoetra ao anatinareo ? (I Kor. 3 : 16).
¥ Ianareo lehilahy tiava ny vadinareo ary aza sosotra aminy (Kol. 3 : 19).

### 2.1.2.5. - FANAMPIANA NY HAFA, FIRAISAN-KINA, FIOMBONANA(1)

¥’ Tokony hiasa toy izany koa ianareo, mba hiantra ny mahantra ka hahatsiaro ny tenin’ i Jesoa Tompo izay manao hoe : Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray (Asa. 20 : 35b).
¥ Ny finoana raha tsy misy asa dia maty mihitsy (Jak. 2 : 14-17).
¥’ Tsy izao va no fifadiana izay ankasitrahako dia ny hamaha ny famatoran’ ny faharatsiana moa tsy ny hizara ny mofonao ho an’ ny noana va (Isa. 58 : 6-7).
¥’ Na inona na inona ataonareo dia ataovy amin’ ny fo tahaka ny ho an’ ny Tompo fa tsy ho an’ ny olona fa manompo an’ i Kristy Tompo ianareo (Kol. 3 : 23-24).
¥’ Hoy i Jesoa Kristy hoe : araka izay efa nataonareo tamin’ ny ankiray amin’ ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko” (Mat. 25 : 40).
¥’ Mazotoa hihevitra izany zavatra izany, dia mikeleza aina fatratra fa raha manao izany ianao dia hamonjy ny tenanao sy izay mihaino anao” (I Tim. 4 : 15-16).
¥’ Aoka isika rehetra samy hitady izay hahafaly ny namantsika amin’ izay hahasoa sy hampandroso azy (Rom. 15 : 2-3).
¥’ Tiava ny namanao tahaka ny tenanao, tsy misy didy hafa lehibe noho ireo (Mar. 12 : 31).
¥ Ny fitiavana tsy manisy ratsy ny namana (Rom. 13 : 9-10).
¥ Manaj ny olona rehetra. Tiava ny rahalahy (I Pet. 2 : 17).
¥’ Sitrano ny marary, efa nahazo maimaimpoana ianareo koa manomeza maimaimpoana (Mat. 10 : 8).

(1) Solidarit.

**2.1.2.6. - FANDRAISANA AN-TANANA** ny olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA[(1)].

¥ Jehovah no Mpiandry ahy, tsy hanan-java-mahory aho (Sal. 23).

¥' Ary fantatro ry Andriamanitro o ! fa ianao no mamantatra ny fo ary mankasitraka izay mahitsy (I Tant. 29 : 10-19).

¥' Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao ; mandehana soa amantsara, ary sitrna amin' ny aretinao (Mar. 5 : 21-43).

¥' Hoy i Jesoa Kristy : voavela ny helony be, fa be fitiavana izy…" (Lio. 7 : 36-50).

FEHINTENY

Adidin' ny Fiangonana manao fanamby amin' ny handresena ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ny manangana teny fanentanana sy teny filamatra mba hahazoana mijoro. Indrindra, ahafahana mivoy sy mampita ny hafatra lehibe ho an' ny vahoaka ao amin' ny Fiangonana.

Mbola misy teny hafa izay azo atao ho teny fanentanana sy filamatra ankoatra izay voatanisantsika teo aloha. Izay kendrena indrindra dia ny ahazoan' ny olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA amin' ny lafiny tsara toy ny rehetra[(2)].

Ilaina indrindra koa anefa ny fandinihana ny Soratra Masina fa tsy ampy ny fitanisana fotsiny mba ahazoana fianarana miorina tsara ka handalinana ihany koa ny finoana.

(1) Fandraisana an-tnana na Prise en charge des PVVIH (Personne Vivant avec le Virus de lImmunodficience Humaine).
(2) Vivre positivement avec le virus VIH/SIDA.





**FANDINIHANA SORATRA MASINA**

Ity toko ny amin' ny fandinihana Soratra Masina ity dia tari-dlana ihany ho amin' ny fandinihana ny Tenin' Andriamanitra amin' ny toe-java-misy amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Ka ny maso entina ijerena sy amakiana ny Perikopa na ny Teny avy ao amin' ny Soratra Masina dia izay nataon' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy tarafina ao amin' ny Perikopa, ka tahafina sy atao ihany koa.

Tari-dlana ho fampiharana ny fizarana voalohany toko voalohany momba ny fotokevitra ao amin' ny Soratra Masina ity. Ny endriky ny fiombonana, ny fisorohana, ny endriky ny fanasitranana, ny endriky ny fanilikilihana, ny endriky ny fiovana na/sy ny fanovana no ezahintsika aroso eto.

Andinin-tSoratra Masina nofidiana ihany ireto atolotra ireto, azo atao tokoa ny maka andinin-tSoratra Masina hafa entina amin' ny fotokevitra iray manokana.

**2.2.1. NY FIOMBONAN' NY MPINO**

Ny Fiangonana no fiombonan' ny mpino. Ilaina indray ny ampahatsiahivana izany amin' ny alalan' ny fandinihana indray perikopa vitsivitsy ka ijerena izay hevitra azo aroso isaky ny Perikopa.

- **Perikopa :** Rom. 12 : 4-8
Ireo sary samihafa ilazana ny fiombonan' ny mpino ao amin' ny Fiangonana no hitantsika eto (I Pet. 4 : 10).

Jesoa Kristy mivavaka sy miandany ho amin' ny fiombonan' ny mpino. Fiangonana mikatsaka ny fiombonana sy ny firaisana ao aminy. Fiangonana mahatsiaro fa tsy mifanaraka amin' ny Soratra Masina ny fisaratsarahana. Fiangonana mikatsaka mandrakariva ny firaisana sy ny fiombonana no Fiangonana manao fanamby amin' ny handresena ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

- **Perikopa :** Lio. 12 : 32-34

Ny sary asehon' ny Perikopa ilazana ny fiombonan' ny mpino dia ny **andian' ondry vitsy** (Mat. 7 : 13, 14). Asehon' ny Romana 11 : 4 fa fanomezana maimaim-poana ny famonjena. Tsy misy afaka mividy ny lanitra na ny famonjena (Mat. 6 : 20). Noho izany zava-dehibe ny fiombonana satria mampiombona sy mampiray ny ondriny Jesoa Kristy.

Jesoa Kristy Mpiandry Tsara dia mahalala ny ondriny izay azy. Mamahana sy miandry ary miaro ny ondriny Izy.

Fiangonana mahalala ny ondry. Mitady mandrakariva izay hampiraisana sy hampiombonana ny mpino hatrany ny Fiangonana.

- **Perikopa :** Jao. 15 : 1-17

Ny sary ilazana ny fiombonan' ny mpino eto dia **ny foto-boaloboka sy ny sampany**. Azo takarina amin' ity Perikopa ity fa ny zava-dehibe sy ny tanjona eo amin' ny fiainana dia tsy ny ho sambatra, fa ny hitondra vokatra, hamokatra voa tsara. Ny fepetra takiana hita eto dia ny sampana mamokatra voa tsara ao amin' i Jesoa Kristy, izay midika ny famelana Azy hitoetra ao amin' ny fiainana.

Mila ny sampana Fiangonana i Jesoa Kristy hampahafantatra azy eo amin' izao tontolo izao. Fiangonana mila an' i Jesoa Kristy satria Jesoa Kristy no Loharanon' ny fiainan' ny Fiangonana.

Jesoa Kristy Fototra mamelona ny sampana sy mampamokatra azy ireo, manampy sy manome hery azy ireo mba ho afaka manao asa tsara mamokatra araka ny sitrapon' Andriamanitra.

Fiangonana mitondra vokatra no Fiangonana manao fanamby. **Ny fiombonana sy ny firaisana ao amin' i Jesoa Kristy no vokatra andrasana amin' ny Fiangonana miray amin' i Jesoa Kristy**.

- **Perikopa :** I Kor. 1 : 10-17

Ny sary ilazana ny fiombonan' ny mpino hita eto dia **ny tena na ny vatana**.

Ny Loha dia i Jesoa Kristy amin' ny lafiny iray. Fa amin' ny lafiny ilany kosa, ny fiombonana tanteraka no fepetra voalohany ahazoan' ny Fiangonana mandroso (Rom. 12 : 3-5 ; Efes. 4 : 1-6).





Jesoa Kristy izay Loha dia mampiombona ny tena manontolo. Mampikambana ny vatana rehetra Izy.

Noho izany, ny Fiangonana dia mahatsiaro fa mifampila, ka mikatsaka hatrany izay ho fampiombonana sy fampiraisana.

- **Perikopa :** I Kor. 3 : 1-4

Ny sary ilazana ny fiombonan' ny mpino eto dia **Mpiara-Miasa amin' Andriamanitra**. Tanteraka indrindra izany raha misy ny fanetrentena. (Jao. 3 : 30 ; I Pet. 2 : 2 ; Gal. 5 : 19-20).

Jesoa Kristy miara-miasa amin' Andriamanitra sy ny olona. Manao ny sitrapon' Andriamanitra Izy. Noho izany, ny Fiangonana dia mitady fiarahamiasa hatrany amin' Andriamanitra sy Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina indrindra fa amin' ny olona rehetra ihany koa.

- **Perikopa :** I Kor. 12 : 12-26

Misy fahasamihafana ao amin' ny fiombonana noho izany dia ilaina ny fifamenoana. Iray ny tena na dia maro aza ny momba ny tena. **Ny fiarahana sy ny fifanampiana ao amin' ny Fiangonana no maha-Fiangonana ny Fiangonana**. Mifampila avokoa ny rehetra. Tsy misy mahavita tena ny tsirairay.

Tsy afaka mihafahafa ny tsirairay eo amin' ny tontolo misy ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Voatery tsy maintsy mifanampy sy mifamonjy manoloana ny toe-java-misy ao amin' ny fiainan' ny Fiangonana ny mpino.

Jesoa Kristy IRAY (and. 12) no asehon' ny teksta, noho izany ny Fiangonana dia handray ho an' ny tenany ny zava-misy eo amin' ny firenena misy azy. Raha 1.1% ny tahan' ny olona mitondra ny tsimok' aretina eto Madagasikara dia milaza ny Fiangonana fa manana ny tsimok' aretina izy amin' ny taha 1.1%. Fiangonana mitondra sy miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Fiangonana voakasiky ny aretina SIDA sy ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA no Fiangonana manao fanamby.

Ny Fiangonana IRAY ka mitady hatrany izay ho fampiraisana sy fampiombonana eo amin' ny toerana izay misy azy no Fiangonana manao fanamby handresy ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

- **Perikopa :** I Kor. 12 : 27-30

Ny sary ilazana ny fiombonan' ny mpino dia **ny Fiangonana Tenan' i Kristy**. Ny filna ireo fanomezam-pahasoavana samihafa mba hifameno no lazain' ny teksta. Ny fanomezana tsara indrindra dia ny fandehanana miaraka amin' i Jesoa Kristy.

Jesoa Kristy no Lohan' ny Fiangonana ka mitarika azy.

Ny Fiangonana dia Tenan' i Jesoa Kristy ka tarihiny hahatanteraka ny firaisana sy ny fiombonana eo amin' ny samy mpino.

- **Perikopa :** Efes. 4 : 4-6 ; 5 : 23.

Ny sary ilazana ny fiombonan' ny mpino eto dia **IRAY ny Tena, IRAY ny Fanahy**. Ny fitanana ny fiombonana sy ny firaisana ao amin' ny Fiangonana no ezaka ataon' ny Fiangonana manao fanamby handresy ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Kristy Lohan' ny Fiangonana sy Mpamonjy ny Fiangonana (Efes. 5 : 23).

Noho izany, ny Fiangonana no vonjena dia tonga Fiangonana mamonjy amin' ny fisaratsarahana ka mitarika ho amin' ny fiombonana sy ny firaisan' ny mpino.

- **Perikopa :** Sal. 136.

Andriamanitry ny fahariana dia mamelona sy miaro ny zavaboahary. Ny fiderana an' Andriamanitra Lehibe izay mitaky ny fiombonan' ny mpino. Noho ny famindrampony sy ny fanatrehany hatrany. Momba ny voahariny sy miaro azy hatrany Izy no endriky ny fiombonana eo amin' ny zavaboahary. Ny fiarahana midera, ny fiombonam-bavaka no anehoana ny firaisan' ny mpino.

Jesoa Kristy Mpahary sy Mpiaro dia mila ny voahariny rehetra miaramidera sy miara-manome voninahitra Azy.

Noho izany, ny Fiangonana dia mitarika ny olona mpino hiombona amin' ny fiderana sy fanomezam-boninahitra an' Andriamanitra sy Jesoa Kristy.

- **Perikopa :** Eze. 37 : 18-28.

Ny endriky ny fiombonana aseho eto dia **ny fampiombonan' izay manana ny teny fampanantenana sy ny teny fikasana ka tsy mandoto tena**.





Mandrakizay ny teny fikasana. Andriamanitra IRERY no Tompon' ny Teny farany fa tsy ny SIDA izay mamono akory. Andriamanitra ao amin' i Jesoa Kristy no manome ny teny fikasana mandrakizay. Ny fananana ny teny fikasana dia mampiombona sy mampiray ny Mpino.

Jesoa Kristy nanome teny fikasana. Momba izay rehetra mandray azy Izy mba ahatonga ny fitaizana sy ny fiovana eo amin' ny Fiangonana. Ny zavamisy ao amin' ny Fiangonana dia ny fandraisana ireo hafa ho fanamafisana ny fiombonan' ny mpino.

Tohizina sy tadiavina hatrany ny fiarahana sy ny fiombonana ao amin' ny Fiangonana. Ny fanamafisana ny fiombonan' ny mpino no hiantefan' ny teny fikasana sy ny teny fampanantenana. Ny Fiangonana no toerana hitaizana sy hifampaherezana ary hifankatiavana. Izany no tanjona ezahan' ny Fiangonana hotratrarina, izay fanambin' ny fiangonana tokoa.

## FEHINTENY

Ny fiombonan' ny mpino no nasehon' ireo andinin-tsoratra Masina teo.

Naseho tamin' ny sary izany : andian' ondry, foto-boaloboka sy sampany, tena na vatana, fiaraha-miasa amin' Andriamanitra, ny fifamenoana ao amin' ny fahasamihafana, ny firaisana ao amin' ny Fiangonana amin' ny fiarahana midera an' Andriamanitra, ny fiombonana noho ny teny fikasana nomena.

Ny maha-Fiangonana ny Fiangonana dia noho ny fisian' ny fiombonana ao Aminy. Izany ihany koa no ahazoana mametraka ny Fiangonana teo amin' izay nanorenan' i Jesoa Kristy Zanak' Andriamanitra azy. Ny fiombonana no ahafahan' ny Fiangonana mamita ny asa fitoriana ny Filazantsara napetraka taminy.

## 2.2.2. - NY TSY FANILIKILIHANA

Ny fiombonana dia midika tsy fanilikilihana, izay maha-izy azy ny Fiangonana dia ny tsy fanavakavahany. Na dia misy aza ny fahasamihafana sy ny tsy fitoviana. Natao hifandray sy hifameno ny olona rehetra mpino.

- **Perikopa :** Mat. 2 : 1-15.

Ny anton' ny fanilikilihana teo amin' ny Mpanjaka Heroda (and. 13) dia tahotra ny amin' ny fandrombahana fahefana. Izay no faharefoana teo amin' ny Mpanjaka Heroda ka nahatonga ny famonoana ny zazakely tao Betlehema.

Jesoa Kristy dia voailikilika ka entina mandositra ho any Egypta (and. 13). Marefo Jesoa Kristy satria zazakely nofofoina hovonoina.

Noho izany Fiangonana marefo satria misy ny voailikilika.

- **Perikopa :** Rom. 8 : 35-40.

Tsy hisy hahasaraka antsika amin' ny fitiavana asehon' Andriamanitra antsika ao amin' i Jesoa Kristy Tompontsika (and. 39).

Tsy misy ny fanilikilihana satria Jesoa Kristy Fitiavana. Mandresy ny fanilikilihana ny fitiavan' i Jesoa Kristy sy Andriamanitra Ray.

Noho izany, Fiangonana tahaka an' i Jesoa Kristy manao zava-dehibe ny Fitiavana ka tsy manilikilika. Fiangonana mampandresy ny Fitiavan' Andriamanitra.

- **Perikopa :** Joba 1, 2.

Joba nand ny filazana fa famaizan' Andriamanitra ny aretina. Mitarika ho amin' ny fanilikilihana izany fiheverana izany.

Mba handravana ny fanilikilihana dia misy ny fandraisana an-tnana ireo olona miaina miaraka amin' ny VIH/SIDA satria Jesoa Kristy nandray izay rehetra nanatona Azy fa tsy manilikilika.

Fiangonana mandray sy mampiantrano ny rehetra ka miezaka mandray antnana ny olona rehetra nanatona Azy.





- **Perikopa :** Lio. 17 : 11-21.

Sitranin' i Jesoa Kristy ireo marary hoditra folo lahy na dia nailikilikin' ny fiaraha-monina aza. Jesoa Kristy manasitrana ny rehetra sy mamindra fo (and. 13).

Noho izany, ny Fiangonana tsy manilikilika fa miandany amin' ny rehetra no Fiangonana manao fanamby handresy amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

- **Perikopa :** Jak. 2 : 1-13.

Aza asiana fanilikilihana eo amin' ny mpino no teny misongadina eto.

Jesoa Kristy ho an' ny rehetra izay mino Azy, noho izany ny Fiangonana dia toerana iombonan' ny mpino. Tsy misy fanilikilihana amin' ny fiteny sy ny ataon' ny fiangonana.

- **Perikopa :** Eze. 36 : 16-21.

Jehovah mandray, tsy manilikilika na dia misy ota sy loto ary fitondrantena ratsy aza. Ny toetran' Andriamanitra hita eto dia ny fahatezerany noho ny fijangajangana. Andriamanitra Masina eo amin' ny tontolo maloto. Andriamanitra tsy miova amin' ny fahamasinany na dia misy SIDA aza. Tsy miova ny fahamasinany sy ny famindrampony ary ny Fitiavany amin' ny fandraisany an-tnana.

Fitanisana ireo ota sy loto no hita eto amin' ny teksta.

Ny endrika isehoan' ny fanavahana sy ny fanilihana ny Mpanota amin' ny alalan' ny fanamelohana sy ny fiampangana dia ny fahafantarana ny ota sy ny fifonana izay ataony.

Ny Kristiana mianatra amin' Andriamanitra sy ny toetrany dia mamindra fo na dia nolotoina aza. Ny Kristiana mijanona ho masina sy madio fitondrantena na dia misy SIDA aza.

Jesoa Kristy mifandray amin' ny mpanota sy izay heverina ho manana ota. Noho izany ny Fiangonana dia Sekolin' ny mpanota hahatongavana ho Zanak' Andriamanitra.

- **Perikopa :** Jer. 31 : 31-34.

Teny fanekena sy teny fampanantenana sy fandraisana an-tnana no hita eto. Ny Fanekena vaovao (Jer. 32 : 40) no hita eto.

Ny fahafahan' Andriamanitra sy ny fahafahan' ny olona no mampiseho fa Andriamanitra dia amintsika hatramin' ny antsipirian' ny fiainantsika. Jesoa Kristy dia mampanantena fandraisana an-tanana sy fanomezana fiainana be dia be (Jao. 10 : 10) ho an' izay rehetra mino Azy.

Fiangonana mamelona fanantenana ny amin' ny tsy fanilikilihana ataony fa fandraisana an-tnana hahazoana fahafaham-po amin' izay rehetra manatona azy.

FEHINTENY

Andriamanitra tsy manilikilika na manavakavaka, izay no takantsika tamin' ny fandinihana ny Tenin' Andriamanitra. Mitaky fiovana amin' ny Fiangonana izany mba ahazoana manatanteraka ny sitrapon' Andriamanitra ka ho Fiangonana tsy manilikilika na manavakavaka ny Fiangonan' i Jesoa Kristy.

Fiangonana misokatra ho amin' ny izay rehetra manatona azy ka mandray an-tnana ny rehetra, indrindra ireo olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA.





### 2.2.3. - NY FISOROHANA

Aleo misoroka toy izay mitsabo. Ny asa goavana indrindra amin' ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia ny fisorohana. Ilaina indrindra ry ny fandinihana indray ny Soratra Masina izay manan-kambara ny amin' ny fisorohana, izay hampianatra indray ny sitrapon' Andriamanitra.

- **Perikopa :** II Sam. 11, 12.

Ny zava-niseho teo amin' i Davida Mpanjaka, Oria sy Betseba vadiny no hita eto. Davida Mpanjaka manana fahefana ka manao ny tsy fahamarinana. Manampatra ny fahefana ka nampamono an' i Oria vadin' i Batseba. Hita eto ny endriky ny fanaparam-pahefana ataon' ny tompon' andraikitra sy nomena ny fanapahana.

Noho ny fanaparana ny fahefana ananana no anaovana tsinontsinona ny hafa, ka hakana ankeriny hanaovana herisetra. Davida Mpanjaka nanao herisetra. Fiainana misy fitsiriritana noho ny fahefana ananana no hita teo amin' i Davida. Ny fanaparana ny fahefana sy ny herisetra dia mampihanaka ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Misy ny fampahatsiarovan-tsaina avy amin' i Jehovah (II Sam. 12 : 27). **Ny zava-kendrena dia ny fampatsiahivina ny tsy mety atao ka anaovana antso ho amin' ny fiovana**.

Ny fiovana andrasana dia ny fahatsiarovan-tsaina. Ny vavaka nataon' i Davida dia manamarina izany fahatsiarovan-tena izany (Sal. 51), ka nandray andraikitra i Davida izay tena zava-dehibe tokoa.

Jesoa Kristy miteny sy mandray andraikitra eo amin' izay toerana misy azy. Noho izany, ny Fiangonana dia mandrava ny fahanginana ka mirotsaka amin' ny fiatrehana sy ny fandraisana an-tnana ny zava-miseho hisorohana ny loza mety hitranga.

- **Perikopa :** Lio. 10 : 25-37.

Fanoharana momba Ilay Samaritana tsara fanahy na iza no namako ? no hita eto. Fitondrantena misoroka no azo tarafina eto ka ny Fisorohana = dia mira Fitiavana (and. 33, 35), ho fahazoana ny fiainana mandrakizay.

Ny fisorohana dia ny fanampiana feno ny hafa, ny namana, ny azon' ny fahavoazana izay manana zo ny hoavotana. Mila toetra onena, tsy manao tsindrio fa lavo indrindra izany.

Jesoa Kristy manolotra ny ainy ho fanavotana ny olona rehetra azon' ny fahavoazana. Noho izany, ny Fiangonana mangoraka ka manampy na oha - trinona na ohatrinona izay rehetra mila fanampiana.

- **Perikopa :** Deo. 6 : 4-24.

Ny didy lehibe indrindra avy amin' Andriamanitra no hita eto. Ny tsifahampian' ny finoana anefa dia zava-manakana eo amin' ny fanarahana ny Tenin' Andriamanitra. Noho izany, ny fiantraikan' ny fanarahana ny Tenin' Andriamanitra eo amin' ny fiainan' ny Fiangonana dia ilaina tokoa ho fanampiana amin' ny finoana.

Izay ifanarahan' ny rafitry ny Fiangonana sy ny hafatry ny Tenin' Andriamanitra no ezaka ataon' ny Fiangonana mba hanaovana ny fisorohana. **Ny fanamafisana ny fiovan' ny fitondrantena ho fisorohana sy ho fitsaboana amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA avy amin' ny Tenin' Andriamanitra no fanamby apetraky ny Fiangonana**. Ny vokatry ny fanarahana ny Tenin' Andriamanitra dia SOA - VELONA - FIAINANA (Deo. 6 : 24).

Jesoa Kristy mitarika ho amin' ny fankatoavana sy fanarahana ary fiainana ny Tenin' Andriamanitra. Noho izany, ny Fiangonana dia mampihatra amin' ny fiainana an-davanandro izay lazain' ny Tenin' Andriamanitra mba ho SOA sy VELONA ka hanana FIAINANA ny mpino.

- **Perikopa :** Rota 1 : 6-22.

Firosohana sy fitsaboana no hita eto. Ny zava-misy tao amin' ny tantaran' i Naomy dia mosarena, maty vady, sesitany amin' ny tany hafa, maty zanaka. Andriamanitra manao ny tantara no azo lazaina avy amin' ity tantaran' i Naomy sy Rota ity. Ny fiarahan' i Naomy sy ny vahoakan' Andriamanitra dia misongadina tokoa.

Andriamanitra miasa ao amin' ny tantaran' ny olombelona no misongadina eto aminity teksta ity. Jesoa Kristy Mpamonjy miasa ao amin' izay matoky Azy.





Noho izany, ny Fiangonana mampiseho ny asan' Andriamanitra ao amin' ny Teniny. Ny asan' Andriamanitra izay manampy amin' ny fisorohana.

- **Perikopa :** II Sam. 13 : 1-22.

Amnona, Jonadaba, Tamara no olona ao amin' ny teksta.

Ny fisorohana ny fijangajangana ; ny antony mahatonga ny fijangajangana ; ireo lafiny enina amin' ny fijangajangana no hita taratra eto.

Ny Zava-kendrena dia ny hoe aoka izay ny fahanginana ; Mitenena. Aza mangina !"

Ny tantaran' i Tamara, zanakavavin' ny Mpanjaka Davida dia tantara fanoharana ihany ny amin' ny fanolanana, ny fijangajangana ; fananaraotana tao an-trano nataon' ny anadahiny Amnona no nahazo an' i Tamara. Asehon' ny tantaran' i Tamara fa :

¥ Izay mahazo ny vehivavy maro eto amin' ny tanintsika ny amin' ny fanolanana.

¥ Tantarana lehilahy maro no hita eto izay samy manana ny heviny. Azo tarafina ny fandraisana andraikitry ny tanora, ny fiangonana, ny fikambanana amin' izany.

¥ Tantara ny mahalahy sy ny mahavavy.

¥ Ny herisetra ; azo dinihina sy fakafakaina ny tenin' i Jonadaba, Absaloma, Tamara, Davida.

Jesoa Kristy tsy mampiasa herisetra. Noho izany, ny Fiangonana mitaiza sy mampianatra ny olona mpino hiady amin' ny herisetra ho fisorohana.

FEHINTENY

Atao mialoha, ny fisorohana mba tsy ahazoana ny aretina. Ny fandinihana ny Soratra Masina dia naneho tamintsika fa tena ampy ny Tenin' Andriamanitra hisorohana ny loza mety hitranga. Ilaina indrindra ny fankatoavana sy ny fanarahana ary ny fampiharana ny Tenin' Andriamanitra. Hitomboan' ny finoana ahazoana hery ahafahana mandresy ka hisoroka.

## 2.2.4. - NY FAHONONAN-TENA

Teny entina manentana amin' ny ady amin' ny SIDA ny fahononan-tena. Mba ahaizana izany dia ilaina indray isika mandinika ny teny avy ao amin' ny Soratra Masina.

- **Perikopa :** Ton. Sol. 8 : 8-10.

Ny fahononan-tena dia vokatry ny fandraisana ny Tenin' Andriamanitra sy ny fahaizana mitia.

Jesoa Kristy miandany amin' ny fahononan-tena eo amin' ny tsy manambady sy ny manambady ihany koa. Noho izany ny Fiangonana mampianatra sy mitaiza ary manoro ny fitondran-tena mba hahonon-tena.

- **Perikopa :** Sal. 119 : 9.

Ny fiarovana (protection) dia ny Tenin' Andriamanitra ho an' ny zatovo lahy sy zatovo vavy. Zava-dehibe ny Tenin' Andriamanitra sy ny fiainana Azy eo amin' ny fahatanorana.

Jesoa Kristy niaro ny tenany tamin' ny fakam-panahy amin' ny alalan' ny Tenin' Andriamanitra (Mat. 4). Noho izany, ny Fiangonana manao zava-dehibe ny fampianarana sy fandinihana ny Soratra Masina ho fiarovana amin' ny loza eo amin' ny mpino.

- **Perikopa :** Efes. 6 : 10-20.

Ny ady amin' ilay ratsy sy ireo fiadiana omen' ny Tompo Jesoa Kristy, mba ahazoana mahonon-tena :

- Vavaka sy fangatahana ny fanampian' Andriamanitra (and. 18, 19, 20).
- Tenin' Andriamanitra ho toy ny sabatra omen' ny Fanahy Masina (and. 17).
- Fahamarinana atao (and. 14).
- Finoana ho toy ny ampinga (and. 16).
- Famonjena ho fiarovan-doha (and. 17).
- Rariny itafiana (and. 14).
- Ny fahavononan-kitory ny vaovao mahafaly (and. 14).





Jesoa Kristy mandresy ny ratsy satria manao ny sitrapon' Andriamanitra. Noho izany, ny Fiangonana mino ka miandrandra fandresena sy mahonon-tena.

- **Perikopa :** Jao. 8 : 1-11.

Ravehivavy nijangajanga tsy manota intsony satria voavela heloka.

Jesoa Kristy mampahery ny amin' ny fahononan-tena : Amin' izao sisa izao, aza manota intsony ! (and. 11).

Fiangonana mampahery ny olona amin' ny fahononan-tena.

- **Perikopa :** Deo. 5 : 6-21.

Ny Didy Folo (Eks. 20) dia maneho ny fiarovana ny fahafahana. Azo ampitahaina amin' ny Fanambarana iraisam-pirenena ny amin' ny Zon' olombelona ity teny ity.

Azo dinihina tsirairay ny didy ary sintonina ny fiarovana ny fahafahana isaky ny andininy.

Ny andraikitr' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy no hita ao amin' ny Didy 10. Noho izany manana andraikitra ny Kristiana ka manaraka izany didy izany.

### FEHINTENY

Ny fahononan-tena dia mifanaraka amin' ny tenin' Andriamanitra. Atoron' ny Tenin' Andriamanitra fa tena tombon-tsoa lehibe tokoa no azo raha mahonon-tena ny olona matoky sy mino an' Andriamanitra.

Tombon-tsoa ho an' ny tenan' ny tsirairay. Anefa, tombon-tsoa ihany koa amin' ny manodidina, mpiara-belona satria mandeha manaraka ny sitrapon' Andriamanitra.

## 2.2.5. - NY FIFANAJANA

Anisan' ny teny enti-misoroka amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ny fifanajana. Ilaina indray ny mianatra ny fifanajana amin' ny alalan' ny fandinihana ny Soratra Masina.

- **Perikopa :** Ton. Sol. 8 : 1-4.

**Ny fitiavana marina eo amin' ny olon-droa dia miteraka fifanajana avy hatrany**. Ao amin' Andriamanitra izany fitiavana marina ***AGAPE*** izany.

Jesoa Kristy tia ka manaja izay rehetra manatona sy mifandray Aminy. Noho izany, ny Fiangonana manoro ny amin' ny fifanajana eo amin' ny mpivady amin' ny alalan' ny fifankatiavana.

- **Perikopa :** Ton. Sol. 7.

**Ny fifanajana endrika iray anehoana ny fitiavana eo amin' ny fifankativan' olon-droa**. Ianarana ny mitia sy mifanaja araka ny Soratra Masina.

Jesoa Kristy miandany amin' ny mpivady mifanaja. Fiangonana manome toerana ny fifanomezam-boninahitra sy fifanajana eo amin' ny mpivady, eo amin' ny fifandraisan' ny samy mpino.

- **Perikopa :** Heb. 13.4.

Aoka hanakaja amin' ny olona rehetra ny fanambadiana. Aoka samy hanaja ny fanambadiana ary aoka tsy hifanitsakitsaka ny mpivady ; fa hohelohin' Andriamanitra ny mpijangajanga sy ny mpaka vadin' olona (DIEM).

Jesoa Kristy mankahala ny ota kanefa mamela heloka. Noho izany ny Fiangonana dia mametraka ny fanambadiana eo amin' ny toerana misy azy amin' ny fanajana sy fifanajana.

### FEHINTENY

Tena fanarahana ny sitrapon' Andriamanitra ny fifanajana. Mariky ny fifampitokisana ihany koa ny fifanajana. Vokatry ny fitiavana sy ny fifankatiavana ny fifanajana eo amin' ny mpivady.





## 2.2.6. - NY FANASITRANANA

Rehefa manoloana ny aretina, izay mby an-tsaina ka irina sy tadiavina avy hatrany dia ny ahazoana ny fahasitranana. Ilaina indray ny handinihana ny Soratra Masina ny amin' ny fahasitranana indrindra manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

- **Perikopa :** Mat. 9 : 9-12. Mila dokotera ny marary (and. 12).

Jesoa Kristy manasitrana amin' ny lafiny rehetra maha-olona tsy misy fepetra. Noho izany, ny Fiangonana mitsabo sy mitondra fanasitranana amin' ny anaran' i Jesoa Kristy.

- **Perikopa :** Mat. 25 : 31-46.

Ny hitsaran' ny Zanak' olona ireo firenena rehetra. Ny fisorohana sy ny fitsaboana no hita eto amin' ny fitsaboana sy ny famangiana ny marary. Jesoa Kristy manao ny Tenany ho marary mitondra ny tsimok' aretina.

Fiangonana miandany amin' ny olona rehetra izay marary ara-tsaina, ara-batana, ara-panahy indrindra ireo mararin' ny SIDA.

- **Perikopa :** Mar. 5 : 21-34.

Ny zanakavavin' i Jairo (Mar. 5 : 21-24 ; 35-43) sy ilay vehivavy narary 12 taona nandeha ra (Mar. 5 : 25-34) no hita eto.

Hita ny toetran' i Jesosy Kristy ao amin' ny and. 34 araka ny tenany hoe : Ndeha ry ka veloma finaritra, mitohiza fahasalamana soa aman-tsara.

Jesoa Kristy mirary fahasalamana sy fahasoavana ary fiainana. Noho izany, ny Fiangonana mitsodrano mba hahazoana fahasalamana, fahasitranana ary fahasoavana.

- **Perikopa :** Mar. 2 : 1-12.

Ny fanasitranana ilay mararin' ny paralisisa tao Kapernaomy nataon' i Jesoa Kristy dia mampiseho ny fisorohana sy ny fitsaboana.

Jesoa Kristy mitsabo ny olona manontolo sy ny olona rehetra. Fiangonana manahaka an' i Jesoa Kristy amin' ny fitsaboana ny olona manontolo sy ny olona rehetra.

- **Perikopa :** Lio. 10 : 25-37.

Ilay Samaritana tsara fanahy dia nanana fangorahana (and. 33), ka nanome fitsaboana sy fanafody (and. 34). Toy izany ny ho fiaraha-miaina miaraka amin' ny olona mitondra ny VIH/SIDA.

Jesoa Kristy onena ka nanolotra ny ainy ho fahasitranana. Noho izany, ny Fiangonana manana fandavan-tena sy fanoloran-tena no Fiangonana manao fanamby.

- **Perikopa :** Sal. 32

Ny fahasambarana sy ny fifaliana noho ny famelan-keloka no fanasitranana ny olona na dia mbola miaina miaraka amin' ny VIH/SIDA aza izy.

Jesoa Kristy Mpamela heloka sy Mpanadio ho afaka amin' ny fahotana rehetra.

Fiangonana mitory sy manambara fa ny famelan-keloka dia lehibe indrindra sy tompon' ny teny farany fa tsy ny fahotana akory.

- **Perikopa :** Lio. 17 : 11-21.

Sitrana ireo marary hoditra folo lahy. Noho izany, hoy Jesoa : Ny fanjakan' Andriamanitra eo afovoanareo. Fanasitranana alavitra eny am-pandehanana ireo marary hoditra folo lahy no hita eto.

Jesoa Kristy nanasitrana tsy misy fepetra mialoha.

Fiangonana mpanasitrana ny rehetra tsy misy ankanavaka.

- **Perikopa :** Isa. 53.

Ny fitsaboana nomen' Ilay Mpanompon' i Jehovah niaritra (Isa. 53 : 4). Eo anatrehan' Andriamanitra, tsy ny aretina na ny fahasitranana no zava-dehibe fa ny finoana sy ny fahatokiana Azy, satria misy aretina tsy nahazoana fahasitranana. Jesoa Kristy manasitrana fa ny Fiangonana kosa mitsabo.

- **Perikopa :** Joba 1, 2.

Joba nand fa famaizan' Andriamanitra ny aretina. Nolavin' i Jesoa Kristy ihany koa izany. Noho izany, tsy famaizana akory ny fitondrana ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Jesoa Kristy Mpanasitrana. Noho izany ny fiangonana Mpitondra fahasitranana miaraka amin' i Jesoa Kristy.





## FEHINTENY

Hatramin' izao dia aretina tsy misy fanafana ny SIDA. Ny fanasitranana resahina eto anefa dia tsy eo anivon' ny tena fa eo amin' ny saina sy ny fanahy indrindra.

Tsy tanjona ny fahasitranana eo amin' ny tena na ny vatana, fa ny fanatonana bebe kokoa an' Andriamanitra no zava-dehibe. Izay fahasitranan' ny saina sy ny fanahy ka ny olona izay miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia afaka hiaina tahaka ny olona rehetra. Tsy ho kivy na hamoy fo satria mino an' i Jesoa Kristy. Ka ny finoany no manasitrana azy. Hanana fanantenana hatrany an' Andriamanitra sy Jesoa Kristy. Hanantena fahasitranana tanteraka ka hiaina tsara aradlana tahaka ny olon-drehetra miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Izay no fanamby azon' ny Fiangonana apetraka amin' ny fanasitranana.

## 2.2.7. - NY FIOVANA SY NY FANOVANA

Ny fiovana tiana holazaina eto dia ny fiovan-tsaina amam-pihetsika, ny fiovan-toetra, ny fiovana fitondrantena. Satria ny *CCCC : Communication pour un Changement Complet de Comportement* dia tena asan' ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy tokoa.

Ny fibebahana no teny ampiasain' ny Soratra Masina ny amin' ny fiovana. Ny Dikanteny iombonana dia milaza ny fibebahana amin' ny fialana amin' ny toetra ratsy na fiovana mihitsy. Antson' i Jesoa Kristy ny fibebahana, ary mbola antsony hatramin' izao fotoana izao. Antso izay miantefa amin' ny Fiangonana ihany koa, satria maro ireo ilna fiovana sy fanovana ao amin' ny Fiangonana, indrindra eo amin' izay anjara andraikitry ny olona ao amin' ny Fiangonana tahaka ny famolavolana rafitra hifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra.

- **Perikopa :** Jao. 14 : 26.

Zava-dehibe ny asan' ny Fanahy Masina ao amin' ny fiovana sy ny fanovana araka ny Tenin' Andriamanitra.

Ny Fanahy Masina, Ilay Mpananatra avy amin' ny Ray no hampianatra sy hampahatsiaro sy sitrapon' Andriamanitra.

Jesoa Kristy sy ny Fanahy Masina dia miasa ho amin' ny fanovana izay mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra. Noho izany ny Fiangonana manao zava-dehibe ny asan' ny Fanahy Masina eo amin' ny fiovana sy ny fanovana.

- **Perikopa :** Asa. 2 : 4.

Zava-dehibe ny asan' ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fahafenoana ny Fanahy Masina. Ny fiovana dia ny fitenenana fiteny samihafa araka izay nampitenenin' ny Fanahy azy avy.

Jesoa Kristy niasan' ny Fanahy Masina. Noho izany, ny Fiangonana manaiky ny asan' ny Fanahy Masina amin' ny fiovana mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra.

- **Perikopa :** Rom. 15 : 13.

Ny herin' ny Fanahy Masina dia Fifaliana, Fiadanana, Fanantenana.





Jesoa Kristy manome Fifaliana, Fiadanana, Fanantenana ho an' izay mandray Azy sy ny Fanahy Masina. Noho izany, ny Fiangonana miaina ao amin' ny Fifaliana, Fiadanana, Fanantenana satria manana ny Fanahy Masina.

- **Perikopa :** Asa 9 : 1-19.

Ny fiovam-pon' i Saoly dia asam-pitiavan' Andriamanitra taminy.

Jesoa Kristy tia ilay nanenjika Azy, ka nanova azy ho tonga Apostolin' ny jentilisa. Noho izany, ny Fiangonana manaiky ny fanovana sy mandray ampitiavana ireo miova fo.

Jesoa Kristy Mpamela heloka sy Mpitondra fiovana. Noho izany ny Fiangonana miandany amin' ny olona nandray ny fiovam-po.

- **Perikopa :** II Kor. 4 : 16-18.

Velon' ny finoana izay rehetra novain' Andriamanitra.

Jesoa Kristy manome finoana sy fahatokiana izay rehetra manaiky ny asam-pamonjeny. Noho izany, ny Fiangonana mitarika mandrakariva ny vahoaka ho amin' ny finoana sy ny fahatokiana an' Andriamanitra sy Jesoa Kristy.

- **Perikopa :** Gal. 5 : 22-24.

Ny vokatry ny Fanahy Masina dia Fitiavana eo amin' ny fanovan' Andriamanitra no ahitana ny asan' ny Fanahy Masin' Andriamanitra.

Jesoa Kristy niaina ny vokatry ny Fanahy Masina. Noho izany ny Fiangonana miaina ny vokatry ny Fanahy Masina.

- **Perikopa :** Mar. 10 : 16-23

Ny risika amin' ny fiovana no hita eto nefa fametrahana olana avy amin' ny mpanan-karena ihany koa (and. 17).

Ny fahafoizana ny harena dia sarotra. Tovolahy mpanan-karena nanjombona tarehy no hita eto(and. 22). Fahasarotana ny amin' ny fiovana sy ny fanovana no asehonny teksta(and. 23).

Jesoa Kristy mametraka safidy amin' ny fiovana. Noho izany, ny Fiangonana manaja ny safidy na hahafoy na tsia izao tontolo izao, noho ny amini Jesoa Kristy .

**- Perikopa :** Lio. 19 : 1-10.

Ny fiovana eo amin' ny fiainan' ny olona iray no hita eto. Zakaiosy sy ny Fiovany araka ny tenin' i Jesoa Kristy : fa hitady sy hamonjy izay very no nahatongavan' ny Zanak' olona (and. 9-10).

Noho izany, ny Fiangonana dia mizara famonjena noho ny fiovana asanAndriamanitra.

**- Perikopa :** Mat. 18 : 1-6.

Fiovana eo amin' ny toe-tsaina amam-pihetsika no fanamby amin' izay mahery sy malemy ao amin' i Jesoa Kristy.

Fampitahana ny lehibe sy ny zazakely asehonny teksta. Amin' i Jesoa Kristy izay manetry tena no lehibe, izay mandray zazakely no mandray an' i Jesoa Kristy.

Jesoa Kristy mampitovy ny Tenany amin' ny zazakely anankiray. Jesoa Kristy manetry tena.

Noho izany, ny Fiangonana manao ny tenany ho toy ny zazakely. Fiangonana manetry tena no Fiangonana lehibe sy matanjaka ary mahery.

**- Perikopa :** Mar. 7 : 24-30.

Ny fivoaran' ny fanovana sy ny fiovana teo amin' i Jesoa Kristy noho ilay vehivavy sirofenisiana manam-pinoana.

Jesoa Kristy manasitrana. Ny fiovana teo amin' i Jesoa Kristy : ny fane-keny hanasitrana noho izany Fiangonana mitondra fahasitranana ho an' ny olona rehetra tsy misy ankanavaka.

**- Perikopa :** Asa. 2 : 37-38.

Ny fiovam-po voalohany izay nahitana ny batisan' i Jesoa Kristy sy ny famelan-keloka ary ny fanomezana ny Fanahy Masina no hita eto.

Jesoa Kristy ao amin' ny Fiangonany manatanteraka ny sitrapony. Noho izany, ny Fiangonana mametraka an' i Jesoa Kristy ho Lohany mandrakariva.





## FEHINTENY

Andriamanitra Mpitondra fiovana. Andriamanitra miasa ka manova mba hirindran' ny tontolo araka ny sitrapony. Izany no hafatra lehibe azontsika raisina tamin' ny fandinihana indray ny teny avy ao amin' ny Soratra Masina ny amin' ny fiovana sy ny fanovana. Anjaran' ny Fiangonana manao fanamby ny manaiky hiasan' Andriamanitra noho ny fahasoavany amin' ny fiovana sy ny fanovana.

## 2.2.8. - NY OTA SY NY FAMELAN-KELOKA

Na ny ota na ny famelan-keloka dia ambaran' ny Soratra Masina avokoa. Ilaina indray ny handinihana ny amin' ireo ventin-kevitra roa ireo amin' ny tontolon' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

- **Perikopa :** Jao. 8 : 1-11.

Ny hevitry ny olona, araka ny laln' i Mosesy, noho ny ota nataon' ilay vehivavy azo nijangajanga dia ho toraham-bato izy. Ahoana ny hevitr' i Jesoa Kristy ?

Ny tenin' i Jesoa Kristy no hita eto izay manao hoe : Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany. Ny fandinihan-tenan' ny olona ny amin' ny ota (and. 7) dia mampiseho ny fiovana takian' i Jesoa Kristy. Ny famelan-keloka no azon-dravehivavy avy amin' i Jesoa Kristy (and. 11). Ny FAMELAN-KELOKA no teny farany hita eto.

Jesoa Kristy mamela heloka na dia tsy hita mivantana eto aza ny fibebahan-dravehivavy.

Noho izany, ny Fiangonana dia mamela heloka satria Fiangonana Tenan' i Kristy ety an-tany.

- **Perikopa :** Efes. 5 : 8-14.

Miaina tahaka ny olona ao amin' ny fahazavana ny mpino. Ny fahazavana sy ny asany dia ny fanavaozana ny maha-olona manontolo : taloha/maizina ; taoriana/mazava. Hita miharihary ny fiavahana eo amin' ny fitondrantena amin' ny fiteny sy ny fisainana ary ny fihetsika.

Ny finoana velona sy iainana ary arahan' asa no ahazoana manana ny fanavahana sy ny fahaizana manavaka (discernement) (Fil. 4 : 8 ; Rom. 14).

Ny adidy amin' ny maha-zanak' Andriamanitra sy ny maha-mpino (Efes. 5 : 1) dia ny adidy amn' ny fitondrantena (Jao. 17 : 11 ; 14).

Jesoa Kristy Fahazavana ho an' izao tontolo izao. Noho izany, ny Fiangonana Fahazavana ho an' izao tontolo izao.





- **Perikopa :** Jona 3.

Ny Jona 3 dia mampiseho amintsika indray fa fanantenana ny Tenin' Andriamanitra no endriky ny fitoriana ny Filazantsara. Ka hisian' ny fiovana, dia ny fanantenana ny famonjena sy ny finoana an' Andriamanitra velona. Ny anjaran' Andriamanitra sy ny toetrany dia noho Izy Ilay mahay miandry. Ilay mahay mandinika, Ilay mahay miova hevitra. Vonona amin' izay fiovana rehetra sy miasa ao amin' ny fiovana Izy.

Ny maha-zava dehibe ny trangan-javatra eo amin' ny fisiana amin' ny maha-olona sy eo amin' ny fifandraisana amin' Andriamanitra no hita eto. Ny tantaran' ny mponina tao Ninive dia mampiseho ny Zo ho amin' ny fiovana. Satria Andriamanitra no mitsara ny mponina ratsy fanahy. Jona no mamita iraka. Ny mponina miova fo ka Andriamanitra mamindra fo. Andriamanitra miova ka mponina miova, Jona miova, Jona tsy miteny.

Ny Tenin' Andriamanitra manana hery hanova. Ny asan' ny Tenin' Andriamanitra tsy mitsahatra eo amin' ny olona. Ny herin' ny Tenin' Andriamanitra mahary sy manavao hatrany. Ny fandairan' ny Tenin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny Asa Fitoriana ny Filazantsara sy ny toriteny ka hampiharina amin' ny fiainana andavan' andro dia hery manavao sy hery manova.

Ny akon' ny Tenin' Andriamanitra Fitiavana dia ny fiovana. Miafina sy sarotra hazavaina indrindra izany fa ekena amin' ny finoana kosa. Ny vontoatin' ny Asa Fitoriana ny Filazantsara sy ny toriteny dia ny filazana izay Tian' Andriamanitra lazaina sy izay tadiavin' Andriamanitra amin' ny olony.

*Hira ho tonom-bavaka :* Tompo o ! ovay ny foko mba ho mora anarina, toy an' ny zazakely tsotra sady marina (FFPM 470).

- **Perikopa :** II Sam. 11 sy 12.

Ny tantaran' i Davida, Batseba, Oria tamin' ny fampahatsiarovan-tsaina avy amin' i Jehovah (II Sam. 12). Hita eto ny fiovana sy fanovana teo amin' i Davida noho ny fibebahana tamin' ny ota : fijangajangana sy fitsiriritana. Nandray famelan-keloka i Davida.

Jesoa Kristy Mpamela heloka. Noho izany, ny Fiangonana Mpamela heloka.

- **Perikopa :** Sal. 32.

Ny fahasambarana sy ny fifaliana noho ny famelan-keloka no hita eto.

Izay maha-zava-dehibe ny famelan-keloka ka ny VIH < FAMELAN-KELOKA. Na dia miaina miaraka amin' ny VIH/SIDA aza dia mbola lehibe noho ny VIH ny famelan-keloka.

Ireo dingana roa (Sal. 32 : 5) dia ny :

¥ fanambarana ny fahotana amin' i Jehovah ;

¥ fiaikena ny fahadisoana.

Ny fahotan' ny fiangonana : aretin' ny rafitra (structural sin), fijerena tavan' olona (stigmatisation) dia irina ho Fiangonana mamela heloka na voavela heloka.

Ny Fiangonana toerana ahazoana famelan-keloka amin' ny fiteny sy ny amin' ny fihetsika.

**Fanamarihana :**

¥ Fiangonana mitory FITIAVANA amin' ny mpanota no manova azy ho tonga olom-baovao.

¥ Ny fiaikena heloka sy ny fibebahana no ahazoana ny famindram-po sy ny famelan-keloka ka handraisana ny fiainana sy ny famonjena.

¥ Ny famelan-keloka no azo, rehefa nambara tamin' ny Tompo ny fahotana sy ny heloka ka tsy nafenina (and. 5).

¥ Ny endriky ny famelan-keloka no hita ao amin' ny Salamo 32 : 6-11.

Jesoa Kristy Mpamela heloka. Noho izany, ny Fiangonana toerana andraisana ny famelan-keloka sy iainana ny famelan-keloka. Ka hita ao avokoa ireo endrika sy fahatanterahan' ny teny fikasana sy fampanantenana.

- **Perikopa :** Eze. 18.

Fiovana sy fanovana, Famelan-keloka, Fiainana, Famonjena, Fibebahana no hita eto amin' ity perikopa ity.

Ireo fanao tsy marina sy tsy mahitsy : Ny fialana amin' ny ratsy, amin' ny fahotana rehetra : fiovana sy fanovana, ny fibebahana (Eze. 18 : 20). Ny fahotana mitondra ho amin' ny fahafatesana (and. 31) (hadihadiana sy halalinina). Izay ataon' ny Fiangonana amin' ny fandraisana ireo olona vaovao, ny ratsy





niala tamin' ny fanaony ratsy. Izay ataon' i Jesoa Kristy amin' ireo olona mpanota, mpanao herisetra, mpanolana…

**Fandinihan-tena :**

Noho ny Asa Fitoriana ny Filazantsara dia niova fo ity vehivavy mpijaganjanga ka nanatona ny Fiangonana. Ahoana ny fihetsika sy ny fiteny ataon' ny Fiangonana amin' ity olom-baovao ity.

Jesoa Kristy eo amin' ny ota :

¥ naka ny toeran' ny mpanota na dia tsy nanana ota aza ;

¥ nandresy ny fakam-panahy. Noho izany ny Fiangonana dia sekolin' ny mpanota ka mitarika amin' ny fandresena ny fakam-panahy.

- **Perikopa :** Lio. 6 : 37-48.

Manainga tsy hanameloka olona i Jesoa Kristy satria nisy fiovana tanteraka amin' ny fitondrantena. Ny famindrampon' Andriamanitra no aseho eto (Lio. 6 : 36). Ilaina ny fanahafana ny Ray Mpamindra fo.

Jesoa Kristy Mpamela heloka. Andriamanitra Ray Mpamindra fo.

Fiangonana manahaka ny Ray ka mamindra fo, tsy manameloka.

- **Perikopa :** Mat. 9 : 2-5.

Jesoa nanasitrana ilay malemy tao Kapernaomy sy namela heloka (and. 2). Tsy misy fifonana na fibebahana hita eto (and. 5) fa safidy no atao.

Jesoa Kristy Mpamela heloka sy Mpanasitrana. Noho izany ny Fiangonana Mpamela heloka sy Mpanasitrana.

- **Perikopa :** Kol. 1 : 9-14.

Vavaka atao ho amin' ny famelan-keloka dia zava-dehibe tokoa ao amin' ny Fiangonana.

Jesoa Kristy mivavaka sy mifona ho antsika eo a-kavanan' ny Ray.

Noho izany, Fiangonana mivavaka ho amin' ny famelan-keloka.

- **Perikopa :** Heb. 9 : 20-22.

Raha tsy misy ra latsaka tsy misy famelan-keloka.

Jesosy Kristy nandatsaka ny Rny ho famelana ny helontsika. Noho izany, ny Fiangonana manao zava-dehibe ny R soan' i Kristy ho famelan-keloka amin' ny alalan' ny Eokaristia.

**- Perikopa :** Mat. 18 : 1-35.

Ny llana izorana ho amin' ny famelan-keloka :

and. 6 - 9 fampisehoana fa zava-doza ny fahotana

and. 10 - 14 ilay ondry nania ka hita indray

and. 15 - 18 izay atao raha diso taminao ny havana iray finoana aminao

and. 19 - 20 ny fiaraha-mivavaka

and. 21 - 35 ny fanoharana momba ilay mpanompo tsy mahay mamela.

Ny maha-zava-dehibe ny fanetretena sy ny famelan-keloka eo amin' ny fiainana no atoron' ny Perikopa eto.

Jesoa Kristy nanetry tena, tsy misy fireharehana (Fil. 2: 5). Noho izany, ny Fiangonana manetry tena sy mamela heloka. Ka manadino ireo tsy nety natao tamin' ny lasa no Fiangonana manao fanamby handresy ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

- **Perikopa :** Jak. 1 : 15.

Ny filna, ny ota, ny fahafatesana dia misy ifandraisany. Ny ota mitarika ho amin' ny fahafatesana. Ny filna tsy voafehy mitarika ho amin' ny ota.

Ny famelan-keloka kosa ho amin' ny fiainana, sy anton' ny fiainana. Noho izany, ny Fiangonana manoro ny llana ho amin' ny fiainana sy ny famelan-keloka.

- **Perikopa :** I Kor. 10 : 1-18.

Hita eto ny fampitandremana ny amin' ny fanompoan-tsampy satria ota. Ny famelan-keloka atolotra eo amin' ny Fandraisana ny Fanasan' ny Tompo no fanambin' ny Fiangonana.

Jesoa Kristy nanolotra ny Tenany sy ny Rny ho famelan-keloka amin' ny alalan' ny Sakramentan' ny Eokaristia. Noho izany ny Fiangonana mpizara ny Eokaristia sy ny famelan-keloka.

FEHINTENY

Ny teny farany ao amin' ny Fiangonana dia ny FAMELAN-KELOKA, sady izany rahateo no zaraina sy atolotra ary iainanao amin' ny Fiangonana. Fiangonana Mpamela heloka no Fiangonana manao fanamby handresy ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.





**2.2.9. - NY FITIAVANA**

Andriamanitra dia Fitiavana ***AGAPE***. Fitiavana araka an' Andriamanitra no tanisaina eto dia ilay Fitiavana manolotra sy manome manontolo. Fitiavana tsy mitady ny azy.

- **Perikopa :** Deo. 6 : 4-9.

Ny Fitiavana an' Andriamanitra amin' ny fo rehetra sy ny fanahy rehetra ary ny hery rehetra no atoron' ny Teny eto.

Jesoa Kristy tia an' Andriamanitra, voaporofo izany tamin' ny firaisany tamin' ny Rainy sy ny fanarahany ny sitrapony. Noho izany, ny Fiangonana tia an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy. Fiangonana miaraka sy tafaray amin' ny Lohan' ny Fiangonana. Ny FITIAVANA ny fanarahana ny sitrapon' Andriamanitra ao amin' ny Fiangonana no itarihany ny mpino ho tanjona ho tratrarina.

- **Perikopa :** Lio. 6 : 27-36

Manainga ho tia fahavalo i Jesoa Kristy. Ny fitiava-namana, ny fifankatiavana, ny famindram-po no anasan' i Jesoa Kristy ny mpanara-dia Azy harahany.

Jesoa Kristy tia sy mivavaka ho an' ny fahavalo ary mamindra fo aminy. Noho izany ny Fiangonana tia sy mivavaka ho an' ny fahavalo ary mamindra fo aminy.

- **Perikopa :** Ton. Sol. 8 : 5-7.

Fitiavana sy harena no hita eto. Anefa ny Fitiavana dia marina sy matotra. FITIAVANA > HARENA satria Fitiavana mahery vaika (Ton. 8 : 6).

Tsy mahavono ny Fitiavana na dia rano betsaka aza. Fitiavana tsy amidy.

Ny Fitiavan' i Jesoa Kristy dia nasehony tamin' ny nividianany antsika tamin' ny rany. Noho izany, ny Fiangonana dia mametraka ny Fitiavana ho ambonin' ny zavatra rehetra.

- **Perikopa :** I Kor. : 13

Ny Fitiavana na ny hiran' ny fitiavana no hita eto.

Ahoana ny hitanana ny fitiavana ao an-tokantrano ka hisian' ny fahononan-tena sy ny fifanajana ? Ny fametrahana ny anjara toeran' Andriamanitra

Fitiavana sy ny Teniny ao amin' ny fiainan-tokantrano no vahaolana mitana ny Fitiavana ao an-tokantrano.

Jesoa Kristy mahonon-tena sy manaja tena ary tia. Noho izany ny Fiangonana mahonon-tena sy manaja tena ary tia.

- **Perikopa :** II Sam. 13 : 1-22

Ny Fitiavana sintonina avy amin' ny Tantaran' i Tamara. Azo lazaina fa ny fanolanana nahazo azy dia tsy misy fitiavana fa herisetra.

Mila fandraisana andraikitra ny toe-javatra toy izao, dia ny fanolanana. Ny anjara andraikitry ny lehilahy eo amin' ny fitiavana amin' ny firaisana ara-nofo. Ny anjara andraikitry ny vehivavy eo amin' ny fitiavana amin' ny firaisana ara-nofo. Ny fanolanana sy ny herisetra mampitombo sy manamora ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA na dia misy aza ny fahononan-tena sy ny fanajana ny vady.

Manohitra ny herisetra Jesoa Kristy na dia niharany aza. Manandratra ny Fitiavana tsy misy herisetra i Jesoa Kristy. Noho izany, ny Fiangonana miandany amin' ny ady amin' ny herisetra ka mampianatra ny Fitiavana.

- **Perikopa :** Jao. 15 : 13

Ny fizarana Fitiavana dia ny mahafoy ny ainy, ny hamonjy ny sakaizany.

T sy misy olona manana fitiavana lehibe noho izao dia ny mahafoy tanteraka ny ainy ho an' ny olo-malalany.

Jesoa Kristy Fitiavana nahafoy ny ainy ho an' izao tontolo izao.

Noho izany, ny Fiangonana manolotra ny tenany am-pitiavana amin' ny mpiara-belona rehetra mba hamonjena sy hanampiana azy ireny.

- **Perikopa :** Ton. Sol. 6

Ny fitiavana eo amin' ny lahy sy ny vavy dia efa fifandraisana tao amin' ny fandaminan' Andriamanitra. Miralenta, ny fitiavana eo amin' ny lahy sy ny vavy (genre).

Mitovy ny fijerin' ny Jesoa Kristy ny lahy sy ny vavy eo amin' ny zony indrindra eo amin' ny fanambadiana amin' ny Fitiavana. Noho izany, ny Fiangonana miezaka hanana ny fijerin' i Jesoa Kristy eo amin' ny lahy sy ny vavy.





- **Perikopa :** I Jao. 4 : 7-21

Andriamanitra dia Fitiavana. Fitiavana sy fifankatiavana ary fandraisana an-tnana no ankasitrahan' Andriamanitra.

Ny sakana tsy ahazoan' ny fitiavana sy ny fifankatiavana toerana dia ny tahotra (and. 17).

Ny didy izay ambaran' ny I Jao. 4 : 7-21 dia raha manam-pitiavana an' Andriamanitra dia tsy maintsy manam-pitiavana ny namana iray finoana aminy ihany koa.

Ny endrika anehoana ny Fitiavana dia amin' ny fihetsika sy ny fiteny.

Ny fifankatiavana sy ny fanehoana ny fitiavan' Andriamanitra eo amin' ny Fiangonana no andraikitra raisina amin' izany.

Andriamanitra no efa tia antsika mialoha (and. 19b).

Jesoa Kristy mampianatra mitia. Noho izany, ny Fiangonana mampianatra mitia.

- **Perikopa :** Ton. Sol. 1 : 4

Ny filazana ny fitiavana amin' ny antsipiriany. Ny fanambarana sy ny fitoriana ny fitiavana. Ny fiderana ny olo-tiana, ireo no atoron' ny teksta.

Jesoa Kristy milaza ny fitiavany, nampiseho ny fitiavany tamin' ny fanolorany ny tenany. Noho izany, ny Fiangonana milaza ny fitiavany ny olona mpino ao aminy. Mpitory ny fitiavana amin' ny teny sy ny atao ny Fiangonana.

### FEHINTENY

Fitiavana ampianarina no fanamby lehibe ataon' ny Fiangonana miady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Raha miaina amin' ny fitiavana ***AGAPE*** ny olona ao amin' ny Fiangonana dia ho resy amin' ny ampahany betsaka ny fitondrantena ratsy tsy mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra. Ka ho voasakana ihany koa ny fiparitahan' ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

## 2.2.10. - NY MAHALAHY SY NY MAHAVAVY

Fiangonana miresaka sy miteny ary manazava ny amin' ny mahalahy sy ny mahavavy no fanamby lehibe apetraka. Hatramin' izao dia tsy ampy ny resaka izay ataon' ny Fiangonana eny fa na dia eo amin' ny sehatra fanomanana fanambadiana aza.

Fotoana izao miainga avy amin' ny Soratra Masina, hanaovana dingana lehibe ka hisoka-bava tsy hangina intsony hilaza sy hampianatra ary hitory fa **TSARA ny fahariana nataon' Andriamanitra amin' ny mahalahy sy ny mahavavy**.

- **Perikopa :** Gen. 2 : 19-25

Ny mahalahy sy ny mahavavy dia tsara ao amin' ny fiarahan' ny lahy sy ny vavy ao amin' ny fanambadiana :

Ny fanambadiana sy ny vady sahaza (Gen. 2 : 20) ;

Ny vavy sy ny lahy (Gen. 2 : 21-23) ;

Ny fanambadiana, ny firaisana ara-nofon' ny mpivady (Gen. 2 : 24-25) ;

Ny fanajana ny vady (Gen. 2 : 19-25) ;

Ny fahononan-tena (Gen. 2 : 19-25).

Jesoa Kristy nanao fampianarana ny amin' ny fanambadiana (Mat. 19). Fiangonana mampianatra sy manoro ary mitaiza ny amin' ny fanambadiana araka ny fandaminan' Andriamanitra sy ny nikendren' Andriamanitra azy.

- **Perikopa :** Ton. Sol. 2 : 16

Ahy irery ihany Ilay Hany malalako, ary Izaho irery ihany no Azy : dia Ilay mampandry ahy tsy manana ahiahy amin' ny ahi-maitso *(dikan-teny Ramorasata).*

Ny fifandraisan' ny lehilahy sy ny vehivavy :

- ny fifamatorana *(attachement)*
- ny fifanakalozan-kevitra *(dialogue)*
- ny fanajana ny vady *(fidlit)* amin' ny fomba ahoana ?
- ny fifankahazoana mifamaly *(le consentement mutuel)*

Jesoa Kristy nampitahain' ny Apostoly Paoly amin' ny fanambadiany ny Fiangonana (Efes. 5 : 22-33). Noho izany, ny Fiangonana vadin' i Kristy ka misy fifamatorana, fanajana, fifankahazoana mifamaly, fifanakalozan-kevitra mifamaly.





- **Perikopa :** Ton. Sol. 1 : 1-7

A velao izy hanoroka ahy amin' ny fanorohan' ny molony Fanomezan' Andriamanitra ny mahalahy sy ny mahavavy. Tsara ny mahalahy sy ny mahavavy : tsara ny lehilahy, tsara ihany koa ny vehivavy.

Ilaina indrindra ny manao resaka misokatra amin' ny fiteny mendrika ny amin' ny mahalahy sy ny mahavavy. Indrindra ny fitiavana eo amin' ny fifandraisan' ny lahy sy ny vavy.

Na ny lahy na ny vavy dia samy afaka milaza sy mamboraka ny amin' ny fitiavana sy izay maha-izy azy avy araka ny nahariana azy avy.

Tsy maintsy miaiky anefa ny Fiangonana fa nataony zavatra na resaka tsy azo atao mihitsy ny resaka mahalahy sy mahavavy indrindra ny resaka momba ny fitiavana eo amin' ny lehilahy sy ny vehivavy, natahorana mihitsy ny niresahana izany.

Miara-miaiky isika rehetra fa noraisin' ny fiaraha-monina io resaka momba ny mahalahy sy ny mahavavy io ary ny fitiavana ka nodisoiny indrindra, ka toa ny lafy ratsiny no hita kokoa sy izay vokadratsiny amin' ny alalan' ny herisetra aseho sy hita ao amin' ireny karazana sarimihetsika ireny na vidos.

Noho izany, ny Fiangonana manao fanamby amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia hanao ezaka goavana, hand tena tokoa, hisikim-ponitra mba hiresaka mazava sy tsotra **ny maha-tsara ny mahalahy sy ny mahavavy** hanambara indray sy hampahatsiaro ny zava-kendren' Andriamanitra tao amin' ny nahariany ny mahalahy sy ny mahavavy, hamerina indray ny FITIAVANA na ny fahatsaran' ny fifandraisan' ny lahy sy ny vavy amin' ny fanambadiana, ka ho tanteraka tokoa ny FIFANAJAN' NY MPIVADY.

Endrik' Andriamanitra ny olona ary voafaoka amin' izany ny mahalahy sy ny mahavavy ka fanomezana entina itiavana ny mahalahy sy ny mahavavy.

Hivavaka isika mba hahatonga ny Fiangonana hanana hery ho sahy hiresaka sy hilaza ny fahatsaran' ny mahalahy sy ny mahavavy.

Hivavaka isika ny ahazoan' ny olona mpino rehetra fa ao amin' ny planin' Andriamanitra ny fanaovana ny firaisana ara-nofo ho fitahiana raha mana-

raka ny sitrapon' Andriamanitra, fa fahotana kosa raha tsy manaraka ny sitrapon' Andriamanitra.

- **Perikopa :** Ton. Sol. 7 : 1-13

**An' ny malalako aho…"** Ny antsipiriany amin' ny tenan' ny vehivavy izay deraina ka misarika no hita eo. Izay azontsika ianarana avy amin' ity teksta ity dia fanomezan' Andriamanitra ho an' ny olona rehetra ny mahalahy sy ny mahavavy. Mila mifankasitraka izy samy mpivady. Ny iray midera ny iray ary toy izany satria samy tsara avy izy ireo.

Miaiky isika fa toa lafiny ratsy amin' ny mahalahy sy mahavavy fotsiny no hitantsika hatreto. Toa fady mihitsy aza ka tsy sahy miresaka ny mahalahy sy ny mahavavy isika.

Miaiky isika fa ny fiderana ny tenan' ny vehivavy dia lasa nivadika ho pornografia, hanairana ny filna ratsy fotsiny ihany.

Miaiky isika fa toa fomba ny mariazy, kanefa dia tsy mahatoky akory na ny lahy na ny vavy na dia nisy aza ny fifanekena tamin' ny andron' ny fampakaram-bady fa miaraka amin' ny olona hafa amin' ny firaisana ara-nofo ny sasany.

Miaiky isika fa tsy mahafehy tena fa mora latsaka amin' ny fakam-panahy, toa mandeha ara-nofo na dia olona ao amin' ny fiangonana aza, tsy mahatohitra ny filana ratsy na ny instinct sexuel.

Miaiky isika fa natao ho toy ny entam-barotra ny tenan' ny vehivavy, izay mitarika matetika ho amin' ny herisetra amin' ny vehivavy ka mahatonga ny fanolanana.

Jesoa Kristy maka ny Fiangonana ho Tenany ary Izy no Lohany. Noho izany ny Fiangonana Tenan' i Kristy izay azo atao amin' ny antsipiriany ny maha an' i Jesoa Kristy azy.

- **Perikopa :** Ton. Sol. 8 : 1-10

**T e-hanoroka anao aho…"**

Ity teksta ity dia mankalaza ny amin' ny fahatsaran' ny fitiavana (and. 1-7, and. 8-10).





Tsy kisendrasendra akory ny nanaovana ny olona ho karazany (genre) roa ny mahalahy sy ny mahavavy, fa efa tao an-tsain' Andriamanitra indrindra izany ary ao anatin' ny zava-kendreny eo amin' ny olombelona.

Ao amin' ny fanambadiana ihany no misy ny firaisana ara-nofo fa tsy araka ny sitrapon' Andriamanitra ny ivelan' izany na ny mialoha izany.

- **Perikopa :** Gal. 3 : 28-29

Kristy Jesoa sy ny mpino azy. Ny lahy sy ny vavy ao amin' i Jesoa Kristy. Raha an' i Kristy dia mpandova araka ny teny fikasana avokoa na ny lahy na ny vavy mino.

Eo amin' ny fiaraha-monina, tsy mitovy ny lahy sy ny vavy, ohatra ny vehivavy vady tsy mandova. Ny tsy fitovian' ny lahy sy ny vavy manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Ny vehivavy marefo kokoa noho ny herisetra sy ny fanolanana atao aminy ary ny fitondrantenan' ny vadiny lehilahy.

Jesoa Kristy manana fijery mitovy manoloana ny lahy sy ny vavy. Samy vonjena raha mino an' i Jesoa Kristy izy roroa. Samy mandova ny fiainana mandrakizay raha manaiky an' i Jesoa Kristy ho Tompo sy Mpamonjy izy roroa.

Noho izany, ny Fiangonana manana fijery mitovy eo amin' ny lahy sy ny vavy ka samy mpandova ny teny fikasana izy ireo. Fiangonana mampitovy ny fitondrana ny lehilahy sy ny vehivavy amin' ny fanompoana ny Tompo Jesoa Kristy.

- **Perikopa :** Jao. 4 : 7-30

Ny fifandraisan' ny lehilahy sy ny vehivavy sy ny fifandraisan' ny samihafa firenena.

Ilay vehivavy Samaritana teo ampantsakan' i Sykara sy Jesoa Kristy.

Ny lehilahy miteny amin' ny vehivavy (and. 7, and. 10, and. 13-14 ; 16).

Ny vehivavy namaly (and. 9 ; and. 11-12 ; and. 15, 17).

Jesoa Kristy no lehilahy mandika ny laln' ny fiaraha-monina satria ny Jiosy tsy manan-draharaha amin' ny Samaritana (and. 9). Vehivavy no iresahan' i Jesoa Kristy, tsy araka ny lalna Jiosy izany.

Noho izany, ny Fiangonana manorina fiaraha-monina vaovao ka mamelona indray ny fifandraisana efa nataon' Andriamanitra eo amin' ny olona samy olona, ny lehilahy sy ny vehivavy, ny samihafa firenena…

FEHINTENY

Tsara ny fahariana. Nanana izay nikendren' Andriamanitra azy ireny dia ny fifandraisana mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra. Ao amin' i Kristy izay efa nandresy ny hazo fijaliana sy ny fahafatesana no amelomana indray ny fifandraisana eo amin' ny mahalahy sy mahavavy.

Fiaraha-monina vaovao mirindra eo amin' ny lahy sy ny vavy no sitrapon' Andriamanitra. Mitaky ezaka avy amin' ny lehilahy indrindra indrindra izany amin' ny fahafantarana fa fifandraisana mirindra no ankasitrahana ataony amin' ny vehivavy. Toy izany ihany koa ny vehivavy. Ilaina indray ny ahatsiarovan' ny vehivavy fa mitovy ny fijeren' Andriamanitra azy sy ny lehilahy.





## 2.2.11. - NY FANDRAISANA ANDRAIKITRA

Mila fandraisana andraikitra ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Manan-kambara amin' izany indrindra ny teny avy ao amin' ny Soratra Masina.

- **Perikopa :** Est. 8 : 6a

Boky tsy dia miresaka loatra an' Andriamanitra na ny amin' Andriamanitra ny bokin' i Estera. Kanefa azo tarafina ihany araka ny Est. 4 : 14 ny amin' ny fandringanana fa, Ilay Tompon' ny tantara izay nifidy ny vahoaka Jiosy no miasa amin' ny alalan' ireo olony izay mijoro ho vavolombelona. Izay tena asehon' ny boky dia ny lalna ny amin' ny hoavy dia tsy iza fa Andriamanitra.

Vavaka fifonana sy fangatahana famonjena arahana fandraisana andraikitra no hita ao amin' ny Ataoko ahoana no fijery ny loza hanjo ny fireneko ?" Vavaka nataon' i Estera, noho ny didy famonoana sy fandringanana ny Jiosy izay nataon' i Hamana ao amin' ny Est. 3 : 6. Noho izany didy izany dia niteny tamin' Mpanjaka i Estera hoe : Ataoko ahoana no fijery ny loza hanjo ny fireneko ? Vavaka natao mba hanafoanana ny ratsy.

Ny fandraisana andraikitr' i Estera ka nandraisany ny fepetra rehetra, dia ireo paik' ady mazava tsara ho enti-misoroka ny fandringanana :

- ny fiatrehana ny olana sy ny fidirana an-tsehatra
- ny fanatonana ny Mpanjaka mba hamoaka didy
- ny fitodihana amin' ny Tenin' Andriamanitra
- tsy nijanona mihitsy i Estera raha tsy voatosika tanteraka ka resy i Hamana.

Ny fandresen' ny vahoaka Jiosy izay tsy azo raha tsy miady amin' ny fakam-panahy : I Kor. 10 : 13 ; Jak. 1 : 12 ; Deot. 20 : 3-4 ; Deot. 31 : 8 ; Jos. 1 : 8 ; Fil. 4 : 6 ; I Pet. 5 : 7 ; I Tim. 2.

Ny fandresena tsy azo raha tsy manana finoana, izay fiainana miaraka amin' Andriamanitra, fitondrantena mifanaraka amin' ny Tenin' Andriamanitra, filazantsara iainana. Hoy ny Tompo amintsika :

Aza matahotra ianao, fa momba anao Aho Isa. 41 : 10

”Antsoy aho amin’ ny andro fahoriana, dia hamonjy anao Aho, ka hanome voninahitra Ahy ianao Sal. 50 : 15.

Aza manahy ianareo Mat. 6 : 25-32

Izy no hiaraka aminao ; tsy handao anao na hahafoy anao Izy Deot. 31 : 8.

Apetraho aminy ny fanahianareo rehetra, fa Izy no miahy anareo I Pet. 5 : 7.

Ny fandresena tsy azo raha tsy mahonon-tena, manaja tena, manaja vady.

Ny fandraisana andraikitra mitaky fanetretena : Estera feno fanetretena (Est. 8 : 3). Ny fandraisana andraikitra mitaky fanaovana ny fahamarinana (Est. 8 : 3). Estera niady ka naharitra hatramin’ ny fandresena farany (Est. 9 : 6a).

Andriamanitra mandray ny olona rehetra :

- olona manana ny tsimok’ aretina VIH/SIDA manatona an’ Andriamanitra ;
- tsy mitondra vahaolana hatrany na hoe manala olana Andriamanitra. Tsy misy fahagagana akory hoe afaka ny tsimok’ aretina VIH/SIDA rehefa manatona an’ Andriamanitra.

Fifehezan-tena no atao sy vita raha manatona an’ Andriamanitra isika. Tsara ny manana an’ Andriamanitra, fa tsara lavitra raha miaraka amin’ Andriamanitra, mifehy tena amin’ ny alalan’ ny vavaka sy ny herin’ ny Fanahy Masina.

Raha tsy maintsy ho faty ihany noho ny tsimok’ aretina VIH/SIDA, hafa ny maty ny VIH/SIDA efa nahafantatra ny famonjen’ Andriamanitra sy ny Fitiavany amin’ ny alalan’ ny finoana an’ i Jesoa Kristy.

Ny Tenin’ Andriamanitra manampy amin’ ny fisorohana ny fihanaky ny tsimok’ aretina VIH/SIDA :

- amin’ ny alalan’ ny fitondrantena mifanaraka amin’ ny sitrapon’ Andriamanitra : *abstinence et fidlité* .
- amin’ ny fitsaboana ny saina sy ny fanahy ary ny vatana tsy maintsy ho faty noho ny tsimok’ aretina.
- amin’ ny fampaherezana ny marary.





Noho izany azo atao tsara ny miaina *positivement”* miaraka amin’ ny tsimok’ aretina VIH/SIDA.

Ilaina indray ny fanoritana mazava izay andraikitra raisin’ ny Fiangonana eo anoloan’ ny ratsy mamely ny Malagasy ny amin’ ny fandriganana sy noho ny loza ateraky ny aretina SIDA.

- **Perikopa :** Eze. 37 : 1-14

Fiangonana mitondra fiainana. Niala amin’ ny fahafatesana ho amin’ ny fiainana. Ezekiela no sarin’ ny Fiangonana Kristiana.

and. 1-8 : tonga amin’ ny Kristiana ny Tenin’ i Jehovah ny amin’ ny zava misy : endriky ny taola-maina.

and. 9-10 : Ny faminanian’ ny Fiangonana. Ireo endriky ny fizarana fiainana nataon’ ny Fiangonana.

Ny fialana amin’ ny fasana ho amin’ ny tany ka honina. Izay atao ialana amin’ ny fahafatesana (fasana) ho amin’ ny fiainana (tany).

Ny fanambin’ ny Fiangonana manoloana ny fahafatesana amin’ ny fasana misokatra noho ny fihanaky ny VIH/SIDA dia ny fitoriana an’ i Jesoa Kristy Fiainana. Nandresy ny fahafatesana teo amin’ ny hazo fijaliana Izy. Noho izany, ny Fiangonana dia mizara fiainana ka manampy ny olona hiala amin’ ny fahafatesana ho amin’ ny fiainana.

- **Perikopa :** Gen. 1 : 28-30

Manana ny zavatra rehetra ny zava-boaharin’ Andriamanitra. Ny zavakendrena dia ny fahatokiana an’ Andriamanitra Mpahary izay mitaky fandraisana andraikitra.

Ny zava-misy toy ny fahantrana, ny olona tsy manana, mahantra, marary sy matin’ ny SIDA dia mitaky ny fandraisan’ andraikitra ny Fiangonana araka ny Tenin’ Andriamanitra.

Jesoa Kristy mandray andraikitra noho ny Tenin’ Andriamanitra. Noho izany ny Fiangonana mahay mandray andraikitra ka mamaly soa mivantana sy tsy mivantana amin’ ny zava-boahary rehetra.

- **Perikopa :** Sal : 24

An' Andriamanitra avokoa ny tany sy izay rehetra eo aminy (and. 1).

Misy madio tanana sy mahitsy fo (and. 4), misy ny tsy manandratra ny fanahiny ho amin' ny lainga na mianiana hamitaka. Ireny no handray ny fitahiana avy amin' i Jehovah.

Ny fananana sy ny fahantrana ary ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia tsy mijery mahantra na manana ny tsimok' aretina. Handray ny fitahiana sy ny famonjena kosa izay manaraka ny sitrapon' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy.

Fiangonana mandray fitahiana sy famonjena satria manaraka ny sitrapon' i Jesoa Kristy amin' ny fandraisana andraikitra.

FEHINTENY

Mamaly izay fanontaniana na filna miseho ny mandray andraikitra. Ny olona eo amin' ny toerana hitondrana ny fanontaniana sy ilazana ny zavatra ilaina no mamaly manome fahafahampo amin' izay andrasana aminy.

Fandraisan' andraikitry ny olona tsirairay aloha, ny fanamby handresen' ny Fiangonana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Avy eo, vao fandraisan' andraikitry ny rehetra sy ny daholobe. Voafaokan' izany ny fikambanana indrindra ny fiangonana.





## 2.2.12. - NY FANAVAOZANA INDRAY NY FITORIANA NY FILAZANTSARA

Efa taona maro no nitorian' ny Fiangonana ny Filazantsara. Amin' izao toe-java-misy amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA izao indray anefa, dia antsoina indray ny Fiangonana hanavao ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly. Tena asa fitoriana ny Filazantsara tokoa mantsy ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Tsy maintsy toriana indray ny Fitiavan' Andriamanitra. Ny tanjona amin' izany dia ny ahatongavan' ny olona na iza na iza hino sy hatoky an' Andriamanitra ao amin' i Jesoa Kristy.

- **Perikopa :** Eks. 3 : 1-12

Ny fanafahana ny olona dia amin' ny alalan' ny fanaovana ny fahamarinana araka ny Eks. 3.

Ireo endriky ny fanagejana samihafa misy no ilna an' Andriamanitra sy Jesoa Kristy Mpanafaka.

Misy ny fanafahana azo atao. Ny Fiangonana dia iraka hanafaka ka ny endrika isehoany dia amin' ny fitoriana ny Filazantsara. Ny Fiangonana iraka dia hanao ny fahamarinana ka ny endrika isehoany dia amin' ny fijoroany ho vavolombelona.

Noho ny fanagejana samihafa sy ny tsy fanajana ny zon' olombelona ary ny tsy fanaovana ny fahamarinana no mampihanaka ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Izay ataon' ny Fiangonana mba hanafahana ny olona dia ny fahamarinana izay katsahiny.

- **Perikopa :** Jak. 2 : 1-13

Ny fampahatsiarovana indray ny amin' ny tsy mahamety ny fizahan-tavan' olona amin' ny finoana an' i Jesoa Kristy. Manota izay mizaha tavan' olona (and. 9).

Jesoa Kristy tsy mizaha tavan' olona, tsy miangatra, tsy manavakavaka, tsy manilikilika. Noho izany, ny Fiangonana tsy mizaha tavan' olona, tsy miangatra, tsy manavakavaka, tsy manilikilika ny Fiangonana manavao indray ny fitoriana ny Filazantsara.

FEHINTENY

Asam-panafahana ny asa fitoriana ny Filazantsara. Asa tsy hanavakavahana ihany koa. Na dia efa asan' ny Fiangonana hatramin' izay ary, dia ilaina indray ny hanavaozana ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly.

Teny telo indrindra no netina tamin' ity boky ity mba hodinihina sy hohalalinina indray. FIAINANA, FAMONJENA, FITIAVANA izay fototry ny Vaovao Mahafaly.

Fitoriana ny Vaovao Mahafaly misy fiantraikany eo amin' ny finoan' ny Fiangonana no tanjona kendrena ka ho Fitiavana sy Famonjena ary Fiainana hiainana tokoa.

Tena asan' ny Fiangonana tokoa. Asa ahazoana miady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Asa tsy maintsy atao ary ahazoana antoka fa handresy ny Fiangonana noho Ilay lohan' ny Fiangonana dia i Jesoa Kristy.



TOKO III

## NY MARIKA IRAISAM-PIRENENA

Maro ireo marika iraisam-pirenena ampiasaina amin' ny ady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA toy ny fampirehetana labozia, ny ribà mena…

### 2.3.1. - Ny labozia mirehitra :

Fanehoana firaisan-kina ho an' ireo rehetra maty noho ny tsimok' aretina VIH/SIDA ny labozia mirehitra. Ny hazavana ao amin' ny labozy mirehitra mitory fanantenana sy fitiavana. Fahatsiarovana izay rehetra miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA sy ireo namoy ny ainy.

### 2.3.2. - Ny rib mena :

Fampianarana ny amin' NY RIBA MENA izay marika iraisam-pirenena amin' ny ady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ny rib mena.

### 2.3.2.1. - Ny niandohany :

Tamin' ny alalan' ny Fikambanan' artista tany New York tamin' ny 1991 no niandohany. Ny rib mena mivona dia lasa marika iraisam-pirenena amin' ny ady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

¥ Amin' ny fiombonana sy ny firaisan-kina[1] amin' ireo olona rehetra nitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA ka namoy ny ainy sy ireo mbola velona.

¥ Fahatsiarovana sy fanohanana ireo kamboty noho ny fahafatesan' ireo ray amandreny noho ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

¥ Fiarahana mitondra ny olana sy fiarahana mitady vaha-olana amin' ity olana mampanahy ity.

¥ Marika entina anehoana ny firaisan-kina sy ny fiombonana ary fanajana ireo rehetra maty noho ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

¥ Fiombonana amin' ireo namoy havana.

¥ Fijoroana fa mandray andraikitra amin' ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

¥ Fanampiana ny hafa tsy ho tratry ny aretina.

(1) Compassion et solidarit.

### 2.3.2.2. - Ny loko mena dia :

¥ Lokon' ny ra izay mikoriana itoerana sy iveloman' ny VIH/SIDA.
¥ Ny loko mena maneho FITIAVANA ho an' ny olona rehetra na dia olona miaina miaraka aminny tsimokaretina VIH/SIDA na PVVIH aza.
¥ Ny loko mena milaza loza satria loza tokoa sy fandringanana no vokatry ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

### 2.3.2.3. - Ny vona :

Milaza olana tsy voavaha satria aretina tsy mbola nahitana fanafana ny areti-mandoza SIDA.

Noho izany dia izao no toe-tsaina vaovao rehefa mitondra ny rib mena isika :

¥ tsy manameloka ;
¥ tsy manilikilika ;
¥ mamindra fo ;
¥ mandray an-tnana ;
¥ manasitrana sy manampy;
¥ vonona amin' ny adihevitra misokatra ;
¥ maneho fitiavana na amin' ny fiteny na fihetsika amam-pitondratena.

**FEHINTENY**

Ny marika iraisam-pirenena ny labozia mirehitra sy ny rib mena" dia fanamafisana ny fiombonana(1) sy ny tsy fanilikilihana.

Isaky ny fihaonana momba ny ady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia ilaina hatrany ny labozia mirehitra, ny rib mena…

Ilaina entina hatrany io rib mena io ahitana sy hampitana ny hafatra ny amin' ny ady atao amin' ny SIDA.

Ho fampitana ny hafatra dia ilaina indray ny itenenan' ny Fiangonana sy ihainoany ihany koa amin' ny alalan' ny toriteny.

(1) Compassion et solidarit.





## NY FANAOVANA TORITENY

Ny fomba enti-mitory ny Tenin' Andriamanitra manoloana ny teksta sy ny zava-misy ny aminny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA no aroso eto. Ampahatsiahivina ireo fotokevitra ao amin' ny Soratra Masina dia ny fizarana Fiainana, ny fizarana Famonjena ary ny fizarana Fitiavana.

Amin' ny teksta na perikopa eo amintsika ry dia tadiavina i JESOA KRISTY : izay nataony sy noteneniny manoloana ny trangan-javatra iray.

Isika Fiangonana manahaka an' i JESOA KRISTY satria Tenan' i Kristy ety an-tany ka manao izay nataony sy miteny izay noteneniny.

Isika no votoatin' ny hafatra ao amin' ny toriteny izay ataon' ny fiangonana manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA ka ampaherezany sy itarihany ny olona mpino mba ho sahy hiatrika ny zava-misy eo amin' ny fiaraha-monina ka hitondra tena tsara araka izay ankasitrahan' Andriamanitra ny olona ao amin' ny Fiangonana.

### 2.4.1. - Fomba fanaovana toriteny amin' ny toe-java-misy ny VIH/SIDA.

Tsy toriteny fanamelohana no atao ka hahakivy ireo olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Tsy toriteny hanamafy ny fanavakavahana na fanilikilihana ny olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA, fa toriteny kosa manamafy ny fiombonana ao amin' ny fiainan' ny Fiangonana, eo amin' ny samy mpino. Toriteny mitarika ho amin' ny fiovana na fanovana eo amin' ny fomba fijery ny hafa ka ho fijery am-pitiavana ny namana ; eo amin' ny fisainana ka hanana ny sain' i Kristy Jesoa ; eo amin' ny fitondra-tena amam-pihetsika ka hitandrina indrindra ireo didin' Andriamanitra ny amin' ny tsy fijangajangana ka hitondra tena araka ny sitrapon' Andriamanitra. Toriteny manambara ny Fitiavana sy ny endriky ny Fitiavana iainana. Toriteny mampiseho fa mbola misy ny Fanantenana. CCCC *(Communication pour un Changement Complet de Comportement)* no tanjon' ny toriteny ataon' ny Fiangonana manao fanamby amin' ny ady atao amin' ny SIDA. Tena asa fitoriana ny Filazantsara indrindra izany.

Toriteny mampibaribary fa mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA ny Fiangonana raha mbola misy ny fanavakavahana sy ny fanilikilihana ary ny fanamelohana. Ny tsy fitenenana na ny fahanginan' ny Fiangonana dia mampihanaka ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Tonga ny fotoana itenenan' ny Fiangonana izao ka anaovany toriteny ilazana fa fahavalo sy loza azo resena tsara amin' ny finoana an' i Jesoa Kristy Ilay Zanak' Andriamanitra ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Amin' ny alalan' ny toriteny no anaovan' ny Fiangonana fanamby amin' ny ady ka handresy tahaka an' i Jesoa Kristy izy. Mandresy ny fahafatesana, ny fahotana, ny fahavalo. Fanamby fa hiova ny Fiangonana ka hanova ny toetra mpanavakavaka sy mpanilikilika ireo sokajin' olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Fanamby iarovana hatrany ny fiainana sy ny fikatsahana ary ny fandalna ny fahavelomana. Fanamby fa ny Fiangonana dia hanambara ny fahatsaran' ny mahalahy sy ny mahavavy tamin' ny fahariana izay notanterahan' Andriamanitra. Fanamby fa tsy moraly anatranatra intsony ny toriteny fa fanambarana sy fitoriana an' i Jesoa Kristy ka hitarihana ny mpino hanahaka Azy. Fanamby fa hisy akony ho anny fiaraha-monina sy ny fiainan' ny tsirairay ny hafatra ampitaina ao amin' ny toriteny.

Toriteny manambara am-pahasahiana ny hafatra, fa ny famelan-keloka no ambony indrindra sy tompon' ny teny farany fa tsy fahotana akory. Fitadiavana sy fikatsahana hatrany ny fifamelan-keloka no fitaomana ny olona ao amin' ny toriteny.

Ny fangorahana sy ny faha-onena-na am-pitiavana no toetra takiana amin' ny Fiangonana ka aseho indrindra izany amin' ny fanatonana sy ny fanampiana ireo olona marary sy mitsabo ny marary noho ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Ny Fiangonana no natao ho fandraisana ny olona rehetra : ny toerana iray ahazoana mihaino ny manahirana rehetra sy fanasitranana.

Fiangonana vonona amin' ny adi-hevitra misokatra toy ny resaka ny amin' ny tsy fahanginana, eo amin' ny fahatsaran' ny mahalahy sy mahavavy…

Fiangonana mitory ny tsy maha-mety ny fisaratsarahana sy ny fanavakavahana ary ny fanilikilihana satria tsy mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra indrindra izany.



Fiangonana manahaka an' Andriamanitra tsy mizaha tavan' olona. Fiangonana mampiseho fa ny Filazantsara izay toriany dia inoany ka ijoroany vavolombelona izany finoana izany. Ho fampitana ny hafatra dia ilaina indray ny itenenan' ny Fiangonana sy ihainoany ihany koa amin' ny alalan' ny toriteny.

### 2.4.2. - Ohatra toriteny

Karazana telo ny toriteny atolotra eto : ny Famelan-keloka, ny Fanantenana, ny Fitiavana. Hevitra ihany no aroso fa ny fandrafetana dia araka ny tsirairay.

#### 2.4.2.1. - Toriteny ny amin' ny famelan-keloka

Ny Jaona 8 : 1-11 dia mitantara ilay vehivavy azo nijangajanga. Jesoa Kristy tsy nanameloka azy fa namela heloka. Noho izany, ny Fiangonana tsy manameloka. Jesoa Kristy nananatra azy mba tsy hanota intsony. Noho izany, ny Fiangonana mampahery sy manampy ny olona mpino mba tsy hanota intsony amin' izao sisa izao.

Ireo hevitra samihafa azo sintonina avy amin' ny lahatsoratra :

¥ **Ny ota :** Hotoraham-bato izay rehetra tratra mijangajanga, araka ny lalan' i Mosesy. Tsy ilay vehivavy irery no nanota. Misy lehilahy any niaraka nijangajanga taminy.

Tsy maintsy marihina ireo olona sy mpanora-dlana sy ny Fariseo izay tsy sahy nitora-bato an' ilay vehivavy, satria nahatsiaro tena fa manana ota. Hoy i Jesoa Kristy : Izay tsy nanota teo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany. (Jao. 8 : 7). Ny lojika dia milaza manamarina fa manana ota ihany koa ireto olona nitondra an-dravehivavy azo nijangajanga teo amin' i Jesoa Kristy. Ny Jao. 8 : 9 dia mampiseho fa raha nandre izany izy ireo, dia nivoaka tsirairay hatramin' ny zokiny indrindra ka hatramin' ny zandrinjandriny. Jesoa irery ihany no sisa teo sy ilay vehivavy. Ireo izany no tsy nanota. Mpanota avokoa ny olona rehetra, izany indrindra no ilana ny famelan-keloka.

¥ **Ny Famelan-keloka** no niafaran' ny fitondrana ilay vehivavy azo nijangajanga izay nentin' ny mpanora-dalana sy ny Fariseo teo amin' i Jesoa Kristy. Marihina fa tsy hita soritra eto na ny fifonana na ny fibebahana nataon' ilay vehivavy (and. 11). Maneho ny Fitiavan' Andriamanitra ao amin'

ny famindrampony maharitra mandrakizay izany. Afaka miaina indray ravehivavy noho ny famelan-keloka azony. Izaho koa tsy manameloka anao, hoy i Jesoa Kristy tamin-dravehivavy. Jesoa Kristy tsy miampanga. Jesoa Kristy mamela heloka. Manafaka ny famelan-keloka. Mandrava ny sakana rehetra ny famelan-keloka.

Fa manafatra kosa i Jesoa Kristy taorian' ny famelan-keloka ny amin' izao sisa izao dia aza manota intsony (Jao. 8.11) fa miain ny fianambaovao. Midika ho fanafahana tanteraka izao.

Azo atao tsara ny tsy manota intsony satria voavela heloka. Mihoatra lavitra noho ny fahotana ny voavela heloka. Azo atao tsara ny miala amin' ny fahotana tamin' ny alalan' ny fiovana sy ny asa fanovan' Andriamanitra. Ny famelan-keloka no tompon' ny teny farany, lehibe lavitra ny famelan-keloka sy ny fitiavan' Andriamanitra noho ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Isika mpino Kristiana ao amin' ny Fiangonana dia mamela heloka tahaka an' i Jesoa Kristy. Ny famelan-keloka no maha-Kristiana ny Kristiana. Eo amin' izay misy fiampangana no hanahafan' ny Fiangonana an' i Jesoa Kristy ka hanambarany ny famelan-keloka Izy tenany sy ny Rny soa indrindra. Tena afaka mamela ny helok' izay faran' izay mpanota i Jesoa Kristy. Fiangonana tsy miampanga no Fiangonana manao fanamby. Fiangonana mampiseho Fitiavana amin' ny alalan' ny famelan-keloka no Fiangonana manao fanamby.

**2.4.2.2. - Toriteny ny amin' ny fanantenana** (Mar. 5 : 21-43)

Ny Hebreo 2 : 9 dia mampiseho fa Andriamanitra miara-miaritra amintsika. Tsy irery isika amin' ny asa atao amin' ny ady amin' ny SIDA (II Kor. 1 : 1-18). Andriamanitra mampanantena fa Andriamanitsika amin' ny adintsika Izy (Fil. 3 : 10). Andriamanitra mampanantena fandresena ankoatry ny fotoana fahoriana amin' ny mandrakizay (Rom. 8 : 8 ; 21 : 1-5).

Ireo hevitra samihafa azo sintonina avy amin' ny Perikopa.

- Zaza efa ho faty no nanatona an' i Jesoa Kristy izay mitady fanasitranana. Ilay Rain' ny zaza no nankeo amin' ny tongotr' i Jesoa Kristy. Onena Izy nangoraka. Nanaiky i Jesoa Kristy handeha hamangy azy ka hanasitrana ilay zaza. Zanak' i Jairo ilay zaza. Nampaherezin' i Jesoa izy ireo tamin' ny famelomany indray ny fanantenana fa tsy maty ny zaza fa matory.



- Vehivavy mandeha r mandritra ny 12 taona. Nanatona an' i Jesoa Kristy nitady fahasitranana izy. Na dia misy sakana aza noho ny lalna misy, satria heverina ho maloto ny vehivavy mandeha r, dia tsy very fanantenana izy fa nanao izay hahakasihana an' i Jesoa Kristy. Na dia ny fitafiany ihany aza no ho voatendriko, dia ho sitrana aho. Vehivavy mitady famonjena tamin' ny finoana sy fanantenana ka nahazo fahasitranana (Mar. 5 : 29) no hita eto. Jesoa nahafantatra fa nisy hery niala tao Aminy ka nanao hoe : Iza izany nanendry ny lambako izany ? (and. 30). Hoy i Jesoa taminy : Araka ny finoanao no nahasitrana anao (and. 34).

Jesoa Kristy Loharano tsy mety ritran' ny fanantenana. Jesoa Kristy vahaolana amin' ny fahasahiranantsika, hatramin' ny olana amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Saingy manana ny fotoanany hamaliana Izy. Indraindray toa tsy mahazo valim-bavaka, tsy tokony hahakivy anefa izany. Jesoa Kristy fanantenantsika. Amin' izay tsy misy azo antenaina no mbola anantenantsika an' i Jesoa Kristy. Tahaka an' i Abrahama sy Saraha na dia antitra aza, noho ny teny fikasana ny amin' ny hitahiana ny firenena rehetra amin' ny alalan' ny taranak' i Abrahama sy Saraha dia nanantena hatrany izy ireo.

Jesoa Kristy mpanelanelana an' Andriamanitra sy ny olona. Raha matoky an' i Jesoa Kristy ny olona, dia omeny ny fiadanana anaty sy fahasitranana izay hafa noho ny fanomen' izao tontolo izao. Mety mbola hitoetra ao amin' ny tena ny tsimok' aretina VIH/SIDA, kanefa sitrana satria mino sy manantena an' i Jesoa Kristy Fiainana sy Fiainana mandrakizay sady Izy rahateo no Tompon' ny Teny farany.

Isika dia mety ho diso fanantenana matetika, noho ny olana misy eo amin' ny fiainana, noho ny ataon' ny olona sasany izay mandiso fanantenana. Tsy very fanantenana ny mpino noho ny amin' i Jesoa Kristy izay Loharano tsy mety ritra amin' ny fanantenana. Hanao tahaka an' i Jairo, noho ny finoana, dia nandeha nitady nanatona an' i Jesoa Kristy mba hahazoan' ny zanany vavy fahasitranana. Isika ihany koa handeha hanatona an' i Jesoa Kristy hangataka fahasitranana ho an' ireo havantsika miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Lazaina fa tsy misy fanafana ny aretina. Ny fikarohana amin' ny fanafody sy ny vaksiny mandroso. Isika kosa manantena fa izay tsy hain' ny olona hain' Andriamanitra. Mihoatra lavitra noho izay heverintsika no ataon' Andriamanitra raha mino sy matoky Azy isika. Fanantenana ny ho sitrana

tahaka ilay vehivavy izay nandeha r    12 taona raha nahakasika an' i Jesoa Kristy amin' ny finoana no fanantenantsika. Manana fanantenana isika ka hitondra sy hizara izany fanantenana izany amin' ny hafa ihany koa, indrindra amin' ireo miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

**2.4.2.3. - Toriteny ny amin' ny fitiavana** (I Jaona 4 ; I Kor. 13 ; Jao. 13)

Ny fahalehibiazan' ny fitiavana : Andriamanitra dia Fitiavana ***AGAPE*** hatramin' izay ka ho mandrakizay. Mitoetra ny Fitiavan' Andriamanitra ***AGAPE***. Fitiavana no tompon' ny teny farany amin' ny zavatra rehetra : tsy ny tsimok' aretina, tsy ny fahotana, tsy ny fahafatesana. Tsy miova ny Fitiavan' Andriamanitra na eo amin' ny toerana isehoany na amin' ny fotoana anehoany izany.

Ny endrika isehoan' ny fitiavana dia tamin' ny fanomezana sy fanolorana tanteraka sy feno. Fitiavana manampy ny olona amin' ny alalan' ny fanoroana ny llana    dia ny sitrapon' Andriamanitra ahazoana ny fiainana be dia be, ny famonjena, ny fitiavana. Mampisy fitiavana ao am-pon' ny olona ny Fanahin' Andriamanitra hahatonga azy ireny hanahaka an' Andriamanitra Ray be Fitiavana.

Tia ny rehetra sy izao tontolo izao Andriamanitra (Jao. 3 : 16). Tsy misy fanavakavahana na fanilikilihana. Mitovy tantana ny Fitiavan' Andriamanitra, tsy misy fiangarana. Andriamanitra tsy mizaha tavan' olona. Tsy manary na mampihataka ny olona mitondra ny tsimok' aretina Izy. Tian' Andriamanitra ny olona miaina miaraka amin' ny VIH/SIDA. Mandray sy mikarakara ary manafaka amin' izay manahirana Izy. Tia tokoa, Tia loatra hatramin' ny voalohany ka hatramin' ny farany Andriamanitra ao amin' i Jesoa Kristy, ka izay manatona Azy dia tsy mba laviny akory. Jesoa Kristy izay nomeny. Jesoa Kristy natolotra.

Izay andrasana amin' ny Fiangonana dia ny fanamafisana indray ny fifankatiavana eo amin' ny samy mpino Kristiana (Lev. 19 : 18b). Ny ahazoana mamerina izany fifankatiavana sy fiombonan' aina izany dia amin' ny alalan' ny fiverenana indray amin' ny Soratra Masina. Ka ny laln'     ny fitiavana izay atorony indray no izorana. Didin' i Jesoa Kristy indrindra ny fifankatiavana (Jao. 33 : 34) dia tahaka ny nitiavan' i Jesoa Kristy ny mpianatra.



Ny fitiavan' ny Fiangonana an' Andriamanitra araka ny foto-kevitry ny Soratra Masina sy ny didy folo (Deo. 6 : 5) ka nampisehoan' ny Fiangonana indray ny endriky ny fitiavan' Andriamanitra amin' ny fiteniny sy ny ataony ary ny fitondrantenany. Fiangonana ampy amin' ny Fitiavana satria miray amin' i Jesoa Kristy Fitiavana izay Lohany. Fiangonana mampianatra sy mitarika ny mpino mba hikatsaka mandrakariva ny Fitiavana.

Fiangonana iainana ny Fitiavana tsy mitady ny azy fa ny an' ny hafa kosa. Fiangonana toerana misy Fitiavana ka manafaka amin' ny fankahalana, filan-dratsy, herisetra, tsy fanajana ny zon' olombelona eo amin' izay rehetra itoriana FITIAVANA. Fiangonana mpizara fitiavana ka mihaino ireo olana samihafa noho ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Fiangonana mpizara fitiavana ka mihaino ireo olana samihafa noho ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Fiangonana Fitiavana ka mitondra ny hanitr' i Kristy, tanana mitsotra mizara sy manampy, tongotra mandeha mizara fanantenana sy finoana vokatry ny Filazantsara.

Fitiavana ianarana avy amin' ny Soratra Masina. Fitiavana mitombo hatrany avy amin' ny Fitiavana sy Jesoa Kristy Fitiavana, loharano tsy mety ritra. Fitiavana tahaka ny an' i Jesoa Kristy tsy miova sy maharitra.

FEHINTENY

Zava-dehibe tokoa ny fandrafetana indray ny toriteny ao amin' ny tontolon' ny zava-misy ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Toriteny fandresen-dahatra miainga amin' ny fotokevitra samihafa ny famporisihana ny olona ho amin' ny fiarovana sy ny fisorohana ary ny fifanajana araka ny Tenin' Andriamanitra…

Ilaina indray ny hamolavolana toriteny mba hazava amin' ny vahoaka ny hafatra tiana hampitaina avy amin' ny Soratra Masina.

Miaraka amin' ny toriteny izay ataon' ny Fiangonana dia ao ihany koa ny vavaka.

## TOKO V

## VAVAKA

Ny vavaka no maha-Fiangonana izay manao fanamby amin' ny handresena ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Miaraka amin' ny fandinihana ny Soratra Masina sy ny fananganana teny faneva sy filamatra ary ny fanaovana toriteny, dia tena zava-dehibe tokoa ny vavaka.

Karazana tonom-bavaka vitsivitsy no aroso eto dia vavaka fifonana, vavaka fisaorana ary vavaka fangatahana.

### 2.5.1. - Vavaka fifonana :

Ry Jesoa Kristy Lohan' ny Fiangonana !

Miantr ny manana andraikitra rehetra noho ny tsy fahampian' ny fanarahana Anao eo amin' ny fandraisana andraikitra sy ny atao ka manampatra fahefana sy mamono mahafaty (Davida, Oria, Batseba).

Manilikilika ny hafa izay manelingelina ny tombontsoa (Davida, Oria, Batseba).

Mandeha ara-nofo, tsy mihaino ny hafa, tsy manam-pitiavana, tia tena (Amnona, Jonadaba, Tamara).

Be ny fitiavam-bola ka tsy manao ny marina (Jodasy).

Mampiady sy mampisaraka eo amin' ny Fiangonana noho ny fitiavana ny fahefana te-hanjaka.

Mifikitra amin' ny rafitry ny fiangonana izay nataon' ny olona na dia tsy mifanaraka amin' ny hafatry ny Tenin' Andriamanitra aza.

Manamafy fo (Eze. 37), manao tsinontsinona ny zon' olombelona indrindra ny zon' ny vehivavy ka mihevitra ireny vehivavy ireny ho toy ny zavatra ihany.

Mora mitsara, miampanga, manameloka izay nania ka manilika azy ireny.



Manao kolikoly, tsy manaja ny rariny sy ny hitsiny ary mijery tavan' olona.

Mifona sy mivalo Aminao izahay Andriamanitra ! Ovay izahay.

Mifona izahay noho ny fahakiviana mahazo ka tsy ahafahana manao na inona na inona eo anoloan' ny zava-misy manahirana.

Mifona izahay fa tsy manao ny asan' ny finoana.

Mifona izahay noho ny tsy fahampian' ny fanantenana, ny finoana eo anatrehan' ny olana sy ny fanamby.

Mifona izahay noho ny tsy fahampian' ny fitiavana.

Ampio izahay hanaiky ny fanovana ataonao ao amin' ny fiainanay.

Ampio izahay hiova eo amin' ny fonay, ny fisainanay, ny fijerinay, ny fitondrantena amam-pihetsikay noho ny herin' i Jesoa Kristy nandresy ny fahafatesana sy noho ny asan' ny Fanahy Masina.

Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy Fiainana sy Famonjena ary Fitiavana no angatahanay izany. Amena.

### 2.5.2. - Vavaka fisaorana :

Andriamanitra ! misaotra anao noho ny ohatra izay azonay raisina ao amin' i Jesoa Kristy.

Andriamanitra ! misaotra Anao noho ny asan' ny Fanahy Masina izay manavao.

Misaotra fa raha mifona izahay dia vonona Ianao Andriamanitra hamela noho ny amin' i Jesoa Kristy.

Andriamanitra ! misaotra fa afaka miaina amin' ny fiainan' ny voavela heloka izahay satria efa navelanao heloka sy voasasan' ny r soan' i Jesoa Kristy.

Andriamanitra ! misaotra fa na dia mahantra sy mpanota aza dia nasain' i Jesoa Kristy hiombon-databatra Aminy :

Andriamanitra ! na dia tontolo feno fisaratsarahana sy fizarazarana ary fanavakavahana aza no misy anay dia raisin' i Jesoa Kristy ny tsirairay aminay mba hiombom-piainana Aminy.

Misaotra fa avelan' i Jesoa Kristy hiaina amin' ny fiombonana izahay.

Misaotra noho ny fitsanganan' i Jesoa Kristy tamin' ny maty, ny tantara voasoratra, ny finoana sy ny hery tao amin' ireo vehivavy ny andron' ny Paska.

Misaotra noho izay rehetra mitarika anay hino sy hatoky Anao.

Misaotra fa izahay koa afaka hitsangana hiala amin' ny tahotra sy ny tsi-fahampian' ny fanantenana. Misaotra Tompo ! Amen.

**2.5.3. - Vavaka fangatahana :**

Tompo o ! omeo hery izahay hijoro hanakana ny fiparitahan' ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Tompo o ! omeo tanjaka hanorina Fiangonana fiombonana tsy misy fanavakavahana. Fiangonana fampiantranoana ny rehetra. Fiangonana misokatra ho an' ireo izay heverina ho ny avy any ivelany, ireo mahantra, ireo marary.

Tompo ! Mangataka izahay mba hiasa Ianao hanova ny Fiangonana ho tonga toerana iray izay ankasitrahanao. Andriamanitra ! Ho Fiangonana miova fomba fijery ka hanana ny fijerinao Jesoa Kristy. Ho Fiangonana manova fomba fihetsika ka ho Fiangonana mangoraka sy onena vokatry ny fitiavanao Kristy izay nanery azy. Ho Fiangonana miova fomba fampianarana ka hanomana adi-hevitra misokatra miainga avy amin' ny Tenin' ny Soratra Masina. Ho Fiangonana hanao teny fanentanana sy filamatra ho fanamby miaraka Aminao Jesoa Kristy Mpandresy. Ho Fiangonana manao fandinihana Soratra Masina hahitana ny zava-baovao mahagaga ao amin' ny Teninao.

Tompo ! Irinay ny Fiangonana hanao toriteny fanamafisana sy fampahatsiarovana indray ny firaisana sy ny fiombonana ary ny fifankatiavana. Irinay ny Fiangonanao handresy lahatra ny mpino rehetra tsy misy ankanavaka hanao fitiliana amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA. Irinay ny Fiangonanao hijoro hatramin' ny farany amin' ny fanamby izay napetraka.

Ry mpihaino vavaka ! Atsangano ny Fiangonana hitondra avo ny faneva fa ny finoana izay ijoroany sy iainany isan' andro no ahafahany mitondra fandresena amin' ny ady atao amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA, amin' ny ady atao amn' ny herisetra, ny fanolanana, amin' ny ady atao amin'



ny fahantrana ara-tsaina, ara-panahy, ady atao amin' ny fanavakavahana sy ny fanilikilihana, amin' ny ady atao amin' ny fanginana sy ny tsy fitenenana, amin' ny ady atao amin' ny fifikirana amin' ny rafitra nataon' olombelona noho ny fifikirana amin' Andriamanitra.

Ny vavakay rehetra izay angatahinay izay manery anay ka tononinay mangina eo Aminao aty am-ponay (fotoana fohy mangina).

Andriamanitra Rainay ! Jesoa Kristy Tomponay ! Fanahy Masina Mpampahery anay ! Atolotray Anao ny dera sy ny laza anio ho mandrakizay.

Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy Tomponay. Amen !

FEHINTENY

Mila vavaka sy mila mivavaka ny Fiangonana tahaka an' i Jesoa Kristy izay Lohany. Jesoa Kristy mivavaka (Jao. 17). Andriamanitra mamaly vavaka.

Vavaka no fitaovana iray nomen' Andriamanitra eo ampelatanan' ny Fiangonana mba ahazoany miatrika izao ady izao.

Vavaka mba haharitra amin' ny ady atao ka hihazonana ny finoana hatrany.

Vavaka miandrandra fandresena.

TOKO VI

## IZAY ANDRASANA AMIN' NY FIANGONANA NA IREO DIDY FOLO AMIN' NY ADY ATAO AMIN' NY SIDA

Fitsipi-pitondratena miainga avy amin' ny fandinihana ny lohahevitra araka ny Soratra Masina, ny teolojia, ny etika sy ny zon' olombelona no nakana ireo didy folon' Andriamanitra amin' ny alalan' ny Soratra Masina.

**Didy voalohany :**

➢ BAIKO TSY MAINTSY ATAO NY ADY AMIN' NY SIDA MBA HISIAN' NY OLONA MIAINA HATRANY HO VELONA ARAKA IZAY SITRAK' ANDRIAMANITRA. HITOHIZAN' NY FIAINANA (Gen. 1, 2).

**Didy faharoa :**

➢ NY PAIK' ADY TSARA INDRINDRA DIA NY FAMPAHAFANTARANA SY FAMPIANARANA MITOHY NY AMIN' NY FOMBA MANDAITRA HO ENTI-MIADY AMIN' NY FIHANAKY NY TSIMOK' ARETINA VIH/SIDA (I Jao. 4 : 7-21).

**Didy fahatelo :**

➢ TSY MAINTSY MANAO ADIHEVITRA MISOKATRA NY AMIN' NY MAHALAHY SY MAHAVAVY SY NY FAMPIFANDRAISANA IZANY AMIN' NY TENIN' ANDRIAMANITRA AO AMIN' NY BAIBOLY NY FIANGONANA (Sal. 24 : 1 ; Gen. 1 : 29).

**Didy fahefatra :**

➢ TSY ANDRIAMANITRA MPANAFAY NY ANDRIAMANITRA TORIANA SY ENTIN' NY FIANGONANA EO AMIN' NY VAHOAKA. FA ANDRIAMANITRA RAIN' NY FAMINDRAM-PO SY JESOA KRISTY MPAMELA HELOKA. (Lio. 6 : 36 ; Mat. 25 : 31-46 ; Jao. 8 : 1-11).



**Didy fahadimy :**

➢ FIANGONANA MAHAY MAMPIFANARAKA MIRINDRA IREO ARETINA SOSIALY HAFA MAMELY TOY NY FAHANTRANA, NY TSY FITOVIANA EO AMIN' NY FIARAHA-MONINA, NY FANILIKILIHANA NY VEHIVAVY, NY FANOLANANA, NY PEDOFILIA, NY ADY AN-TRANO AMIN' NY ADY ATAO AMIN' NY SIDA AMIN' NY FANAMBY LEHIBEN' NY FIANGONANA (Gen. 1 : 28-29).

**Didy fahenina :**

➢ FIANGONANA MPITARIKA NY OLONA MBA TSY HANAVAKAVAKA SY HANILIKILIKA KA HITENY SY HISOKA-BAVA FA TSY HANGINA INTSONY MANOLOANA NY HERISETRA SY NY TSIFANAJANA NY ZON' OLOMBELONA ARY MANOMBOKA INDRINDRA AO AMIN' NY FIANGONANA IZANY (Gal. 3 : 28-29).

**Didy fahafito :**

➢ ANTSOINA NY FIANGONANA MBA HITONDRA NY FILAZANTSARA MPANAFAKA IZAY HAMERINA INDRAY NY FANDALANA NY RARINY SY NY HITSINY ARY NY FITOVIAN-JO EO AMIN' NY LEHILAHY SY NY VEHIVAVY (Jao. 8.36).

**Didy fahavalo :**

➢ MANANA ANJARA GOAVANA AMIN' NY FANDRAISANA ANTANANA NY OLONA MIAINA MIARAKA AMIN' NY TSIMOK' ARETINA VIH/SIDA NY FIANGONANA (Est. 8 : 6).

**Didy fahasivy :**

➢ MPITORY NY FITIAVANA, NY FAHA-ONENA-NA, NY FANDRAISANA AM-PITIAVANA NY OLONA MIAINA MIARAKA AMIN' NY VIH/SIDA NY FIANGONANA TAHAKA AN' I JESOA KRISTY NANDRAY IREO IZAY NIARA-NIAINA TAMINY : NY MAHANTRA, NY MARARY, NY MPANOTA, NY MPAMORY HETRA (I Jao. 1 : 4).

**Didy fahafolo :**

➢ ANTSOINA HAMOLAVOLA TETIK' ASA FAMPANDROSOANA NY FIANGONANA MANOLOANA NY FIHANAKY NY TSIMOK' ARETINA VIH/SIDA (Heb. 6 : 1).

## FEHINTENY

Teo amin' ity fizarana faharoa ity no nitondrana ny fampiharana ireo fotokevitra samihafa naroso tamin' ny fizarana voalohany.

Fanamafisana sy fandalinana indrindra no niezahana natao ho fampiharana amin' ny Fiangonana no natao teto amin' ity fizarana faharoa ity mba tsy ho teoria fotsiny ihany, na hijanona eo amin' ny fizarana voalohany.

Mbola maro ny fikarohana tokony hatao amin' ny fampiharana ireny hevi-dehibe avoakan' ny Soratra Masina ireny. Indrindra ny amin' ny fomba fanaovana ny toriteny sy ny fandinihana ny Soratra Masina. Afaka miseho ho toy ny Animation ihany koa izy ireny.

Ny sampana velona rehetra ao amin' ny Fiangonana no kendren' ireny fampiharana ireny na ny zaza na ny tanora na ny ray aman-dreny.

Ilaina indrindra ireny fampiharana ireny, atao mitohy ka azo anaovana sy anomanana lasy mihitsy aza. Azo ampiana izay natolotra teo amin' ity fizarana faharoa ity noho ny fikarohana izay azo atao sy mitohy.



## TENY FAMARANANA

Eto no anehoana fa mbola ilaina indrindra ny hampitaovana ny Fiangonana sy ny mpino ao aminy amin' izay tokony mbola hatao amin' ny ady amin' ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.

Ireo lohahevitra samihafa sy ny tari-dalana nentina dia nahitana fa ireny indrindra no maha-Fiangonana Tenan' i Kristy Irak' Andriamanitra eto amin' izao tontolo izao hanao sy hanatanteraka ny sitrapon' Andriamanitra irery ihany azy. Ny fanambin' ny Fiangonana ry dia ny fandinihana ny tenany indray raha mitoetra amin' ny finoana izy na tsia (I Kor. 13 : 5).

Finoana mandresy ireo hevitra raiki-tapisaka ka manaiky ny fanovana sy ny fiovana amin' ny fomba fijery, ny amin' ny tontolon' ny fahariana, ny mahalahy sy ny mahavavy.

Finoana mandresy ka Fiangonana mandresy ny fanavakavahana sy ny fanilikilihana. Izay no fanambin' ny Fiangonana. Ny fandresena tsy hoe tsy misy olona miaina miaraka amin' ny tsimok' aretina VIH/SIDA intsony, tsy hoe ho fongana ny aretina SIDA fa ny fahatokiana an' Ilay Jesoa Kristy sy ny finoana Azy izay efa nanao ny Teny Fikasana kosa. Ny fiveloman' ny Kristiana ny Tenin' Andriamanitra amin' ny fisorohana ka manana fitondrantena mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra, ka miaina ny Fitiavan' Andriamanitra ***AGAPE*** noho ny herin' ny Fanahy Masina no fandresen' ny Fiangonana amin' ny ady ataony.

Voafetra ny voatolotra satria voafetra rahateo ny mpanoratra. Koa ny fanirianay dia enga anie Andriamanitra Ray hampitombo izay voafafy ho avy enim-polo heny, avy zato heny hitondra vokatra : finoana miorim-paka tsara ao amin' i Kristy Jesoa Tompon' ny finoana sy Mpanefa azy, ka mahasedra ny zava-tsarotra rehetra.

Ny Fiangonana eo amin' ny toerana misy azy dia ny Fiangonana Sekolin' ny mpanota. Ny Fiangonana ho an' ny marary mila fanafody, mikarakara sy manolotra fanafody ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy.

Tenan' i Kristy ny Fiangonana izay mitondra ny tsimok' aretina VIH/SIDA dia fiombonana mpitondra fahasitranana sy fahatsaram-panahy ho an' ny rehetra.

- ANDRIAMAMPIANINA Zaka, **FIFANDRAISANA SY FIANGONANA**, Antananarivo 2005.
- APAWO Isabel Phiri, **AFRICAN WOMEN, HIV/AIDS and Faith Communities**, Beverley Hadded Cluster Publications Pietermartzburg, South Africa 2003.
- Conseil ¸cumnique des Eglises, **FACE AU SIDA, LA REPONSE DE LEGLISE** , Laction des Eglises Document dtude et dclaration sur le VIH/SIDA COE 1998, Genve Suisse.
- Conseil ¸cumnique des Eglises, **GUIDE POUR LACCOMP AGNEMENT PASTORAL DES PERSONNES TOUCHEES PAR LE VIH/SIDA**, COE Genve 1990.
- Conseil ¸cumnique des Eglises, **Le SIDA, sinformer , informer**, Genve, CMC-Action des Eglises pour la Sant, 1996.
- Conseil ¸cumnique des Eglises, **Modles de prdication et de mditations bibliques dans le contexte du VIH/SIDA en Afrique**, Editions COE, Genve 2003.
- Conseil ¸cumnique des Eglises, **Plan daction : la rponse ˘cumnique aux dfis du VIH/SIDA en Afrique**, Genve, 2001.
- Conseil ¸cumnique des Eglises, **Quest-ce que le SIDA ?** Genve, CMC - Action des Eglises pour la Sant, 1995.
- DUBE Musa, **AFRICA PRAYING**, 2004, WCC Genve, Suisse.
- **Famintinana ny fampiharana tsara indrindra ao Afrika** ONUSIDA, 2000.
- **Fanambaram-panekena fandraisana andraikitra manoloana ny VIH/SIDA** ONU, ONU-SIDA, Imp. NIAG Antananarivo 2003.
- **Fanambarana iraisam-pirenena momba ny Zon' olombelona**, CINU Antananarivo.
- Ministre de la Population, de la Condition Fminine et de lEnfance, **MIRALENTA HO AN' NY FAMPANDROSOANA**, Janoary 2003 Antananarivo, Madagascar.
- PARRY (Dr Sue), **Les organisations dinspiration religieuse dans la lutte contre le VIH/SIDA en Afrique subsaharienne**, COE/EHAIA Novembre 2003.
- PATERSON Gillian, **Eglise, SIDA et Stigmatisation** Document de travail 2002.
- PATERSON Gillian, **Les autorits ecclsiastiques et le VIH/SIDA, un nouvel engagement** Document de travail 2001.
- RAMAROSATA Raholisoa Aline, **Ny Tononkiram-pitiavana tonga lafatra indrindra**, Tanisavolana Hebreo-Malagasy TPFJKM Antananarivo, 2000.
- RAVAOZANANY Noroarisoa, RABENORO Mireille, RAZAFINDRABE Lon N., **Genre et comportement sexuel, collection Madagascar : prpar er une riposte au VIH/SIDA**, Antananarivo Octobre 2002.









***Fihaonana tao Antananarivo, May 2005.***
***Filan-kevitra Ekiomenika Fiangonana Eran-tany .***

FANOROAM-PEJY


- **Teny fanolorana** ........ 5
- **Teny mialoha** ........ 7
- **Teny fampidirana** ........ 8 - 9


FIZARANA VOALOHANY
**IREO LOHAHEVITRA SAMIHAFA**

TOKO I : **Ny fotokevitra ao amin' ny Soratra Masina.**


1.1.1. - Ny maha-Fiangonana Kristiana ny Fiangonana ........ 14
1.1.1.1. - Ny teny ny amin' ny fiombonana ........ 15
1.1.1.2. - Ny eny enti-miady amin' ny fanilikilihana ........ 16
1.1.2. - Ny ota sy ny famelan-keloka ........ 18
1.1.2.1. - Ny aretina sy ny ota ........ 18
1.1.2.1.1. - Ny ota ........ 19
1.1.2.1.2. - Ny aretina ........ 19
1.1.2.2. - Ny famelan-keloka ........ 20
1.1.3. - Ny fiainam-baovao avy amin' ny fiovana sy ny fanovana ........ 21
1.1.3.1. - Asan' Andriamanitra ........ 21
1.1.3.2. - Anjaran' ny olona ........ 23
1.1.4. - Ny aretina sy ny fahasalamana ........ 24
1.1.4.1. - Ny aretina sy ny fanasitranana ........ 24
1.1.4.1.1. - Ny aretina amin' ny ankapobeny ........ 24
1.1.4.1.2. - Ny aretina amin' ny mahalahy sy ny mahavavy ........ 25
1.1.4.2. - Ny faharefoana ........ 25
1.1.4.3. - Ny fitsaboana sy ny fisorohana ........ 26
1.1.4.3.1. - Ny fitsaboana ........ 27
1.1.4.3.2. - Ny fisorohana ........ 28
1.1.5. - Ny fifankatiavana sy ny fiaraha-monina ........ 28
1.1.5.1. - Ny fifankatiavana ........ 29
1.1.5.2. - Ny fiaraha-monina ........ 29
- **FEHINTENY** 30


TOKO II : **Ny fotokevitra teolojika.**


1.2.1. - Ny Teolojian' ny fahariana ........ 31
1.2.1.1. - Ny mahalahy sy ny mahavavy ........ 32
1.2.1.1.1. - Ny zava-kendren' Andriamanitra ........ 32
1.2.1.1.2. - Ny zava-kendren' ny Fiangonana ........ 33
1.2.1.2. - Ny fifandraisana tao amin' ny fahariana ........ 33
1.2.2. - Ny teolojian' ny famelan-keloka ........ 35
1.2.2.1. - Ny teolojian' ny fahotana ........ 35
1.2.2.1.1. - Ny fitanisana ny fahotana ........ 35
1.2.2.1.2. - Ny fialna amin' ny fahotana ........ 37
1.2.2.2. - Ny teolojian' ny famelan-keloka ........ 38
1.2.3. - Ny teolojian' ny fanantenana ........ 40
1.2.3.1. - Ny teolojian' ny fahararian, ny fahafatesana ary ny fitsanganana amin' ny maty ........ 41
1.2.3.1.1. - Ny fahararian ........ 41
1.2.3.1.2. - Ny fahafatesana ........ 42
1.2.3.1.3. - Ny fitsanganana amin' ny maty ........ 42
1.2.3.2. - Ny teolojian' ny fanantenana azo volavolaina ........ 43
1.2.4. - Ny teolojian' ny onena ........ 43
1.2.4.1. - Jesoa Kristy onena ........ 44
1.2.4.2. - Fiangonana onena ........ 44
1.2.5. - Ny teolojian' ny Fiangonana ........ 45
1.2.5.1. - Kristy Jesoa no Lohan' ny Fiangonana ........ 45
1.2.5.2. - Fiangonana Tenan' i Kristy Jesoa ety an-tany ........ 45
- **FEHINTENY** ........ 47


TOKO III : **Ny Etika azo atao manoloana ny fihanaky ny tsimok' aretina VIH/SIDA.**


1.3.1. - Ny toetra mampiavaka ny Etika Kristiana ........ 48
1.3.2. - Ireo fotokevitra ........ 49
1.3.2.1. - Ny fanajana ny maha-olona ........ 49
1.3.2.2. - Ny fanaovan-tsoa mivantana ........ 50
1.3.2.3. - Ny fanaovan-tsoa amin' ny ankapobeny ........ 50
1.3.2.4. - Ny fandalana ny rariny sy ny hitsiny ........ 50
1.3.2.5. - Ny fifandraisana mirindra ........ 50
1.3.2.6. - Ny fitanana ny tsiambaratelo ........ 51
1.3.2.7. - Ireo fepetra samihafa ........ 51
1.3.2.8. - Ny fitiliana ny tsimok' aretina VIH/SIDA ........ 51
1.3.2.9. - Ny fikarohana tsy maintsy atao ........ 51
1.3.2.10. - Ny fampandrosoana ........ 52
1.3.3. - Fanamarihana ........ 52
- **FEHINTENY** ........ 53

TOKO IV : **Ny Zon' olombelona.**

1.4.1. - Fanomezan' Andriamanitra ny Zon' olombelona ... 59
1.4.2. - Zo hatramin' ny fahariana ... 59
1.4.3. - Zo fantarina sy hajaina ka arovana ... 60
1.4.4. - Zo mitovy eo amin' ny lahy sy ny vavy ... 60
1.4.5. - Zo manafaka ... 60
- **FEHINTENY** ... 62

TOKO V : **Ny fanaraha-maso sy ny fandraisana an-tnana pastoraly.**

1.5.1. - Ny fanampiana sy ny fikarakarana eo amin' ny fitaovana ... 64
1.5.2. - Ny fampaherezana ... 64
1.5.3. - Ny fitsimbinana sy ny fiandaniana ... 65
1.5.4. - Ny torohevitra sy ny fandraisana an-tnana ... 65
1.5.4.1. - Ny fizarana fiainana ... 65
1.5.4.2. - Ny fizarana famonjena ... 65
1.5.4.3. - Ny fizarana fitiavana ... 66
- **FEHINTENY** ... 67
- Teny famaranana 68-69

F I Z A R A N A F A H A R O A
**TARI-DALANA HO FAMPIHARANA**

TOKO I : **Ny teny fanentanana sy teny filamatra**

2.1.1. - Ny teny fanentanana ... 74
2.1.2. - Ny teny filamatra ... 75
2.1.2.1. - Fisorohana ... 75
2.1.2.2. - Fiarovana ... 76
2.2.2.3. - Fifampitokisan' ny mpivady ... 76
2.1.2.4. - Fahononan-tena ... 77
2.1.2.5. - Fanampiana ny hafa, firaisan-kina, fiombonana ... 78
2.1.2.6. - Fandraisana an-tnana ... 79
- **FEHINTENY** ... 79

TOKO II : **Fandinihana Soratra Masina**

2.2.1. - Ny fiombonan' ny mpino ... 80-84
2.2.2. - Ny tsy fanilikilihana ... 85-87
2.2.3. - Ny fisorohana ... 88-90
2.2.4. - Ny fahononan-tena ... 91-92
2.2.5. - Ny fifanajana ... 93
2.2.6. - Ny fanasitranana ... 94-96
2.2.7. - Ny fiovana sy ny fanovana ... 97-100
2.2.8. - Ny ota sy ny famelan-keloka ... 101-105
2.2.9. - Ny fitiavana ... 106-108
2.2.10. - Ny mahalahy sy ny mahavavy ... 109-113
2.2.11. - Ny fandraisana andraikitra ... 114-117
2.2.12. - Ny fanavaozana indray ny fitoriana ny Filazantsara ... 118
- **FEHINTENY** ... 119

TOKO III : **Ny Marika iraisam-pirenena**

- Teny mialoha ... 120
**2.3.1.** - Ny labozia mirehitra ... 120
**2.3.2.** - Ny rib mena ... 120
**2.3.2.1.** - Ny niandohany ... 120
**2.3.2.2.** - Ny loko mena ... 121
**2.3.2.3.** - Ny vona ... 121
- **FEHINTENY** ... 121

TOKO IV : **Ny fanaovana Toriteny**

2.4.1. - Fomba fanaovana toriteny amin' ny toe-java-misy ny VIH/SIDA ... 122
2.4.2. - Ohatra Toriteny ... 124
2.4.2.1. - Toriteny ny amin' ny famelan-keloka ... 124
2.4.2.2. - Toriteny ny amin' ny fanantenana ... 125
2.4.2.3. - Toriteny ny amin' ny fitiavana ... 127
- **FEHINTENY** ... 128

TOKO V : **Vavaka**

2.5.1. - Vavaka fifonana ... 129
2.5.2. - Vavaka fisaorana ... 130
2.5.3. - Vavaka fangatahana ... 131
- **FEHINTENY** ... 132

TOKO VI : Izay andrasana amin' ny Fiangonana na ireo didy folo amin' ny ady atao amin' ny SIDA.

- Didy folo ... 133-134
- Les dix commandements ... 135
- FEHINTENY ... 137
- Teny famaranana ... 138
- Ny loharano nanovozan-kevitra ... 139
- Fanoroam-pejy ... 141-144

T. P. F. L. M - Lah. 824/02/06 - Tirage : 2.000 ex.